



VOLAVOLAN~DALÀNA LAHARANA FAHA~015/2025
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA
HO AMIN'NY TAONA 2026

PROJET DE LOI n° 015/2025
PORTANT LOI DE FINANCES
POUR 2026

VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-015/2025
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA
HO AMIN'NY TAONA 2026



VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-015/2025 MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA HO AMIN'NY TAONA 2026

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Tompokolahy sy tompokovavy,

Ny Volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2026 dia tafiditra anatin'ny fiovana ara-politika sy ara-drafitra. Ny Governementan'ny Fanavaozana dia mikendry ny hanome hery vaovao ho an'ny fampandrosoana ny firenena, amin'ny alalan'ny famaliana ny hetahetan'ny vahoaka sy amin'ny alalan'ny fametrahana ireo fototry ny fitantanana ara-drariny, mangaraharaha ary tompon'andraikitra.

Ny fanavaozana nasionaly dia mifototra amin'ny laharam-pahamehana enina lehibe, izay hita taratra anatin'ny famolavolana ny tetibola ho an'ny taona 2026 :

- **Fisitrahana angovo** : fanomezana antoka ny fahazoana herinaratra maharitra sy afaka sitrahan'ny rehetra, izay fepetra fototra amin'ny fanohanana ny famokarana anatin'ny, ny fanatsarana ny asa raharaham-panjakana ary ny fampihenana ny tsy fitoviana ara-paritra .
- **Fisitrahana rano fisotro madio ho an'ny rehetra** : fanomezana toky ny fisiana sy ny kalitaon'ny tolotra amin'ny rano fisotro madio, indrindra eny amin'ny tontolo ambanivohitra, mba ho fampivoarana ny fahasalamam-bahoaka sy ny fiainan'ny mponina.
- **Fahasalamana ho an'ny rehetra** : fanamafisana ny rafitra ara-pahasalamam-bahoaka, fanatsarana ny kalitaon'ny fitsaboana, fanitarana ny fiantohana ara-pahasalamana ary fanarenana ny fotodrafitrasa ara-pitsaboana fototra.
- **Fanabeazana tsara kalitao sy fampiofanana mifanaraka amin'ny zava-misy** : fampiharana fanabeazana tsara kalitao, ara-drariny ary mirindra ho an'ny rehetra. Atao laharam-pahamehana ny kalitaon'ny fampianarana min'ny ambaratonga rehetra, sy ny fanatsarana ny fahafahan'ny tanora miasa amin'ny alalan'ny famoronana tetikasa fampiofanana mifanaraka amin'ny tena filàn'ny tsenan'ny asa.

Ny rafi-panabeazana dia tokony hamolavola olom-pirenena mahafehy asa, mahay ary afaka miditra amin'ireo sehatra ara-toekarena mampandroso.

- **Famoronana asa sy fanohanana ny fandraharahana** : fanohanana ny famoronana asa, indrindra ho an'ny tanora, amin'ny alalan'ny fanampiana ny fisandratan'ireo orinasa eto an-toerana sy fanamorana ny fahafahana miditra eo amin'ny tsena.

Ny Governementa dia hanohana ny finiavana ara-ekonomika sy hanampy ireo mpisehatra maniry hanangana na hanitatra ny asa famokarana.

- **Firaisankina nasionaly sy fampandrosoana andraisan'ny rehetra anjara** : famporisihana ny fiaraha-miasa eo amin'ny andrim-panjakana, ny vondrom-bahoaka, ny, sehatra tsy miankina, ny fiarahamonim-pirenena ary ny olom-pirenena, ahafahana miantoka ny fampandrosoana tsy mitanila, mandray anjara ary ara-drariny manerana ny faritra rehetra.

Ny Volavolan-dàlana mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2026 dia mandika izany fitodihana ara-politika izany ho valin-teny ara-tetibola mazava, izay mikendry ny fanamafisana ny toe-karena, ny fiantohan'ny fahombiazan'ny fitantanam-bolam-panjakana, ary ny fampiasana ireo loharanon-karena amin'ireo laharam-pahamehana fototra sy miakan'ny vahoaka.

Ireo laharam-pahamehana ireo dia mikasika indrindra ny:

- Famerenana amin'ny laoniny ny raharaham-panjakana fototra, toy ny sehatry ny angovo, ny fiarovana, ny fahasalamana, ny fanabeazana ary ny soatoavina malagasy ;
- Fampiharana politika ara-bola hentitra, amin'ny alalan'ny fanamafisana ny fidiram-bola hetra sy fanatsarana ny fifehezana ny fandaniam-bolam-panjakana ;
- Fanamafisana ny andrim-panjakana sy ny fanavaozana ny fitantanam-draharaha, ny ady amin'ny kolikoly mba ho Fanjakana manaraka ny toetr'andro, mahitsy ary miasa ho an'ny fampandrosoana.

Ankoatra ny lafiny ara-tetibola, ny Volavolan-dàlana mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2026 dia taratasy fanorenana ny fanavaozana ny firenena, izay iantsoana ny mpisehatra rehetra — ny Governementa, ny andrim-panjakana, ny vondrom-bahoaka, ny sehatra tsy miankina, ny fiarahamonim-pirenena ary ny olom-pirenena — hiara-hiasa amin'ny ezaka iraisana entina manarina ny firenena. Izy io dia maneho ny fanomezan-tokin'ny Governementa amin'ny famerenana ny fitoniana, ny fiaraha-monina mirindra ary ny famelombelomana ny fanantenan'ny vahoaka malagasy amin'ny hoavin'ny Firenena.

I- ZAVA-MISY EO AMIN'NY SEHATRY NY TOE-KARENA

I.1- NY FIVOARAN'NY TOE-KARENA NANDRITRY NY ENIM-BOLANA VOALOHAN'NY TAONA 2025

Tamin'ny tapany voalohany ny taona 2025 dia maro ny zava-nitranga hita taratra teo amin'ny fiainam-pirenen'i Madagasikara. Voamarika manokana fa nisy fiantraikany teo amin'ny toe-karentsika ny olana ara-toetr'andro, toy izany koa ny fahatapahan'ny herinaratra matetika. Ankoatra izay dia teo

koa ny fiakaran'ny haban'ny fadin-tseranana amerikana ary ny fampitsaharana tanteraka ireo asa nataon'ny USAID. Na izany aza anefa dia nisy ihany koa ny fotodrafitrasa izay tanteraka. Mba ahafahana mifehy ny fison-drotan'ny vidim-piainana, dia nisy ny fampakarana ny « *Taux directeur* » izay fepetra noraisin'ny Banky Foiben'i Madagasikara. Nandritra iny tapa-taona voalohany iny dia nandray fihaonambe iraisam-pirenena maro ihany koa Madagasikara izay nitondra vokatra tsara teo amin'ny fizahan-tany.

Nitohy niarina hatrany ny sehatry ny "*Fambolena*" noho ny fiakaran'ny vokatra teo amin'ireo voly fototra toy ny fambolem-bary, mangahazo sy katsaka. Ny sehatra "*Fiompiana sy Jono*" kosa dia nihisatra noho ny fikatonan'ireo toeram-piompiana hazan-drano sasany noho ny fihenana'ny filàna avy amin'ny tsena ivelany (indrindra Chine sy Eoropa). Teo ihany koa moa ny fampihenana ny fahazoan-dalana ho an'ny jono tamin'ity taom-pamokarana 2025 ity.

Hita fa miiba hatrany ny sehatry ny "*Fitrandrahana harena an-kibon'ny tany*" noho ny fidinan'ny vidin'ny vokatra maneran-tany. Na izany aza anefa dia nitombo ny vokatra sasany. Ohatra amin'izany ny vokatra nickel. Azo lazaina ho nandroso ihany ny sehatra fanondranana lamba mankany Etazonia sy Afrika Atsimo, na dia mbola nampisalasala aza ny fitohizan'ny AGOA (Africa Growth Opportunity Action) sy na dia teo aza ny fepetra momba ny haba amin'ny fadin-tseranana amerikana.

Mandroso ny sehatry ny "*Asa vaventy*" sy ny "*Fizahan-tany*" ary ny "*Fitaterana*". Mihatsara ihany koa ny sehatry ny "*Banky sy Fiantohana*" izay hita taratra amin'ny fitomboan'ny fampindramam-bola.

Fitantanana ny isan'ny mpiasampanjakana : Fanekena manome antoka ho an'ny fahombiazana amin'ny asa vita sy ny fandrosoana iaraha-misalahy.

Ao anatin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanambolam-panjakana ho an'ny taona 2026, ny Governemanta vaovao dia manomboka fanavaozana goavana amin'ny fitantanana ny isan'ny mpiasampanjakana, izay mifototra amin'ny fomba fanao stratejika, raitra ary mirona amin'ny fahazoana vokatra. Ity politika vaovao momba ny loharanokarena mifototra amin'ny olombelona ity dia mikendry ny hanomezana ny Fanjakana ny fahaizamanao ilaina amin'ny fanatanterahana ny vina momba ny fanavaozana, ny fahombiazana ary ny fandrosoana iaraha-misalahy, miaraka amin'ny fihazomana ny fahariperin'ny tetibola.

Ny fametrahana vinavina eo amin'ny isan'ny mpiasam-panjakana ho an'ny taom-piasana 2026 dia mandray an-tsaina ny fialan'ny mpiasa amin'ny fomba voajanahary, anisan'izany ny mpiasa miisa 4 760 handeha hisotro ronono, ary ny fialana noho ny antony hafa (fametrahana fialàna, fahafatesana, fandroahana, sns.) izay heverina hiisa 922. Mirazotra amin'izany, ny Governemanta dia mikasa ny hamorona toeranasa 13 274 anatin'ny teti-bola, mba hamaliana ny filan'ny sehatra manan-danja amin'ny alalan'ny fandraisana mpiasa voatokana, sady amin'ny alalan'ny fandraisana mivantana (mpiasa fehezina'ny fifanekena vaofetra) sy amin'ny alalan'ny fifaninanana hidirana amin'ny asam-panjakana (mpiasa maharitra).

Ity paikady fanitsiana sy fanatsarana ny isan'ny mpiasampanjakana ity dia misoratra anatin'ny lojikan'ny fampanarahana toetrandro ny Raharaham-panjakana, fanamafisana ny fahaiza-manao eo

amin'ireo rafi-panjakana, ary fanatsarana ny fipariahana manerana ny faritra ho an' ireo tolodraharaham-panjakana. Izy io dia maneho ny fahavonon'ny Governemanta hanangana Fanjakana mahomby, tompon'andraikitra ary akaiky ireo olom-pirenena, izay afaka manampy amin'ny fanovàna ara-toekarena sy ara-tsosialy ao Madagasikara.

Mifanaraka amin'ny vina vaovao napetraky ny Governemanta, ity politika ity dia mandray anjara amin'ny fananganana Fanjakana mahomby sy tsy manao fizara-mitanila, izay antoky ny fandrosoana maharitra ho an'ny olombelona, ny Fanjakana tsara tantana ary ny fiombonana ara-tsosialy, izay andrin'ny fahombiazan'ny drafi-pampandrosoana an'i Madagasikara.

I.2- VINAVINA 2025 SY 2026

Marihina fa ny vinavina ara-toe-karena 2025 sy 2026 dia natao talohan'ny nisan'ny toe-draharaha tamin'ny volana septambra 2025. Amin'izao fotoana izao dia eo ampanangonana ireo antontan'isa hahafahana mikajy ny fiantraikan'izany ireo tompon'andraikitra manandrify an'izany.

Vinavina ara-toekarena ho an'ny faran'ny taona 2025

Rehefa natao ny angom-baovao sy antontan'isa tamin'ny valo volana voalohany, dia tombanana ho +4,6% ny fitombon'ny toekarena nandritra ny taona 2025. Izany dia nifototra indrindra tamin'ny fandrosoan'ny sehatra *“Fambolena”* (+10,3%), *“Fitaovana fanorenana”* (+11,4%), *“Asa vaventy”* (+6,8%), *“Fizahan-tany”* (+23%), *“Paositra sy Fifandraisan-davitra”* (+9,4%), ary *“Banky sy Fiantohana”* (+8,8%).

Vinavina ho an'ny taona 2026

Amin'ny ankapobeny dia antenaina ho tsara kokoa ny fivoaran'ny toe-karem-pirenena amin'ny taona 2026, ka vinavinaina ho +4,8% ny fitomboany, izany dia noho ireo asa maro soritana ho fanavaozana an'i Madagasikara. Kendrena hitombo hatrany ny vokatra eo amin'ny sehatry ny fambolena noho ny hanavaozana ny fotodrafitrasa famatsian-drano. Ny fanatsarana ny tolotra jiro sy rano sy ny fanatanterahana foto-drafitr'asa mifanandrify amin'izany dia ho entina mampitombo ny vokatra ny indostria. Ny fampiasam-bola vaovao eo amin'ny ny sehatry ny angovo dia hanampy amin'ny fitrandrahana angovo avy amin'ny tobi-pamokarana mandeha amin'ny solika sy mandeha amin'ny angovo azo avy amin'ny masoandro. Kendrena hiroborobo hatrany ny fizahantany noho ny fisokafan'ireo zotra an'habakabaka vaovao sy ireo ezaka atao amin'ny fampahafantarana an'i Madagasikara eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Hahazo tombony amin'ny fanalalahana sy fifaninanana ara-barotra ny sehatra nomerika sy fifandraisan-davitra ary hanatsara ny fisitrahana'ireo faritra ambanivohitra izany.

Seha-pihariana voalohany

Tombanana ho +6,4% ny fitomboan'ny seha-pihariana voalohany amin'ny taona 2026. Marihina fa mivoatra hatrany ny sehatra *“Fambolena”* amin'ny alalan'ny tetikasa lehibe toy ny *“Stratégie Nationale de Développement Rizicole III”* na SNDR III, izay mikendry hampitombo avo roa heny ny voka-bary amin'ny alalan'ny fanitarana tany fambolena ary hampihena ny fahaverezan'ny vokatra mandritra sy aorian'ny fijinjana. Heverina fa hitombo ho +4,3% kosa ny sehatra *“Fiompiana sy Jono”*.

Seha-pihariana faharoa

Taorian'ny fihenany izay $-0,7\%$ tamin'ny taona 2025, dia antenaina hihatsara ny seha-pihariana faharoa amin'ny taona 2026 ka vinavinaina ho $+3,3\%$ izany. Izany fitomboana izany dia mifototra indrindra amin'ny fiarenan'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany ($+5,0\%$) noho ny fitomboan'ny filàna fiara mandeha amin'ny herinaratra. Anisany tena manazava ny fitomboan'ity sehatra faharoa ity ihany koa ny fanatanterahana foto-drafitrasa maro hanatsarana ny tolotra jiro sy rano izay hahafahan'ireo indostria mihodina ara-dalàna. Hotanterahina miaraka amin'ny mpiombon'antoka tsy miankina ireo tetikasa vaovao mahakasika ny angovo azo avy amin'ny herin'ny masoandro. Izany dia hatao eo anivon'ny faritra maro eto Madagasikara. Vinavinaina hiroborobo hatrany ny sehatra famokaran-damba ($+1,2\%$) izany anefa dia miankina amin'ny fitohizan'ny fifanarahana amin'ny AGOA hatrany sy ny tahan'ny haban'ny fadin-tseranan'i Etazonia izay marihina fa miampy 15% ankehitriny.

Seha-pihariana fahatelo

Vinavinaina hiakatra ho $+6,1\%$ ny seha-pihariana fahatelo amin'ny taona 2026 noho ny fandrosoan'ny sehatry ny « *Asa vaventy* » ($+7,3\%$), ny « *Fizahan-tany* » ($+15\%$) ary ny sehatry ny « *Paositra sy fifandraisan-davitra* » ($+9,7\%$).

II- FITODIKY NY TETIBOLAM-PANJAKÀNA**II.1- VOLA MIDITRA****II.1.1- HETRA****II.1.1.1- HO AN'NY VOLA MIDITRA AVY AMIN'NY HETRA ANATINY :**

Ao anatin'ny politika ankapobeny, ny Governemanta dia maminavina, ho an'ny taom-piasana 2026, ny tahan'ny tsindrin-ketra tsy afakaratsaka ho $12,4\%$. Ny tahan'ireo vola miditra avy amin'ny hetra anatin'ny dia tomanana ho $6,9\%$ n'ny harikarena faobe (PIB) ho an'ny taona 2026, raha $6,4\%$ kosa izany tamin'ny taona 2025.

Ny vola miditra amin'ny hetra anatin'ny tsy afakaratsaka ho an'ny taona 2026 dia vinavinaina ho 6 221,7 miliara Ariary raha 5 628,4 miliara Ariary kosa izany tamin'ny taona 2025, izany hoe ahitana fitomboana $10,54\%$. Etsy andaniny, misy ny fepetra vaovao araka ny lalàna sy ara-panjakana ho raisina izay tomanana hampiditra 266,38 miliara Ariary.

Venty : miliara Ariary

KARAZAN-KETRA	LFI 2025	PLFI 2026	Elanelana
Hetra alaina amin'ny vola miditra	1 411,37	1 686,09	274,72
Hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy	889,92	926,27	36,35
Hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana mitera-bola	93,71	108,91	15,20
Hetra alaina amin'ny tombom-barotra avy amin'ny fananana mifaka	18,29	18,49	0,20
Hetra tambatra	164,70	173,63	8,93
Sara-panoratana	62,77	67,17	4,40
Haba amin'ny tataom-bidy	1 722,75	1 919,82	197,07
Haba amin'ny fifanakalozana amin'ny alalan'ny finday	19,50	29,74	10,24
Hetra amin'ny vola miditra avy amin'ny tsenam-barotra (IMP teo aloha)	250,00	288,26	38,26
Hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandanianana	955,38	961,77	6,39
Haba amin'ny fiantohana	20,58	20,62	0,04
Hafa	2,66	4,03	1,37
Sara amin'ny hajia	16,77	16,88	0,11
TOTAL	5 628,40	6 221,70	593,30

II.1.1.2- MIKASIKA IREO FEPETRA ARA-KETRA :

Resy lahatra amin'ny maha andrin'ny fanandratana ny firenena sy ao anatin'ny fanatanterahina ny politika ankapoben'ny Fanjakana, ny Fandraharahana ara-ketra dia miantsozoka, amin'ny zotram-panatanterahina mitohy amin'ny fanatsarana sy ny fanavaozana amin'ireto :

- fampahombiazana ny fitantanana ara-ketra ireo mpadoa hetra ;
- manetsika misimisy kokoa ny fampidiram-bola ara-ketra ;
- mandray anjara amin'ny fiaraovana ny tontolo iainana ; ary
- manolotra fijery tsaratsara kokoa ho an'ireo mpisehatra ara-toekarena.

Amin'ny fandraisana andraikitra mifototra amin'ny rariny sy hitsiny, ny mangarahara ary ny fahombiazana, ireo fepetra voatondro ao amin'ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibola ho an'ny taona 2026 dia tafiditra ao anatin'ny lojikan'ny fahavitan'ny tetibola amin'ny alalan'ny fanitarana ny fototra amerana ny hetra sy ny fifehezana ny fandanianana ara-ketra.

Mba hiarovana ny fahamarinan-toerana sy fahafaha-mamantatra mialoha, ny fepetra ara-ketra ho an'ny taona 2026 dia nampifanarahana ihany koa amin'ny lojika ivo-ezaka mifantoka amin'ny :

- fampifanarahana ny hetra amin'ny toe-draharaha ara-tsosialy sy ara-toekarena ;
- fanamafisana ny fitantanana sy ny mangarahara ary koa ny fandrindrana ireo fitsipika ara-ketra ;
- fanamboarana ireo fepetra sasantsasany, ny fanatsarana sy ny fanamaivanana ireo paika arahina amin'ny fifanolanana ;

- fanamafisana ny fiarovana araka ny lalàna ireo mpandao hetra nanaovana fanamarinana ;
- fanohizana ny paik'ady fampiasana ny teknolojia nomerika, amin'ny fanitarana ny « Système d'Administration Fiscale Intégré (SAFI) » ;
- Fampandehanana ny faktiora elektronika (e-Facturation) ary koa ny ny fampiasana ny fandoavam-bola ara-elektronika.

Ireo fepetra vaovao dia mikasika fameran-ketra maromaro, indrindra ny hetra amin'ny vola miditra, ny hetra tambatra, ny hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy, ny hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana mitera-bola, ny sara - panoratana, ny haba amin'ny tataom-bidy, ny hetra amin'ny tany ary koa ny hetra amin'ny trano miorina.

Mba hanatrarana ireo tanjona voalaza etsy ambony Ireo, ireto fepetra manaraka isaky ny karazan-ketra ireto, dia tena ilaina tokoa :

▪ **Hetra amin'ny vola miditra (IR) :**

- > Fahafahana misafidy ho an'ny fameran-ketra amin'ny IR tsy iharan'ny TVA ho an'ireo mpandao hetra izay :
 - ✓ manana vola maty isan-taona tsy misy haba (CAHT) eo anelanelan'ny Ariary 200 000 000 sy Ariary 400 000 000 ; sy
 - ✓ manana filazana toe-bola voamarin'ny manamahay ara-kaonty (+1,5 miliara Ariary).
- > Fanafoanana ny fanesorana ny IR amin'ireo anjara vola azon'ireo olon-tsotra ;
- > Fanafoanana ny tsy fahafahana manala amin'ny IR ireo vesatra tsy nanaovana fanambarana amin'ny zo fampahafantarana ;
- > Tsy fahafaha manala amin'ny IR ireo hofan-trano tsy misy fifanarahana fampanofana nosoratana am-boky sy/na tsy misy fakitiora ara-dalàna (+ 0,5 miliara Ariary) ;
- > Fampidirana amin'ny fameran-ketra tokana (IR) ireo antokon-draharaha rehetra sy fikambanana tsy manana tanjona itadiavana tombony sy toa azy : fampiharana ny taha 20% ho an'ireo manao ny raharaha itadiavana tombony sy famaritana mazava tsara ny daty nametrahana ireo filazana toe-bola ary tatitra momba ny lahasa vita : amin'ny faran'ny volana faharoa manaraka ny daty famaranana (+ 0,5 miliara Ariary) ;
- > Fanovana ny fotoana fanaovana fanambarana sy fetrandro fandoavana ny hetra amin'ny vola miditra avy amin'ny fanondranana vokatry ny fambolena sy ala (IREx) isaky ny telo volana. Izany hetra izany dia takiana ny faha 15 n'ny volana faharoa manaraka ny faran'ilay telo volana voakasika ;
- > Fanovana ny fe-potoana fampiharana ny vola arotsaka mialoha amin'ny vola miditra sy ny hetra tambatra (AIRS) ho lasa mandritra ny taom-piasana 10 voalohany ;
- > Tsy fampiharana AIRS ho an'ireo mpandao hetra :

- ✓ - tsy manao afa tsy fanondranana vokatra iharan'ny IRex ;
 - ✓ - izay manafatra entana ary tsy manao asa hafa ankoatran'ny asa iharan'ny hetra amin'ny vola miditra avy amin'ny tsenam-barotra (IRM) izay voafarit'ireo andininy 01.01.44 sy ny manaraka ao amin'ny Fehezana-dalàna momba ny hetra ;
 - > Fitakiana fifanaraham-piaraha miasa ho isan'ireo fepetra amin'ny fanalana amin'ny IR ireo latsakemboka narotsaka tany amin'ny tahiry malagasy momba ny fampihofanana arak'asa (FMFP) na tahiry nasionaly momba ny fampiroboroboana ny indostria (FNDI).
- **Hetra tambatra (IS) :**
- > Famerana ny tahan'ny IS ho 3% ho an'ireo mpikambana vaovao eny anivon'ny Foibe Fitantanana Nahazo Fankatòvana (CGA) mandritry ny taom-piasana voalohany na ireo mpandoha hetra vaovao izay ny mpanjifany ihany no nahazoany ny laharam-pamantarana ara-ketra (+0,5 miliara Ariary) ;
 - > Fanafoanana ny hetra tambatra mitsitapitapy (ISI) sy tsy fahafahana manala ny fividianana natao teny amin'ireo mpamatsy entana tsy manana laharam-pamantarana ;
 - > Tsy fampiharana ny AIRS ho an'ireo mpandoa hetra tsy manao afa tsy asa momba ny tsenam-barotra iharan'ny IRM.
- **Hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy (IRSA) :**
- > Fampiharana ny tahan-ketra ampiny 25 % manomboka amin'ny ampahan'ny vola miditra mihoatra na mira 4 000 000 ariray (+40,5 miliara Ariary) araka ny torolalan'ny avy amin'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena (FMI) ao anatin'ny tetikasa FEC sy FRD ;
 - > Famaritana mazava tsara ny fampiharana ny IRSA amin'ny fisotroan-dronono famenony miendrika vola omena ho antoka maharitra na fametraham-bola.
- **Hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana mitera-bola (IRCM) :**
- > Fameran-ketra amin'ny IRCM :
 - ✓ ireo anjara vola raisin'ireo olona monina na tsia eto Madagasikara amin'ny taha 20% miaraka amin'ny fampihenana ho 50% ny fototra amerana ary koa ireo zana-bola azo tamin'ny fametraham-bola teny amin'ny "Caisse d'Epargne de Madagascar" sy ireo rafitra fampindramam- bola madinika (+25,1 miliara Ariary) ;
 - ✓ amin'ny taha 20%, ireo tombony amin'ny fivarotan'ny olon-tsotra fananana tsy mifaka (+3,4 miliara Ariary) ;
 - > Fanomezana endrika manafaka ny IRCM naloa amin'ny IR sy ny IS fa tsy esorina intsony amin'ny hetra tokony aloa.

▪ **Sara amin'ny fanoratana (DE) :**

- > Fampiharana ny ankevi-kofa ofisialy amin'ny IFPB amin'ny fototra amerana ny DE raha misy fifanarahana fampanofana milaza ny tsy fisian'ny hofan-trano na an'ohatra, na amin'ny fahafahana mampiasa eken'ny tompon-trano tsy mpiombon'antoka (+0,5 miliara Ariary) ;
- > Fampiharana ny sanda ara-panjakana amin'ny fameran-ketra DE amin'ny fampanofana maharitra (+6,5 miliara Ariary) ;
- > Fampiharana ny sara raikitra raha mbola azo hanaovana fampakarana ilay sora-panekena : tsy mbola afaka atao ny manao ny famindran-tompo ilay sora-panekena ; fampiharana ny sara mifanentana amin'ny fotoana ampisehoana ny taratasy fanamarinana ny tsy nanaovana fampakarana.

▪ **Haba amin'ireo fiara enti-milina :**

- > Famerenana indray ny haba amin'ny fiara enti-milina.

▪ **Haba amin'ny tataom-bidy (TVA) :**

- > Tsy fampiharana ny TVA amin'ireo zana-bola ataon'ireo rafitra fampindramam- bola madinika sy amin'ireo zana-bola amin'ny findramam-bola manokana ataon'olon-tsotra (Jereo : Taratasy fampielezana laharana° 3140-2025 – MEF/SG/DGI tamin'ny 14 jolay 2025) ;
- > Fahafahan'ny Fanjakana mandray an-tanana ny TVA amin'ny sara naloa teto an-toerana amin'ny fanafarana ireo entana novatsian'ny tahiry avy any ivelany ;
- > Famerenana indray ny fanesorana ny TVA amin'ireo raharaha fanafarana sy ny fivarotana boky sy gazety ;
- > Fitakiana indray ny TVA amin'ny vokatra sasany (manaraka ny torolalan'ny FMI ao anatin'ny tetikasa FEC sy FRD) :
 - ✓ Karazana laro hafa ampiasaina amin'ny sakafom-biby (Code SH : 2309.90 00) ;
 - ✓ Solika fandrehitra (Code SH 2710.19 21).

▪ **Hetran-tany (IFT) sy hetra amin'ny trano miorina (IFPB) :**

- > Fahafahan'ny Fandraharahana ara-ketra manao, isaky ny 5 taona, fanisana na fanamarinana eny an-toerana ireo fototra amerana ny IFT sy IFPB ;
- > Fanonvana ny filazana ny olona tompon'andraikitra amin'ny famaritana ireo masontsivana manokana amin'ireo trano miorina manana fahazoan-dalana avy amin'ny Kaominina ;

▪ **Fepetra iraisana :**

- > Fametrahana ny fandoa kely indrindra amin'ireo lamandy amin'ny tsy fahampiana, tsy fahamarinana, fanadinoana na fampihenana : Ariary 100 000 ;

- Fampiharana avy hatrany ireo sazy ara-ketra rehetra, na mikasika ny lamandy na sazy, na oviana na oviana ny daty nanaovana ny fandikan-dalàna, miaraka amin'ny fahafahana'ny mpandoa hetra mangataka famerenana manontolo ireo sazy mifanaraka amin'ireo fomba arahina manan-kery ;
 - Fampiharana ireo lamandy amin'ny fahatarana ny fametrahana fanambarana ho an'ireo mpandoa hetra manana trosan-ketra (TVA na IR) : kajiana avy amin'ny totalin'ny trosan-ketra IR / na TVA ;
 - Famaritana mazava tsara ireo sazy ampiharina amin'ny tsy fandrotsahana ireo TVA nangonina : lamandy 80% + fahafahana manenjika ara-pitsarana noho ny fanodokodinana volam-panjakana ;
- **Paika arahina ara-ketra :**
- Famaritana ny fandoavana ny vola arotsaka mialoha amin'ny IS ho fetrandro roa : ny voalohany dia fara-fahatarany ny 31 martsa ary fara-fahatarany ny 30 jiona amin'ny taona itsahina ho an'ny faharoa ;
 - Famaritana mazava tsara ny vanim-potoana sy ireo fetrandro fandoavana ireo vola arotsaka mialoha amin'ny IR : isaky ny roa volana ary fara-fahatarany ny faha 15 ny volana farany amin'ny fe-potoana voakasika ;
 - Fahafahana mitaky ireo vola arotsaka mialoha hatramin'ny daty farany andoavana ny IR raha toa ka tsy mbola nanefa ny hetra tokony aloany ilay mpandoa hetra;
 - Ny tsy maintsy andoavana ny DE amin'ny alalan'ny Hetraphone ;
 - Fandefasana ny sora-pamerana isaky ny filazana fameran-ketra amin'ny IFPB ;
 - Fandoavana ny hetran-tany amin'ny alalan'ny vola finday na amin'ny banky ;
 - Fametrahana ny momba ny tamberim-bidy mikasika ny fanagonana sy fanodinana ireo fako avy any an-tokantrano sy mikasika ny fanariana rano maloto (ROM) ao amin'ny taratasy fitakian-ketra amin'ny IFPB;
 - Fanamarihana ny fandraisana ny ROM ataon'ny Mpandray volan'ny Ivon-ketra ;
 - Fisian'ny kaody QR anisan'ireo masontsivana ankatoavana ny taratasy fameran-ketra ;
 - Fanovana ireo fepetra ahazoana fampiatoana ny fandoavana amin'ny fangatahana fifanolanana : fampidinana ny vola arotsaka eny amin'ny Tahirim-bola ho an'ny Petra-bola sy ny Fametrahana (CDC) ho 10% ny vola hifanolanana (renin-trosa + lamandy);
 - Fahafahana mamindra fahefana amin'ny fankatoavana sy fanatanterahana ny sora-pamerana ;
 - Fanitarana ny fe-potoana fahalaniana paikandro ho roa (2) taona fanampiny raha toa ka misy ny fangatahana angom-baovao any amin'ny fari-piadihana any ivelany ;

- > Fahafahan'ireo mpiasan'ny Fandraharahana ara-ketra manohy ny fitsirihana eny an-toerana mandritra ny telopolo (30) andro fanampiny manomboka amin'ny daty naharaisana ireo angom-baovao nangatahina tany amin'ny fari-piadidina any ivelany ;
- > Fametrahana fe-potoana sivy folo (90) andro hanaovana ny fampahafantarana raikitra aorian'ny fandraisan'ny mpandoa hetra nanaovana fitsirihana ny fampahafantarana voalohany ;
- > Famaritana mazava ny andraikitr'ireo mpanao fitsirihana amin'ny fandefasana ny taratasy mirakitra torolalana any amin'ny Foibem-pitondrana misahana ny fifanolanana ao anatin'ny dimy ambinifolo (15) andro mba hanafainganana ny fikirakirana ireo fitarainana amin'ny fifanolanana ;
- > Fanendrena ireo mpikambana amin'ny Vaomiera ara-ketra (COFI) araka ny tolo-kevitra avy amin'ny Tale Jeneralin'ny hetra, faharetan'ny fotoam-piasana ho 3 taona ; azo havaozina indray mandeha ;
- > Fampidirana ny fomba amin'ny fanaingana indray ireo mpandoa hetra tsy nandefa ny zo ampahafantatra : amin'ny alalan'ny filazana isan-taona mampahafantatra indray ireo andraikitra amin'ny fanambarana, miaraka amin'ny fe-potoana hametrahany azy indray ; fampiharana ireo sazy voalaza aorin'io fe-potoana io ;
- > Fampidirana sy fanavaozana ireo fepetra mikasika ny fampiasana ny rafitry ny fakitiora elekitronika (e-Facturation) sy fitantanana elekitronika ny TVA (e-TVA) ;
- > Fampidirana ny fanambarana ireo fandaniana ho aloa sy ireo vokatra niditra amin'ny zo ampahafantatra ;
- > Fitakiana ny taratasy maha ara-dalàna ara-ketra alohan'ny hivoahana ny tanimpirenena ho an'ireo vahiny mampiasa ny fahazoan-dalana ho an'ny mpandraharaha (+0,6 miliara Ariary) ;
- > Famaritana mazava ny endrika fifamenoana amin'ireo karazana fitarainana : ny tsy fanajana ny iray amin'ireo fepetra dia mitarika ny tsy fahafahana mandray ilay fangatahana ;
- > Fahafahana manao fanarenana ataon'ny mpandoa hetra anatin'ny fe-potoana amin'ny fifanolanana momba ny fameran-ketra ;
- > Famaritana mazava ny endrika fifamenoana amin'ireo fepetra handraisana karazana fitarainana : ny tsy fanajana ny iray amin'ireo fepetra dia mitarika ny tsy fahafahana mandray ilay fangatahana ;
- > Fahafahan'ny mpandoa hetra manao fanarenana an'ireo tsy fahampiana anatin'ny fe-potoana amin'ny fifanolanana momba ny fameran-ketra ;

- > Fahafahan'ny Fandraharahana mitondra ny raharaha eny amin'ny Fitsarana na ny Tribonaly amin'ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana mba ahazoana fanazavana momba ireo fanapahana navoakany amin'ny didim-pitsarana ;
 - > Fanasongadinana ny sokajy roa amin'ny fifanolanana ara-ketra ;
 - > Fanamafisana ny toetra mitandro ny filaminam-bahoaka amin'ireo fepetra fandraisana ireo fangatahana eny amin'ny fitsarana amin'ny ady amin'ny Fanjakana ;
 - > Fandavana ny fanadihadiana ny votoatin'ny raharaha amin'ny tsy fahazoana mandray amin'ny endriny ;
 - > Fanokafana ny zo amin'ny fangatahana ijerana indray amin'ny tsy fisiana na fahataran'ny fampahafantarana ny filazana fotoam-pitsarana : ao anatin'ny fe-potoana iray (01) volana manomboka ny daty nandraisana ny fampahafantarana ny fandefasana ny didy ;
 - > Tsy fahafahana mandray ireo mpifanandrina ivelan'ny fotoam-pitsarana amin'ny fifanolanana ;
 - > Famaritana mazava ny fisarahan'ny andraikitra eo amin'ny Fandraharahana ara-ketra sy ny Fitsarana : tsy fitsabahan'ny mpitsara amin'ireo raharaha ara-ketra teknika izay anajara asan'ny Fandraharahana mba hiarovana ny fidiran'ny hetra ;
 - > Famaritana mazava ny fahatapahan'ny fahalaniana paikandro : amin'ny tsy fisian'ny fandraisan'ny mpandoa hetra ny fampahafantarana voalohany na ny tsy fisian'ny fanomezam-pahefana ara-dalàna ny mpandray ;
- **Fanadiovana sy fanamarinana hafa :**
- > Fanovana ny fiantsoana ny IMP ho " hetra alaina amin'ny vola miditra amin'ny tsenam-barotra na IRM" ;
 - > Famaritana mazava :
 - ✓ ny daty farany amin'ny fandoavana ny hetra amin'ny vola miditra mitsitapitapy ho an'ireo tsy monina eto (IRI-NR) : ny faha 15 n'ny volana manaraka ny volana nandoavana ny volan'ny mpanao saikinasana ;
 - ✓ ireo andraikitra ny EPA sy ny toa azy (EP ankoatra ny EPIC) : fametrahana ireo filazana toe-bola sy tatitra amin'ireo lahasa momba ireo zava-bitany mitovy amin'ireo sampan-draharaha na na fikambanana tsy manana tanjona ahazom-bola ;
 - ✓ ny fameran-ketra amin'ny IR ho an'ireo mpiombon'antoka lehibe mpitantana : olon-tsotra ;
 - ✓ ny fandoavana ny vola arotsaka mialoha amin'ny hetra mivantana alaina amin'ny solika (IDH) nampitoviana tamin'ny IR ;

- ✓ ny fanoratana maimaim-poana ireo sora-panekena mila soratana an-boky ka ny Fanjakana no tokony mandoa izany raha ny tokony ho izy ;
- ✓ ny fameran'ny Kaominina ireo ankevi-kofa amin'ny hetran-tany ;
- ✓ ny vola aloa amin'ireo sazim-pahatarana : isaky ny karazan-ketra sy isaky ny vanim-potoana ;
- ✓ ny famerana ireo mason-tsivana manokana amin'ireo trano miorina miaraka amin'ny fahazoan-dalana avy amin'ny Kaominina ataon'ny solon-tenan'ny Fandraharahana ara-ketra ;
- ✓ fanisana amin'ny hetram-bondrom-paritra :
 - andraikitra amin'ny fanisana isam-banim-potoana ho an'ny Kaominina ;
 - fahafahan'ny Fandraharahana ara-ketra manao fanisana na fitsirihana eny an-toerana ireo fototra amerana ;
- ✓ ny famorian-ketra ataon'ny sampan-draharahan'ny Tahirim-bolam-panjakana taorian'ny famindrana ny famoriana ny hetran-tany amin'ny Fandraharahana ara-ketra ;
- ✓ ny andraikitr'ireo olona tena mipetraka amin'ny trano mahakasika ny ny hetran-trano amin'ny tsy maha eo an-toerana ny tompon'ny trano ;
- ✓ ny andraikitr'ireo mpanao fanamarihana dia :
 - mandray sy mitana an-tsoratra ireo taratasy nomen'ny mpandoa hetra ao amin'ny Fitananana an-tsoratra ny fifandresen-dahatra ifanatrehana ;
 - milaza ny anton'ny fandavana na manamarina ny tsy nandraisana ireo taratasy ;
- ✓ ny fepetra mahakasika ny fihaonana miaraka amin'ny mpandoa hetra mandritry ny fitsirihana eny an-toerana : miaraka amin'ireo tompon'andraikitra voalohany sy hanaovana fitanana an-tsoratra ;
- ✓ ny fanolorana ny fanomezam-pahefana tsy maintsy nanaovana fanoratana an'ireo solon-tenan'ny mpandoa hetra izay manatrika mandritry ny fifandresen-dahatra ifanatrehana ;
- ✓ ny karazan'ny tapakila nandoavana ;
- ✓ ny fahazoana mandray ireo fitarainana hifanolanana ;
- ✓ ny andraikitra mikasika ny fahavononan'ny fitanan-kaonty amin'ny fotoana rehetra eny amin'ny foiben'ny orinasa amin'ny fitsirihana tampoka ;
- ✓ ny fahatapahan'ny fahalaniana paikandro ampiharina amin'ny mpanao fanambarana nanao fahadisoana izay nahatonga ny fanitsiana raha toa ka mitombona ny fandavan'ny mpandoa hetra nanaovana fanambarana ;

- ✓ ny andraikitra ny sampan-draharaha sy ny orinasa mpampindram-bola sy/na mpandraharaha ara-bola ary koa ny Bany Foiben'i Madagasikara (BFM) ny mampiditra amin'ny fanambarana ataony ny lisitr'ireo kaonty misokatra, ny totalin'ireo fivezivezena (fidirana sy fivoahana) sy ny lisitr'ireo kaonty amin'ny finday ;
- ✓ ireo andraikitra amin'ny fanambarana sy fandoavana hetra izay tsy maintsy atao fara-fahatarany amin'ny faran'ny fetrandro voatondro ;
- ✓ ny fomba fanapariahana ny filazana mikasika ny fikirakirana ireo angom-baovao ataon'ny Fandraharahana ara-ketra : amin'ny fomba ofisialy rehetra ;

II.1.1.3- AMIN'IREO FEPETRA ARA-PANJAKANA :

Mba hanatsarana ny famorian-ketra, ny Foibem- pitondrana ankapobe ny hetra (DGI) dia mifantoka indrindra amin'ireto fepetra manaraka ireto izay mikendry ny hanatsarana ny fahombiazana ara-panjakana :

- ✓ Fitsirihana ara-ketra (+30 miliara Ariary) ;
- ✓ Fampiasana sy fanapariahana ny SAFI ;
- ✓ Fandraisana an-tanana ny IRM (+50 miliara Ariary).

Fafana : Fiatraikan'ny fepetra ara-ketra ho amin'ny PLFI 2026 :

FEPETRA ARA-KETRA	
	<i>Venty : (Miliara Ariary)</i>
Fepetra araka ny lalàna (I)	79,6
1- Famerana ny tahan'ny IS ho 3% ho an'ireo mpikambana vaovao eny anivon'ny Foibe Fitantanana Nahazo Fankatòvana (CGA);	0,5
2- Fahafahana misafidy ho an'ny fameran-ketra amin'ny IR tsy iharan'ny TVA;	1,5
3- Fameran-ketra amin'ny IRCM ireo anjara vola raisin'ireo olona monina na tsia eto Madagasikara amin'ny taha 20% miaraka amin'ny fampihenana ho 50% ny fototra amerana ary koa ireo zana-bola azo tamin'ny fametraham-bola teny amin'ny "Caisse d'Epargne de Madagascar" sy ireo rafitra fampindramam- bola madinika;	25,1
4- Fameran-ketra amin'ny IRCM amin'ny taha 20%, ireo tombony amin'ny fivarotan'ny olon-tsotra fananana tsy mifaka (manolo ny IR) ;	3,4
5- Fampiharana ny tahan-ketra ampiny 25 % manomboka amin'ny ampahan'ny vola miditra mihoatra na mira 4 000 000 ariary;	40,5
6- Fampidirana amin'ny fameran-ketra IR ireo antokon-draharaha rehetra sy fikambanana tsy manana tanjona itadiavana tombony sy toa azy : fampiharana ny taha 20% ho an'ireo manao ny raharaha itadiavana tombony;	0,5
7- Tsy fahafaha manala amin'ny IR ireo hofan-trano tsy misy fifanarahana fampanofana nosoratana amboky sy/na tsy misy fakitiora ara-dalàna;	0,5
8- Fitakiana ny taratasy maha ara-dalàna ara-ketra alohan'ny hivoahana ny tanim-pirenena ho an'ireo vahiny mampiasa ny fahazoan-dalana ho an'ny mpandraharaha;	0,6
9- Fampiharana ny sanda ara-panjakana amin'ny fameran-ketra DE amin'ny fampanofana maharitra;	6,5
10- Fampiharana ny ankevi-kofa ofisialy amin'ny IFPB amin'ny fototra amerana ny DE raha misy fifanarahana fampanofana milaza ny tsy fisian'ny hofan-trano na an'ohatra (0 na 1 Ar), na amin'ny fahafahana mampiasa eken'ny tompon-trano tsy mpiombon'antoka.	0,5
Fifehezana ny fandanianana ara-ketra (II)	106,78
Fitakiana indray ny TVA amin'ny vokatra sasany	106,78
Fepetra ara-panjakana (III)	80
Fitsirihana ara-ketra;	30
Fampiasana sy fanapariahana ny SAFI;	0
Fandraisana an-tanana ny IRM	50
FITAMBARANY (I+II+III)	266,38

Annexe 1 : Liste des dépenses fiscales à éliminer en 2026

DETAILS DES DEPENSES FISCALES PLFI 2026		
N°	Dépenses fiscales en matière de TVA (Exonération de TVA)	<i>Montant (Mds Ar)</i>
1	Autres préparations des types utilisés pour l'alimentation des animaux	56,87
2	Pétrole lampant	49,91
TOTAL		106,78

II.1.2- FADINTSERANANA

Ny tontolo ara-toekarena maneran-tany dia miverina manamafy ny politikam-piarovana ny tsena anatin'ny firenena matanjaka, indrindra fa i Etazonia, dia mampiasa hatrany ny hetra fanampiny eo amin'ny fadintseranana sy ny fepetra ara-ketra ho toy ny fitaovana handaminana sy hiarovana ny fifandanan'ny varotra iraisam-pirenena eo amin'ny fampiasana ny sakan-dàlana na ara-hetra izany na tsia eo amin'ny fadintseranana, dia niverina ho andry fototra amin'ny politika ara-toekarem-pirenena, mifanaraka amin'ny lôjikan'ny fiandrianam-pirenena sy ny faharetana manoloana ny fahasahiranana ara-barotra maneran-tany.

Ity toe-draharaha ity dia manery ireo firenena an-dalam-pandrosoana, toa an'i Madagasikara, handinika indray ny paikady ara-ketra sy paikady eo amin'ny fadintseranany mba hiarovana ny toekarenany sady hiditra ao anatin'ireo rojo sanda isam-paritra sy iraisam-pirenena.

Mifanaraka amin'ny vinan'ny governemanta, ny politika ara-toekarem-pirenena dia manindry mafy ny fampiroboroboana ny indostria eto an-toerana, ny famoronana sandan-javatra fanampiny eto amin'ny firenena, ary ny fampihenana ny fiankinan-doha amin'ny fanafarana entana.

Ny lalàna mifehy ny fitantanambolam-panjakana an'ny taona 2026 dia maneho io vina io amin'ny alalan'ny fanamafisana ny anjara asan'ny fadintseranana ho toy ny fitaovana hampiroboroboana ny indostria, amin'ny famporisihana ny fanodinana ny akora fototra eto an-toerana, amin'ny fampitomboana ny fifaninanana ho an'ireo orinasam-pirenena, ary amin'ny fanohanana ny politika fanoloana ny fanafarana.

Ny fadintseranana malagasy dia eo am-pototry io fiazakazakin'ny fanovana io. Ny fanavaozana maoderina dia miorina amin'ny andry telo :

- Sakan-dàlana ara-hetra sy tsy ara-hetra : fametrahana rafitra fandoavan-ketra mifanaraka amin'izany mba hiarovana ireo sehatra stratejika sy handaminana ny fikorianan'ny varotra ;
- Fanamorana ny fifanakalozana : fampitomboana ny fampiasana ny niomerika amin'ny fomba fiasa, fanamafisana ny fandrindrana eo amin'ireo mpisehatra eo anivon'ny fanjakana sy ny tsy miankina, ary fanafainganana ny asa fanaon'ny fadintseranana ;
- Fadintseranana maitso (douane verte) : fampidirana ny fiheverana ny tontolo iainana amin'ny fanaraha-maso, fanomezana lanja ireo vokatra manaja ny toetrandro, ary ady amin'ny fanondranana an-tsokosoko manimba ny « ekôsisistema ».

Ireo fivoarana ireo dia mahatonga ny fadintseranana ho mpisehatra fototra amin'ny fiarovana ny fiandrianana ara-toekarena sy amin'ny fampiharana ny politikam-panjakana, indrindra eo amin'ny sehatry ny fampandrosoana maharitra.

Ny fanatsarana ny fampiasam-bola amin'ny hetra (optimisation des dépenses fiscales) dia atao amin'ny alalan'ny famerenana hetra manokana amin'ny zana-toerana ara-pirenena sasany izay heverina fa tsy mifanaraka amin'ny politika ankapoben'ny fanjakana. Ity fomba fiasa ity dia mikendry ny hamerenana ny lenta fiarovana mirindra ho an'ireo seha-pamokarana eto an-toerana, sady manohana ny fifaninanana eto an-toerana. Io koa dia ahafahana miaro ny fahasalamam-bahoaka amin'ny fampihenana ny fidiran'ny vokatra manimba na tsy mifanaraka amin'ny laharam-pahamehana nasionaly,

ary hisorohana ny fanararaotana mifandraika amin'ny fanafarana entana lafo vidy (produits de luxe), izay tsy maneho ny toetra tsy laharapahamehana azy ny hetra ampiharina amin'izao fotoana izao. Ankoatra izany, ity fepetra ity dia manampy amin'ny fametrahana fifaninanana ara-drariny sy amin'ny tokony ho izy kokoa eo amin'ireo mpisehatra ara-toekarena sy mamporisika ny fanjifana madio sy mandray andraikitra, mifanaraka amin'ny tanjon'ny fampandrosoana maharitra sy ny sosiahy ara-drariny arahin'ny fanjakana.

Fanampin'izany, ho Fanitsiana ny politika ara-hetra sy ara- lazam-bidy, ary manoloana ny fiparitahan'ny karazana tetika efa nisy, dia zava-dehibe ny handrindrana, hanambarana ho ivon-toerana ary hanamafisana ny fepetra ara-hetra sy tsy ara-hetra.

Amin'izao fotoana izao, ny trosa amin'ny haba sy ny hetra eo amin'ny "état bleu" dia mitentina 371 miliara Ariary. Mba hahazoana fanangonana tsara kokoa ny haba sy ny hetra amin'ny fanafarana entana iandraiketan'ny fanjakana, dia zava-dehibe ny hanitsiana ny andin-bola (lignes de crédit) sy ny fomba fiasa ara-bola mifandraika amin'izany.

Ny fanatanterahana ireo dingana ireo dia tsy maintsy apetraka ho tolo-kevitra amin'ny alalan'ny didy aman-dalàna, izay hifampidinihana mialoha amin'ireo rafitra rehetra voakasika.

II.1.2.1- TOMBATOMBANA NY FAMPIDIRAM-BOLA AMIN'NY FADINTSERANANA :

Tsy nisy fihetsehana ny fidiram-bola avy amin'ny solika tato ho ato. Eo amin'ny tanjona hanatsarana ny fidiram-bola, dia tsy voafetra amin'ny sehatra nentim-paharazana intsony ny fitantanandraharahan'ny fadintseranana. Mba hahatratrarana ny tanjona ara-ketra, dia manetsika fitaovana fanampiny ny fanjakana, izay tsy maintsy mirindra sy mifanentana, toy ny fanangonana ny hetra fanampiny amin'ny fadintseranana.

Ny vinavinan'ny fidiram-bolan'ny fadintseranana dia mitentina 5 026 miliara Ariary, ka ao anatin'izany indrindra ny :

- fitombon'ny toekarena vinavinaina ho +4,8% ;
- vinavina amin'ny fanafarana entana vokatry ny fitohizan'ny tetikasa fanamboarana indostria sy ny fanoloana amin'ny vokatry an-toerana ;
- fiovan'ny vidin'ny vokatry solika eny an-tsena iraisam-pirenena ;
- fandrindrana ny fandanianana ara-ketra sy fanatanterahana fepetra vaovao amin'ny tahan-ketra, izay tomanana ho 224,29 miliara Ariary ny fiantraikany ;
- fanangonana hetra amin'ny fanafarana entana ataon'ny Fanjakana, manodidina ny 150 miliara Ariary ;
- fanangonana ny hetra fanampiny amin'ny fadintseranana, manodidina ny 22,9 miliara Ariary ;
- fanangonana ny anjara raisin'ny fadintseranana amin'ny saram-pitrandrahana harena ankibon'ny tany ;

- fanatsarana ny fitantanana ny asa famindra-toeranan'ny entana (transit).

Raha fintinina, 76% amin'ireo vinavina fidiram-bola ireo dia avy amin'ny hetra amin'ny fanafarana entana tsy misy solika, ary 24% kosa avy amin'ny hetra amin'ny fanafarana entana misy solika.

Toetry ny haba sy ny hetra (nature des droits et taxes)	Vinavinan'ny vola miditra (prévision de recettes En milliers d'ariary)
Haban-tseranana (droit de douane)	1 226 300 000
Izay haban-tseranana fanampiny (droit de douane aDDitionnel)	22 900 000
Hetra fanampiny amin'ny fanondranana (TVA à l'importation)	2 567 600 000
Haba amin'ny solika (taxe sur les produits pétroliers)	350 000 000
Hetra fanampiny amin'ny vokatra avy amin'ny solintany (TVA sur les produits pétroliers)	869 700 000
Haba alaina amin'ny fitanterana an-tsambo (droit de navigation)	2 300 000
Samihafa:	
Anjaran'ny fadintseranana	10 000 000
Haba sy hetra hafa	100 000
Totaliny	5 026 000 000

II.1.2.2- FEPETRA ARA-PANJAKANA

Ny fepetra ara-panjakana dia mahakasika ny fanatsarana ny fitantanana ny asa famindra-toeranan'ny entana (transit) avy any Toamasina mankany Antananarivo, ho fampiharana ny fepetra vaovao voarakitrin'ny andininy faha -144 fehintsoratra faha-4 amin'ny fehezan-dalana momba ny fadintseranana.

II.1.2.3- MIKASIKA NY FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY FADINTSERANANA :

Ny fanovàna noentina tao anatin'ny fehezan-dalàna momba ny fadintseranana dia mikendry :

- ny Fanitsiana ny rafitra ara-dalàna nasionaly amin'ny tolo-kevitra ny fikambanana maneran-tany misahana ny fadintseranana (OMD), amin'ny alalan'ny Fanitsiana ny teny ara-dalàna mba hanamafisana ny fiarovana ara-dalàna sy hisorohana ny fifangaroan'ny fahefana;
- ny fampidirana tsy tapaka ao anatin'ny tetibola ankapobeny miditra amin'ny fadintseranana ireo saram-pandoavam-bola fanampiny;
- ny fanovana ny fepetra mikasika ny andininy fampiharana vonjimaika, mba hanomezana fahazavana sy mazava kokoa amin'ny fampiharana ny sata teo aloha ary koa amin'ny antontan-taratasy manamarina;
- ny fanazavana momba ireo fepetra mikasika ny fiavian'ny entana amin'ny alalan'ny fampidirana famaritana mazava tsara, fisarahana ny andraikitra amin'ny famaritana, fanamarinana ary

fanomezana taratasy manaporofa ny fiavian'ny entana (certificats d'origine), fanesorana ireo tsy fahatomombanana, ary fampiraisana ireo fitsipika momba ny fanamarinana ny fiavina, ho an'ny entana manana fiavina ara-tsafidy na tsy ara-tsafidy;

- ny fanovana ireo fepetra momba ny fomba fampiharana ny sandam-barotra amin'ny fadintseranana amin'ny entana avy any ivelany;
- ny fanombanana indray ny sandan'ny entana amin'ny fadintseranana rehefa misy loza na tranga tsy azo ihodivirana izay nahatonga ny entana ho simba, ho potika, na ho lany andro;
- ny fanamarihana ny fianianan'ny inspekteran'ny fadintseranana eo anatrehan'ny Fitsarana Tampony araka ny fepetra voalazan'ny Lalàna laharana faha-2004-036 tamin'ny 01 Oktobra 2004;
- ny fomba fanao amin'ny fanamafisana ny fanaraha-maso ataon'ny fadintseranana amin'ny fidiran'ny entana entina eo ambany fepetra "transit", amin'ny alalan'ny fanamarinana ara-batana ny entana, izay arahina amin'ny fanamarihana ireo fandikan-dalana mety hitranga sy ny famintinana ny fanamarinana ary ny fanatanterahana ny antontan-taratasy rehetra ao amin'ny biraon'ny toerana haleha;
- ny fanitarana ny fe-potoana ijanonan'ny entana manaraka ny fitsipika, fanodinana ny vokatra eo ambany fiahian'ny fadintseranana, ataon'ny fitantanana ny fadintseranana, ho famoronana fepetra hanamaivanana ny raharaha ara-pitantanana;
- ny fanitarana ny tombontsoa avy amin'ny sata afakaba ho an'ny orinasa mpanome tolotra nahazo fankatoavana, araka ny fepetra ara-dalàna sy ara-pitsipika;
- ny ifanarahana marina eo amin'ny entana sy ny asa atao ao amin'ny orinasa mba hahafahana mampiditra azy ireo ao amin'ny faritra afakaba tsy mandoa hetra sy haba;
- ny anarahana ny fomba fanao iraisam-pirenena amin'ny fampafantarana ny sandan'ny entana eo amin'ny fadintseranana;
- ny amoriana ny ampahany azo amin'ny fandraisana anjaran'ny fitantanana ny fadintseranana amin'ny hetra sy haba manokana amin'ny vokatra vato harena ankibon'ny tany (DTSPM), voarafitry ny fhezan-dalàna momba ny harena ankibon'ny tany sy ny didim-panjakana fampiharana azy;
- ny fanitsiana ireo hadisoana ara-materialy

II.1.2.4- MIKASIKA NY LAZAM-BIDY AMIN'NY FADINTSERANANA

Ny fanovana momba ny lazam-bidy amin'ny fadintseranana dia miompana amin'ny:

- 1. Ny Fanatsarana ny fandaniana ara-ketra amin'ny alàlan'ny famerenana hetra manokana amin'ireo zana-tsokajy nasioanly sasany izay heverina fa tsy mifanaraka amin'ny politikam-panjakana ankapobeny, ary koa amin'ny alàlan'ny fanitsiana ny TPP amin'ny gazoala sy ny hetra fanampiny (TVA) amin'ny solitany fandrehitra (pétrole lampant) :**

Ity hetsika ity dia mikendry ny hamerenana ny ambaratonga fiarovana mifanaraka ho an'ny sehatry ny mpamokatra eto an-toerana, sady manohana ny fifaninanana eto amin'ny firenena. Mamela ihany koa

hiaro ny fahasalamam-bahoaka amin'ny fampihenana ny fahazoana vokatra manimba na tsy mifanaraka amin'ny laharam-pahamehana eto amin'ny firenena, ary hisorohana ny fanararaotana mifandraika amin'ny fanafarana entana lafo ; ny satan'ny hetra teo aloha dia tsy mampiseho ny tsy maha laharam-pahamehana ireo entana. Ankoatra izany, manampy amin'ny fametrahana fifaninanana ara-drariny kokoa eo amin'ireo mpandraharaha ara-toekarena io fepetra io ary mamporisika ny fanjifana madio sy mandray andraikitra, mifanaraka amin'ny tanjona fampandrosoana maharitra sy ny rariny ara-tsosialy kendren'ny fanjakana. Tsy miovaova izany, satria misy ihany koa ny fepetra hanafoanana ny haban-tseranana amin'ny vokatra sasatsasany.

1.1. Fampifanarahana ny TVAPP ho 20 % amin'ny "pétroles lampants" ao amin'ny zana-tsokajy n° 2710.19 21 ary famerenana ny TPP ho 285 Ariary amin'ny "gas-oil" ao amin'ny zana-tsokajy n° 2710.19 31

Ny Fampifanarahana ny tahan'ny hetra fanampiny amin'ny sandany amin'ny vokatra solika (TVAPP - taxe sur la valeur ajoutée sur les produits pétroliers) ho 20% ampiharina amin'ny "pétroles lampants" dia mikendry ny hanitarana ny faritry ny hetra sy hanamarinana ny fitsipika mifehy azy mitaha amin'ny vokatra solika hafa. Mamaly ny olana momba ny fahasalamam-bahoaka sy ny tontolo iainana ihany koa io fepetra io, satria lohalaharana amin'ny etona manimba ny pétrole lampant rehefa ampiasaina ho solika ao an-tokantrano.

Miara-dalana amin'izany, ny fanavaozana ny TPP ampiharina amin'ny "gas-oil" ho 285 ariary isaky ny litatra ka mikendry ny hanamafisana ny vokatra avy amin'ny tetibola sy hampifanaraka tsikelikely ny habany amin'ny an'ny solika (essence), mba hampihenana ny fahasamihafana ara-ketra eo amin'ny solika sy handraisana an-tanana ny voka-dratsy ateraky ny gasoil, indrindra ny etona mandoto.

1.2. Fizarazarana ho Famerenana indray DD=20% sy TVA=20% ny "riz de luxe" (1006.30 10):

Hatramin'ny taona 2006, ny vary amin'ny laharana 1006.30 10 dia nahazo fanafoanana tanteraka ny haban-tseranana sy ny TVA mba hiantohana ny famatsiana sy hitazomana ny vidiny. Na izany aza, ny laharana 1006.30 dia manambatra ny vary fototra sy ny karazana lafo vidy. Noho izany dia aroso ny fizarazarana ny lazam-bidy mba hanavahana ireo sokajy ireo sy hamerenana ny fandraisana hetra amin'ny karazana lafo vidy.

1.3. Fampifanarahana TVA=20% ny "matières et déchets végétaux pour l'alimentation des animaux" (2308.00 00) [ohatra : ambin-javatra avy amin'ny hoditry ny graines de moutarde]:

Mba hifanaraka amin'ny fitsipika momba ny hetra amin'ny fanafarana entana, dia aroso ny hanaovana ireo entana sasany efa iharan'ny haban-tseranana ireo handoa TVA. Ity fepetra ity, izay mifanaraka amin'ny fanao iraisam-pirenena sy ny fanekena OMD, dia miantoka ny fandraisana

anjara ara-drariny amin'ny vokatra rehetra nafarana, sady miaro ny fifaninanana ho an'ny mpandraharaha.

1.4. Fampifanarahana TVA=20% ny "somatotropines" (hormone mitombo) (2937.11 00) :

Mba hifanaraka amin'ny fitsipika momba ny hetra amin'ny fanafarana entana, dia aroso ny hanaovana ireo entana sasany efa iharan'ny haban-tseranana ireo handoa TVA. Ity fepetra ity, izay mifanaraka amin'ny fanao iraisam-pirenena sy ny fanekena OMD, dia miantoka ny fandraisana anjara ara-drariny amin'ny vokatra rehetra nafarana, sady miaro ny fifaninanana ho an'ny mpandraharaha.

1.5. Fampifanarahana ny TVA=20% ny "articles de robinetterie et organes similaires pour tuyauteries" (8481.20 00 / 8481.30 00/ 8481.90 00/ 8481.40 00) :

Mba hifanaraka amin'ny fitsipika momba ny hetra amin'ny fanafarana entana, dia aroso ny hanaovana ireo entana sasany efa iharan'ny haban-tseranana ireo handoa TVA. Ity fepetra ity, izay mifanaraka amin'ny fanao iraisam-pirenena sy ny fanekena OMD, dia miantoka ny fandraisana anjara ara-drariny amin'ny vokatra rehetra nafarana, sady miaro ny fifaninanana ho an'ny mpandraharaha.

1.6. Famerenana indray ny DD=20% ny "déchets pharmaceutiques" (3006.92 00) toy ny fanafody lany daty, vaksiny tsy nampiasaina :

Hatramin'izao, tsy mbola nisy fanafarana ireo fako ireo, saingy ny firafiny amin'ny akora mavitrika sy misy poizina dia mitera-doza lehibe ho an'ny fahasalamana sy ny tontolo iainana. Ny fitantanana tsy araka ny tokony ho izy dia mety hiteraka fandotoana ny tontolo iainana sy vola be amin'ny fikarakarana azy ireo. Ny famerenana ny hetra amin'ny fanafarana ireo vokatra ireo dia hametra ny risika rehetra ho an'ny fahasalamana, hampihena ny habetsaky ny nafarana ary handray anjara amin'ny famatsiam-bola ny rafitra rafi-pitanana sy fanapotehina mifanaraka amin'ny fenitra ara-pahasalamana sy ara-tontolo iainana.

1.7. Famerenana indray ny DD=10% sy TVA=20% ho an'ny fanafody famonoana bibikely avy amin'ny zana-tsokajyn°s 3808.52 00 / 3808.59 00 / 3808.61 00 / 3808.62 00 / 3808.69 00 / 3808.91 30 / 3808.91 90 / 3808.92 10 / 3808.92 90 / 3808.93 10 / 3808.93 90 / 3808.94 10 / 3808.94 90 / 3808.99 10 / 3808.99 90, afa-tsy ireo fanafody famonoana bibikely karazana ampiasaina amin'ny fambolena ao amin'ny zana-tsokajy n° 3808.91 20

Ny fanafody famonoana bibikely ampiasaina ao an-tokantrano, indostria ary amin'ny zavatra hafa ankoatra ny fambolena eo ambanin'ny laharana 38.08 dia tsy handoavana haban-tseranana sy hetra amin'izao fotoana izao. Mba hifehezana tsara kokoa ny fampiasana ireo akora simika mampidi-doza ho an'ny fahasalamana sy ny tontolo iainana ireo, dia ampidirina ho isan'ireo handoavana haban-tseranana 10% sy TVA 20%. Ity fepetra ity, dia mifanaraka amin'ny fanekena

noraisina tamin'ny alalan'ny protocole de Montréal (1987), izay mikendry ny famerana ny fampiasana azy ireo, mba hamporisika ny fampiasana vokatra hafa ara-tontolo iainana ary hampifanaraka ny fitsipika mifehy ny hetra amin'ny vokatra mitovy aminy efa iharan'ny hetra. Mba hanohanana ny famokarana ara-pambolena dia mbola tazonina ihany ny fanafoanana ny haba ho an'ny fanafody famonoana bibikely natao manokana ho an'ny fambolena (laharana 3808.91.20).

1.8. Famerenana indray ny DD=20% sy TVA=20% ny "moustiquaires non imprégnés de produits insecticide" (6304.20 00) :

Ny famerenana ny hetra amin'ny moustiquaires tsy misy fanafody izay tsy ampiasaina amin'ny ady amin'ny tazomoka dia mikendry ny fampihenana ny fahasamihafan'ny hetra amin'ny vokatra lamba hafa, satria tsy mandray anjara amin'ny fandaharan'asa momba ny fahasalamam-bahoaka izy ireo. Mifanohitra amin'ny moustiquaires misy fanafody, voafetra ny fahombiazany amin'ny ady amin'ny tazomoka, ary matetika izy ireo dia ampiasaina ho an'ny filàna an-tokantrano tsotra. Ny famerenana ny fitsipika ankapobeny dia hiaro ny vola miditra avy amin'ny hetra, sady manome tombony ho an'ireo vokatra tena stratejika ho an'ny fahasalamana.

1.9. Famerenana indray DD=20% ny "fours solaires" (7321.19 10) :

Amin'izao fotoana izao, ny "fours solaires" dia tsy handoavana haban-tseranana (exemption totale) saingy mbola iharan'ny TVA 20%. Ny fanafoanana ampahany dia mba hamporisihana ny fampiasana teknolojia ara-tontolo iainana ao anatin'ny tontolon'ny hetra maitso sy maharitra. Na izany aza, ity fepetra ity dia mety hiteraka tombony mihoatra ny tokony ho izy (effet d'aubaine) satria ny mpanafatra sasany dia manararaotra ny tsy fisian'ny haba ka tombony avo lenta, nefa tsy mampihena ny vidiny ho an'ny mpanjifa. Ary indrindra indrindra, amin'ny fampiharana, ireo fatana ireo dia mbola mijanona vokatra lafo vidy, sarotra azo ho an'ny ankamaroan'ny tokantrano malagasy, ka mampisalasala ny tanjona amin'ny fahamarinan-toerana sy ny tetezamita ara-angovo tafiditra ao anatin'izany.

1.10. Famerenana indray ny DD=20% sy TVA=20% ny "chauffe-eaux solaires" (8419.12 00) :

Amin'izao fotoana izao, ny "chauffe-eaux solaires" dia tsy handoavana haban-tseranana sy hetra fanampiny TVA (0%). Ny fanafoanana dia natao mba hampiroboroboana ny fitaovana ara-tontolo iainana sy maharitra. Na izany aza, ity fepetra ity dia mety hamporisika ny vokatra ny tombony mihoatra ny tokony ho izy (effet d'aubaine), ka mamela ny mpanafatra hanana marika avo lenta nefa tsy misy fihenana marina amin'ny vidiny ho an'ny mpanjifa. Ary indrindra indrindra, ireo vokatra ireo dia matetika entana lafo vidy, sarotra azo ho an'ny ankamaroan'ny mponina malagasy, izay mametra ny fiantraikany ara-tsosialy sy ara-tontolo iainana. Ilaina ny fanavaozana mba hanitsiana ireo fahasamihafana ireo.

1.11. Famerenana indray ny DD=5% sy TVA=20% ho an'ny "machines et appareils" (8437.80 90/ 8438.50 00 / 8438.60 00) :

Ny famerenana ny hetra amin'ny milina indostrialy ankoatra ny milina fambolena dia mikendry ny hamerenana ny tombontsoa ara-ketra amin'ireo fitaovana tena ilaina ho an'ny fiandrianam-pirenena ara-tsakafo sy ny fampandrosoana ambanivohitra. Ity fepetra ity dia mikendry ny handaminana tsara ny fandanianana ara-ketra amin'ny fanafoanana ireo faniliana tsy ara-drariny, sady miantoka fandridrana tsara kokoa eo amin'ny famporisihana ara-ketra sy ny laharam-pahamehana nasionaly momba ny fampandrosoana.

1.12. Famerenana indray ny DD=5% ny "calculatrices fonctionnant à l'énergie solaire" (8470.10 10) :

Amin'izao fotoana izao, ny "calculatrices solaires" dia tsy handoavana haban-tseranana (0%) saingy ianaran'ny TVA 20%. Ity fanafoanana ampahany ity dia natao hampiroboroboana ny vokatra amin'ny fampiasana angovo azo havaozina, dia mety hahazo tombony amin'ny mpanafatra izay mampihatra marika avo lenta, kanefa tsy misy fiantraika amin'ny lazam-didin'ireo mpanjifa. Na dia tsy lafo vidy toy ireo fitaovana teo aloha aza, ireo "calculatrice" ireo dia mbola sarotra azo ary tsy ilain'ny ankamaroan'ny tokantrano. Hetra antonony amin'ny fanafarana entana no aroso mba hiantohana ny fifandanjana tsara kokoa eo amin'ny hetra sady manohy mamporisika ny teknolojia mandeha amin'ny masoandro.

1.13. Fanavaozana DD=20% ny "autres accumulateurs stationnaires" (8507.80 90) :

Aroso ny hanaovana ireo "accumulateurs" ankoatra ny "accumulateurs stationnaires" 2V ka hatramin'ny 6V izay mihoatra ny 200 ampère/heure ny fahafahany, amin'ny laharana 8507.80.90, ho andoa haban-tseranana mitovy 20% mba hampifanaraka ny hetra, hampihenana ny fahasamihafan'ny fifaninanana eo amin'ny mpandraharaha ary hisorohana ny fanodikodinana ny lazam-bidy, sady mampiroborobo ny fifaninanana ara-drariny eo amin'ny tsena.

1.14. Fanafoanana ny laharana nasionaly (8516.10 10) "chauffe-eaux et thermoplongeurs électriques solaires" :

Mba hampifanaraka amin'ny SH (système harmonisé) an'ny OMD, dia foanana ny laharana nasionaly 8516.10 10, mifandraika amin'ny "chauffe-eaux et thermoplongeurs électriques solaires". Satria moa ny OMD dia efa namorona laharana manokana ho an'ny "chauffe-eaux solaires" eo ambanin'ny kaody 8419.12, izay mandrakotra araka ny tokony ho izy ireo fitaovana ireo. Ity fepetra ity dia mikendry hisoroana ny fiverimberenana ny laharana ao amin'ny fanisana lazam-bidy nasionaly ary hiantoka ny firindrana tsara kokoa amin'ny fanasokajiana iraisam-pirenena manankery.

1.15. Famerenana indray DD=20% ny "halogènes, au tungstène" (8539.21 10) :

Ny "ampoules halogènes au tungstène "latsaky ny 30w ny tanjany, eo ambanin'ny laharana 8539.21.10, dia tsy handoavana haban-tseranana amin'izao fotoana izao, sady iharan'ny TVA 20%. Hakana hetra indray ireo vokatra ireo mba hampifanaraka ny fikarakarana ara-ketra amin'ny an'ny jiro hafa mitovy toetra sy fampiasa aminy. Ity fepetra ity dia mikendry hametraka fahamarinana ara-lazam-bidy eo amin'ny vokatra mpifaninana ary hampihena ny fahasamihafan'ny hetra tsy ara-drariny ao anatin'ny sokajy entana mitovy.

1.16. Famerenana indray DD=10% ny "diodes émettrices de lumière (led)" (8541.41 00) :

Ny "diodes émettrices de lumière (LED) ", eo ambanin'ny laharana 8541.41.00, dia tsy handoavana haban-tseranana sy TVA amin'izao fotoana izao. Hakana hetra indray ireo vokatra ireo mba hampifanaraka ny fikarakarana ara-ketra amin'ny an'ny fitaovana hafa mitovy toetra sy fampiasa. Ity fepetra ity dia mikendry hametraka fahamarinana ara-lazam-bidy eo amin'ny vokatra mifaninana ary hampihena ny fahasamihafan'ny hetra tsy ara-drariny ao anatin'ny sokajy entana mitovy.

1.17. Fampanarahana ho TVA= 20% ny « Froment (blé) » amin'ny zana-tsokajy nasionaly faha s 1001.19 00 / 1001.99 10

Ny fepetra aroso dia ny fanitsiana ny TVA ampiharina amin'ny vary tritika na froment de blé, mba hanatsarana ny fifandraisan'ny rafitra ara-ketra sy araky ny fadintseranana amin'ny politika nasionaly momba ny filaminana ara-tsakafo.

Izany dia mikendry voalohany indrindra ny fanamafisana ny fahafahana manara-maso ny fiavian'ny vokatra nafarana sy vokarina, fiantohana ny tsy fitongilanana ara-ketra ep amin'ny vary tritika manta sy ireo vokatra avy aminy nodinihina eto an-toerana, ary ny fanomezana fahafahana ireo pandraharaha nasionaly hamerina ny TVA efa naloa teo aloha.

Tafiditra ao antin'ny lojikan'ny fanitarana voafehy ny fototry ny hetra izany, tsy misy fiantraikany hoe mampiakatra vidim-piainana loatra, ao anatin'ny toe-draharaha milamina ny vidin'ny vary tritika iraisam-pirenena.

2. Fanasarahana ireo zana-tsokajy sasany ho an'ny tanjona ara-statistika :

Ity fepetra ity dia mikendry ny hizarazara ny « zana-tsokajy » sasany mba hanatsarana ny fahamarinan'ny angon-drakitra momba ny varotra ivelany. Hahafahana manao ny fanaraha-maso ara-statistika tsara kokoa momba ny fanafarana sy fanondranana entana izany, ka hanamora ny famolavolàna ireo politikam-panjakana sy ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny politika ara-barotra.

3. Fampiharana ny zana-tsokajy vaovao avy amin'ny fanapahan-kevitra momba ny fanasokajiana navoakan'ny avy OMD :

Hampidirana ireo zana-tsokajy avy amin'ny fanapahan-kevitra momba ny fanasokajiana navoakan'ny (OMD). Ity fepetra ity dia mikendry ny fiantohan'ny fifanarahana' ny lazam-bidy nasionaly amin'ireo fenitra iraisam-pirenena, ny hampitoviana ny fanasokajiana ny lazam-bidy ary ny hiantohana ny ffiarovana araka ny lalàna ho an'ny mpandraharaha ara-toekarena.

4. Fanavaozana ny haban-tseranana alaina amin'ireo vokatry na entana voahilikin'ny fifanarahana APE :

Mila fampifanarahana ny haban-tseranana amin'ny vokatry sasany izay voahilika tany amboalohany amin'ny sehatra ampiarana ny « accord de partenariat économique (APE) ». Ity fepetra ity dia mikendry ny fampifanarahana ny lazam-bidy nasionaly amin'ireo fanekena noraisina tamin'ny alalan'ny APE, nefa iantohana hatrany ireo sehatra saro-pady.

5. Fampifanarahana ny tahan'ny haban-tseranana alaina amin'ny fitaovana informatika, ary koa amin'ny piesy sy kojakoja fampiasan'ny fiara sy ny moto ;

Hampiakarana ny haban-tseranana izay 5% ho lasa 10% ho an'ny fitaovana informatika mba hanitarana ny hetra fototra sy hiantohana ny rariny mihoatra amin'ny entana teknolojika hafa, ary izay 10% ho lasa 20% ho an'ny piesy sy kojakoja fampiasan'ny fiara sy môtô mba hampirindrana ny fikarakarana ara-ketra sy hampihenana ny fahasamihafana ao amin'io sehatra io.

6. Fanitsiana ny haban-tseranana ho 10 % amin'ny vovodronono, granulés na endrika mafy hafa, ampiasaina ho akora fototra amin'ireo zana-tsokajy n°s 0402.10 10 / 0402.21 10, araka ny tolo-kevitra ny sehatra tsy miankina.

Ity fanitsiana lazam-bidy ity dia mikendry ny hanamafisana ny fiarovana ny sehatry ny ronono eo an-toerana amin'ny alalan'ny fampihenana ny fifaninanana tsy ara-drariny avy amin'ny fanafarana ronono ambany vidy, ary koa ny famporisihana amin'ny fanomezan-danja ny famokarana eto an-toerana.

Ny fanitsiana ny tahan'ny haban-tseranana izay 5 % ho 10 % dia manampy ihany koa amin'ny fanitarana ny hetra-fototra sy ny fampitomboana ny vola miditra fanampiny ho an'ny Fanjakana, amin'ny fanajana ny fitsinjarana ara-drariny sy ny fampifanarahana amin'ny fomba fakana hetra ampiharina amin'ny vokatry mitovy.

7. Famoronana zana-tsokajy nasionaly misaraka ho an'ny fanasokajiana ara-lazam-bidy ny fiara hybrides maivana (mild-hybrid)

Ny fihanaky ny maodelin'ny fiara hybride maivana dia mitaky fanavahana lazam-bidy mazava. Ny famoronana laharana nasionaly manokana dia hamela famantarana tsara kokoa an'ity sokajy ity,

hiantohana ny fanasokajiana mirindra ary hanana statistika mazava momba ny fanafarana azy ireo. Ity fepetra ity dia handray anjara amin'ny fitantanana tsara kokoa ny fitsipika ara-ketra ampiharina arakaraka ny haavon'ny hybridation. Noho izany, ny fizarana ny fiara hybride maivana eo ambanin'ny laharana mafana (thermiques) iharan'ny hetra 20% amin'izao fotoana izao dia handoa haban-tseranana 10%, fa ireo eo ambanin'ny zana-tsokajy 10% dia ho handoa 5%. Ity fanavahana lazam-bidy ity dia mikendry hamporisika ny tetezamita miandalana mankany amin'ny motera mitsitsy angovo kokoa sady mitazona rafitra ara-ketra voalanzanjanja.

8. Fampisehoana ny lazam-bidy ho an'ny fampidirana isam-paritra :

Ity fepetra ity dia ahitana fanononana mazava ao amin'ny lazam-bidy nasionaly ny tahan'ny tombontsoa (taux préférentiels) ampiharina amin'ny alalan'ny fifanarahana fampidirana isam-paritra (accords d'intégration régionale). Mikendry hanamafisana ny mangarahara izany, hanamora ny fampahafantarana ho an'ny mpandraharaha ara-toekarena ary hiantoka ny famakiana mora kokoa ny lazam-bidy.

9. Fanitsiana ny fahadisoana ara-materialy

Ity fepetra ity dia mikendry ny hanitsy ny hadisoana amin'ny fanoratana, fanasokajiana na fanondroana hita ao amin'ny lazam-bidy. Ny tanjony dia ny hiantohana ny firindran'ny lahatsoratan'ny lazam-bidy, hanamafy ny fiarovana ara-dalàna, ary hanafaingana ny fampiharana marina azy amin'ny alalan'ny sampan-draharahan'ny fadintseranana sy ireo mpandraharaha

II.1.2.5- FIANTRAIKAN'NY FANOVANA

Ny fiantraikan'ny fanovana ny lazam-bidy eo amin'ny fidiran-ketra dia tomanana ho 224,29 miliara ariary, izay mitsinjara toy izao :

- + 205,18 miliara ariary ho an'ny fanatsarana ny fandania ara-ketra.
- + 17,41 miliara ariary ho an'ny Fampifanarahana ny haban-tseranana ampiharina amin'ny fitaovana informatika, ary koa amin'ny kojakoja sy fitaovana fanampiny ho an'ny fiara sy kodiarandro mandeha amin'ny motera ;
- + 1,7 miliara ariary ho an'ny Fampifanarahana ny haban-tseranana amin'ny vovon-dronono, na toy ny singa madinika, na amin'ny endrika mivaingana hafa, ampiasaina ho akora fototra, mifanaraka amin'ny tolo-kevitra ny sehatra tsy miankina.

II.2- FANDANIAMBOLAM-PANJAKÀNA

II.2.1- Antontan-karama

Antotakarama ho an'ny taona 2026 : Mampifanojo ireo fitakiana anaty tetibola, ny fahaizamanintona eo amin'ny asampanjakana ary ny fanavaozana ireo soatoavina ao anaty

tolodraharaham-panjakana.

Ny antotakarama dia mitoetra ho iray amin'ireo fanoitra lehibe ao amin'ny politikam-panjakana. Ankoatra ny lanjany anaty teti-bola, izy io dia maneho ny toerana omen'ny Fanjakana ny loharanokarena avy amin'ny olombelony, izay tosika manan-danja ho an'ny fahazoana vokatry tsara eo amin'ny asa anivon'ny governemanta sy ny fandrosoan'ny firenena. Ao anatin'ny toe-javatra izay marihan'ny fetra ara-tetibola mitoetra maharitra sy ny fepetra entitra eo amin'ny kalitaon'ny tolotra ho an'ny vahoaka, ny Governemanta vaovao dia nisafidy ny fitantanana mandray andraikitra, mizara mira sy mijery lavitra eo amin'ny karaman'ny mpiasampanjakana.

Ho an'ny taom-piasana 2026, ny fandanianana ho an'ny karaman'ny mpiasampanjakana dia tombanana ho 4 852,76 miliara Ariary, izay mitombo +1 006,36 miliara Ariary (+26,16%) raha oharina amin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanambolam-panjakana 2025. Ity fitomboana ity dia vokatry ireo antony ara-drafitra sy ara-tsosialy sy ara-panjakana izay maneho ny fahavonon'ny Governemanta hanatsara ny toe-piainana sy ny tontolo iasàna ho an'ny mpiasampanjakana.

- ✓ Ny antony ara-drafitra : ny fitohizan'ny tolotra ho an'ny vahoaka sy ny latsakemboka ara-tsosialy alohan'ny Fanjakana
- ◆ Ny fiakaran'ny grady sy sokajinasa ho an'ny rehetra, anisan'izany ny tafika sy ny zandary ;
- ◆ Ireo tambikarana mifandray amin'ny fisotroan-dronono sy ny fahafatesan'ny mpiasampanjakana (ny fanampiana amin'ny fisotroan-dronono, ny fanonerana ny fialan-tsasatra tsy nalaina sy ny vonjy rano vaky omena amin'ny fahafatesana) ;
- ◆ Ny fandraisana anjara ara-tsosialy isam-bolana apetraky ny Fanjakana amin'ny kitapombolan'ny fisotroandronono ho an'ny mpiasampanjakana.

Ireo vola tsy azo hihena ireo dia manaporofa ny andraikitra ny Fanjakana amin'ny fiantohana ny fahamarinan-toeran'ny asampanjakana sy ny fankasitrahana ny asa tontosa tanatin'ny asampanjakana.

- ✓ Antony sy fepetra manokana ho an'ny taona 2026 : politika fanomezan-tsanda sy fankasitrahana.

Ao anatin'ny lalantsain'ny fanavaozana ny soatoavina eo amin'ny tolodraharaha ho an'ny vahoaka, ny Governemanta vaovao dia nanomboka politikan'ny karama mirona amin'ny rariny, ny fankasitrahana ny asa vita sy ny fahombiazana.

Ny fepetra lehibe kasaina hapetraka ho an'ny taona 2026 dia ahitana :

- ◆ Fanavaozana ankapobeny ny karama, natao hifanaraka amin'ny vokatry ny tranga ara-toekarena, indrindra ny fiakaran'ny vidim-piainana, sy ny fiarovana ny fahefa-mividy amin'ny mpiasampanjakana ;
- ◆ Fanatsarana ny tontolon'ny karama ho an'ny mpanabe amin'ny alalan'ny fampiakaran'ny tambikarama ho an'ny fitazomana tsaoka, manome sitraka ho an'ny anjara toeran'ny

fanabeazana amin'ny fananganana loharanokarena avy amin'ny olombelona eto amin'ny firenena nasionaly ;

- ◆ Fanavaozana ny tambikarama ho an'ireo tandindodoza ho an'ny mpitsabo, mpitsabo mpanampy, ary ireo ny mpandraharaha sy teknisianina ao amin'ny Ministeran'ny Fahasalamana, ho fankasitrahana ny fahafoizan-tenany sy ny anjara asany manan-danja amin'ny fahasalamam-bahoaka. ;
- ◆ Ny fanavaozana ny Tambikarama ho an'ny trano fonenan'ny mpiasam-panjakana sivily sy miaramila, izay efa tsy mifanaraka intsony amin'ny zava-misy ara-tsosialy sy ara-toekarena eto amin'ny firenena ;
- ◆ Ny fanovana tsikelikely ny satan'ireo mpiasampanjakana fehezin'ny fifanarahana arak'asa (EFA sy ELD) izay nahavita niasa nandritry ny enin-taona no mihoatra, araka ny andininy faha-23 sy faha-24 amin'ny Lalàna n°94-025 mikasika ny Sata ankapobeny ho an'ny Mpiasam-panjakana fehezin'ny fifanarahana arak'asa tamin'ny 11 Oktobra 1994, izay manamarika fandrosoana amin'ny rariny sy fahamarinan-toerana amin'ny asa ;
- ◆ Famoronana sy famadihana ho karama toeran'asa vaovao miisa 13 274, izay mamaly ny filàna hita ao amin'ny sehatra manan-danja ary miantoka ny fanoloana amin'ny ampahany amin'ny fandehanan'ny mpiasa miisa 4 760 hisotro ronono sy ireo fialana amin'ny asa miisa 922 (fametraham-pialana, fahafatesana, fandroahana, sns.) ;
- ◆ Ny fanendrena diplomaty sy ny fanokafana masoivoho vaovao any ivelany, manamafy ny fisian'i Madagasikara eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena amin'ny faritra misy fiaraha-miasa ara-toekarena sy ara-tsosialy manana vaika lehibe ;
- ◆ • Ny fampidirana ny tambikarama laharana 508 ao amin'ny karaman'ny mpiasam-panjakana rehetra ; ary ny tambikarama fanampiana amin'ny andraikitra ("sujétion") sy ny fanampiana amin'ny fepetra manokana ("astreinte") ao amin'ny karaman'ny mpiasa fehezin'ny fifanarahana arak'asa ao amin'ny Ministeran'ny Fitsarana, araka ny andininy faha-5 amin'ny didimpanjakana n°2007-1108 tamin'ny 18 Desambra 2007.
- ◆ Ny famindrana ny fandanianana ho an'ny karama ho an'ny orinasam-panjakana sasany manana teti-bola manokana, anisan'izany ny ARMP, ao anatin'ny Tetibola ankapobeny Ny famatsiam-bola ho an'ny fiakarana amin'ny toeranasa vokatry ny fivoaran'ny fahaiza-manaon'ny mpiasam-panjakana, indrindra rehefa mahazo diplaoma vaovao izay mitarika amin'ny fiovàna sokajy arak'asa; ary ny fandraisana anjaran'ny Fanjakana amin'ny famenoana ireo latsakemboka talohan'ny naha-mpiasa raikitra, araka ny fepetra ao amin'ny didimpanjakana n°62-144 (CRCM).

Ity politikan'ny karama ity dia maneho ny fahavonon'ny Governemanta vaovao hampifanojo ny fepetra ara-tetibola, ny fahaiza-manintona eo amin'ny asam-panjakana ary ny fanomezan-danja ny fahamendrehana sy ny asa vita ho an'ny Firenena. Izy io dia tafiditra amin'ny fanavaozana ny soatoavina ao amin'ny tolodrahara ho an'ny vahoaka, izay mifototra amin'ny rariny, ny fankasitrahana ny asa vita,

ary ny fandraisana anjara iombonana amin'ny fampandrosoana. Ny tanjona dia roa: (i) ny fiantohana ny fahariperi'ny tetibola ho an'ny vahoaka anatin'ny ivo ezaka amin'ny alalan'ny fanompanana vola sy vinavina mahomby eo amin'ny loharanokarena avy amin'ny olombelona, ary (ii) ny fanamafisana ny fahavononana, ny hasina ary ny reharena amin'ny maha-mpiasampanjakana, mba hananganana Fanjakana mahavokatra, tompon'andraikitra, ary miasa ho an'ny olom-pirenena.

II.2.2- Kitapombola fisotroandronono :

Fanamafisana ny faharetam-perin'ny rafitra fisotroan-dronono ho an'ny vahoaka: fanavaozana ny fahavononana ho an'ny rafitra maharitra sy mizara mira.

Ao anatin'ny toe-javatra isian'ny fahalebiazana ara-taona tsikelikely eo amin'ireo mpiasa sy ny fipetrahana maharitra ho an'ireo tsy fitoviana ara-drafitra ao amin'ny rafitra fisotroan-dronono, ny Governemanta vaovao dia mametraka ny fampaharetana ny rafitra fisotroan-dronono ho laharam-pahamehana stratejika ho an'ny taona 2026. Ity fepetra vaovao ity dia maneho ny fahavonon'ny Governemanta hanavao ny modely efa misy, mba hanomezana antoka maharitra fa hitohy ny fandoavana ny fisotroan-dronono, ny fiarovana ny zo efa azo ao amin'ny fisotroan-dronono, ary hanamafy ny fototra ara-drafitra ao amin'ny rafitra fisotroan-dronono ho an'ny Fanjakana.

Ho an'ny taom-piasana 2026, vola fanampiana ara-tetibola manokana 372,30 miliara Ariary no natokana ho an'ny "Caisse de Retraite Civile et Militaire (CRCM)", izany hoe fiakaran'ny vola +76,10 miliara Ariary raha oharina amin'ny taona 2025. Ity fiakaran'ny vola ity dia vokatry ny fihenany ny fandraisana mpiasa amin'ny asam-panjakana tao anatin'ny folo taona, raha toa ka tsy niova firy isan'ny mpiasa nandeha nisotro ronono ka nampihena ny isan'ny mpandao latsakemboka. Eo ihany koa ny vokatry ny fanavaozana ny fisotroan-dronono, izay mitovy tamin'ny taha nampiharina tamin'ny karama, izay nitazona ny fandania ho ambony, na dia teo aza ny tsy fiovana firy teo amin'ny isan'ny mpiasa, sy ny fiafaran'ny vola niditra manokana azo avy fizarazarana ny fanefana ireo latsakemboka tsy voaefa (Oniversite, IST, CROUA, kaominina, ministera, fampitoviana ny tahan'ny latsakemboka teo anelanelan'ny 2000 sy 2021). Ity fihenany ny vola miditra ity dia mapitombo ny tsindry eo amin'ny tetibola ankapobeny amin'ny Fanjakana ary mampitombo ny fatiantoky eo ao amin'ny kitapombolan'ny fisotroan-dronono.

Ny fatiantoka eo amin'io rafitra io dia vokatry ny antony ara-drafitra maro: taha ambany eo amin'ny mpandao latsakemboka mihoatra amin'ny mpandray fisotroandronono, izay tombanana ho 1,57 amin'ny taona 2026 (raha oharina amin'ny fenitra iraisam-pirenena manodidina ny 3,5), vokatry ny tsy fandraisana mpiasa tany amin'ny taona 1990, ny faharisarisan'ny fandraisana mpiasa tao anatin'ny taona faramparany, ny fahanteran'ny mpiasa, ary ny fiarovana ny fahalavan'ny androm-piainana ho an'ny mpiasampanjakana, izay manitatra ny faharetan'ny fandoavana ny fisotroan-dronono.

Ny fanavaozana efa natomboka dia nahafahana nampihena ny fivoaran'ny fandania, nefa mbola tsy ampy nahafahana manonitra ny fihenany loharanom-bola. Noho izany, ny Governemantan'ny Fanavaozana dia mikasa ny hanomboka andiany vaovao amin'ny fanavaozana ara-drafitra sy eo amin'ireo singam-pikajiana, izay hifantoka amin'ny zotra efatra lehibe: ny fanadiovana sy

fanamafisana ny angon-drakitra mifandraika amin'ny mpisitraka sy ny mpiasam-panjakana; Ny fanatsarana sy fannamaroana ny loharanom-bola ho an'ny rafitra fisotroan-dronono; ny fanavaozana ny fitantanana sy fanamafisana ny fanaraha-maso anatiny; ary koa, ny fampidirana anaty tontolo ara-kajy mirindra ny dingana fitantanana ny fisotroan-dronono amin'ny alalan'ny fampiharana ny rindrambaiko AUGURE 2.0. Ny tanjona dia ny hananganana rafitra fisotroan-dronono manaraka toetrandro, manao zara mira, ary azo tanterahina ara-bola, izay miantoka ny fahamarinan-toerana ara-tsosialy, ny fahatokisana avy amin'ny mpisitraka, ary ny faharetan'ny rafitra fisotroan-dronono ho an'ny fotoana ivo sy lavitra ezaka.

II.2.3- Fandaniana amin'ny asa andavanandro ankoatra ny karama sy ny fampiasam-bola

Eo amin'ny lafin'ny fananiana, ny Governemanta dia hampihatra politikam-pitsitsiana ara-bola, mirona makany amin'ny fahombiazan'ny asa sy ny mangarahara. Izany fomba fiasa izany dia mikendry ny fifehezana ny fananiana amin'ny asa andavanandro mba hanomezan-danja ny fampiasam-bola amin'ny sehatra mpamokatra, antoky ny firoboroboana ara toe-karena sy fanamafisan'ny firaisankinam-pirenena.

Fandaniana amin'ny asa andavanandro

Mikasika ny fananiana amin'ny asa andavanandro, dia hamafisana sy hatsaraina ny fitantanana, mba hifantoka amin'ireo filàna tena manan-danja ho an'ny vahoaka ny volampanjakana, indrindra eo amin'ny sehatry ny:

- **Angovo ho an'ny rehetra**, amin'ny alalan'ny fanarenana ny **JIRAMA**, ny fanavaozana ny fotodrafitrasa ara-teknika ary ny fampitomboana ny loharano famatsiana herinaratra;
- **Fahazoana rano fisotro madio ho an'ny rehetra**, izay fepetra fototra amin'ny fiainana mendrika sy salama ho an'ny olom-pirenena tsirairay;
- **Fahasalamana ho an'ny rehetra**, amin'ny fanatsarana ny tolotra eny amin'ny tobim-pahasalamana, ny fanatsarana ireo fitaovana, ary ny fanomezan-danja ny mpiasan'ny fahasalamana;
- **Fanabeazana**, mifanaraka amin'ny vanim-potoana ankehitriny, izay mitaky fanavaozana ny rafim-panabeazana sy ny fandrindrana ny fandaharam-pianarana hifanaraka amin'ny filàn'ny sehatry ny asa;
- **Asa sy fandraharahana**, miompana kokoa amin'ny famoronana asa sy fanohanana tetikasa ara toe-karena indrindra ho an'ny tanora;
- **Firaisankina nasionaly**, ho amin'ny fampandrosoana mirindra izay mitaky fiaraha-miasa eo amin'ny andrim-panjakana, ny vondrom-bahoakam-paritra, ny sehatra tsy miankina ary ny fiarahamonim-pirenena.

Fandaniana amin'ny fampiasam-bola

Ny safidin'ireo Tetikasa Fampiasam-bola dia mifototra amin'ny fiantraikan'izany eo amin'ny lafiny ara-tsosialy sy ara-toekarena, sy ny fanatsarana mivantana ny andavanandron'ny mponina:

- Fanatsarana ny asam-panjakana ho an'ny vahoaka toy ny fanamboarana fotodrafitrasa amin'ny sehatry ny angovo, ny famatsian-drano fisotro madio, ny fotodrafitrasa ara-pahasalamana (hopitaly, CSB) ary ny fotodrafitrasa ara-panabeazana (EPP, CEG, Lisea, sns);
- fanohanana ny seha-pamokarana ara-pambolena, indrindra ny sehatra vary, mba hiantohana ny fahaleovan-tena ara-tsakafo sy hanamafisana ny fidiram-bolan'ny tantsaha;
- fanohanana ny famoronana asa sy ny fandraharahana, amin'ny fanampiana ny tanora sy ireo mpandraharaha hahazo famatsiam-bola;
- fanavaozana ny fitantanana-draharaham-panjakana sy ny andrim-panjakana, mba hahazoana fitantanana mazava, mahomby ary manompo ny olom-pirenena.

Ity teti-bola ity dia miorina amin'ny foto-kevity ny fampandrosoana tsy manavakavaka, izay mikendry ny hampihenana ny tsy fitoviana eo amin'ny faritra, hanamafisana ny firaisankinan'ny fiarahamonina, ary hananganana Fanjakana miray hina sy mamokatra, miasa ho an'ny tombontsoan'ny vahoaka malagasy.

II.3- NY TROSAM-PANJAKANA

TROSA IVELANY

Vinavinaina ho 1 579,1 miliara Ariary ny fitambaran'ny vola ho efaina ato amin'ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2026. 1 244,4 miliara Ariary amin' izany no renivola ary mitotaly 334,7 miliara Ariary kosa ny zanabola.

TROSA ANATINY

Ny trosa anatin'ny dia ahitana indrindra ny zanabola efaina amin ny taratasimbolam-panjakana sy ireo mifanaraka amin' ny findramambola atao amin ny Banky Foiben'i Madagasikara. Ny fandania amin'ny fandoavana ny zanabola amin'ny trosa anatin'ny ho an'ny taona 2026 dia ahatra 645,7 miliara Ariary ary ny tahan'ny zanabola fanefana ny taratasimbolam-panjakana amin'ny ankapobeny dia tomanana ho 12,31%.

II.4- NY KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA

Mahakasika ny kaontin'ny fampindramambola dia misy sorabola 278,0 miliara Ariary hofaritana ao amin'ny tetibola 2026. Izany dia mifandraika amin ny fampindramambola mahakasika ny tetikasa fanitarana ny seranatsambon'i Toamasina sy ny tetikasa « JIRAMA Andekaleka Hydro Expansion ».

Ny fandraisan'anjaran'ny fanjakana ao amin'ny renivolan'ny orinasa dia mitotaly 211,4 miliara Ariary ka ny 35,5 miliara amin'izany dia atao amin ny orinasa eto antoerana ary ny 175,7 miliara Ariary dia ho an'ny vondrona iraisam-pirenena.

Ny kaontin'ny fisotroandronono dia hifandanja 1 083,2 miliara Ariary ny vola miditra sy ny fandaniana.

II.5- NY VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY

Ny vinavinan'ny vola miditra avy amin'ny vola ateraky ny fanomezana sy fanampiana avy any ivelany dia hitentina 11,3 miliara Ariary amin'ny taona 2026. Ny fandaniana hanam-pamokarana atao avy amin'ireo vola azo teo aloha kosa dia hovinavinaina 5,5 miliara Ariary.

II.6- NY FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKÀNA

Ny famatsiana ara-bola ny fatiantoka anatin'ny fanjakana dia hotanterahina amin'ny fivarotana taratasim-bola eo amin'ny sehatry ny banky sy ny ivelan'ny banky amin'ny ankapobeny. Hahatratra 2 370,8 miliara Ariary ny vola antenaina hiditra raha toa ka 2 235,5 miliara Ariary ny famerenana troso ho atao. Noho izany dia hitombo 135,3 miliara Ariary ny antontan-trosan'ny Fanjakana amin'ny taratasim-bola mandritra ny taona 2026. Ankoatr'izay ny tahiribolam-panjakana dia hanao avansy amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara.

Raha mahakasika ny famoaham-bola ho an'ireo tetik'asa kosa indray dia heverina ho 4 711,5 miliara Ariary izany. Ny fanampiana ara-tetibola amin'ny alalan'ny fampindramambola dia mitentina 1 127,8 miliara Ariary (585,8 miliara Ariary, na 100 tapitrisa USD avy amin'ny banky iraisam-pirenena avy amin'ny alalan'ny MERG ary 542,0 miliara Ariary na 81,5 tapitrisa SDR avy amin'ny FRD araka ny teti-andro famoaham-bolan'ny FMI).

Toy izany no antonanton'izao volavolan-dalàna izao.

NY MINISITRY NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-015/2025
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA
HO AMIN'NY TAONA 2026



VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-015/2025
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA HO
AMIN'NY TAONA 2026

I- FEPETRA MIKASIKA NY HETRA

ANDININY VOALOHANY

Raha tsy mifanohitra amin'ny fepetra voalazan'ity lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ity dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy fadintseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2026.

ANDININY FAHA-2

FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY HETRA (CDI) SY NY FEHEZAN-DALÀNA AMIN'NY
PAIKA ARAHINA ARA-KETRA (CPF)

ANDININY FAHA 2.1 FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY HETRA

Ny fepetry ny Fehezan-dalàna momba ny hetra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao :

FIZARANA VOALOHANY HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY TOA AZY LOHATENY I HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA ZANA-DOHATENY I HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA (IR) TOKO II SEHATRA AMPIHARANA SOKAJY I VOLA MIDITRA IHARAN'NY HETRA

Andininy 01.01.02.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

“Raha tsy mifanohitra amin'ireo fifanarahana iraisam-pirenena, amin'ny firenena roa na maromaro, dia iharan'ny hetra amin'ny vola miditra, raha tsy hoe nahazoana fanafoanan-ketra voafarit'ireo fepetra amin'ity Fehezan-dalàna ity, ireo vola rehetra azo teto Madagasikara, na inona na inona karazany nataon'ireo olon-tsotra na ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra izay manana na tsia toeram-piasana raikitra, tsy iharan'ny IRSA ary :

- ny vola maty sy/na vola miditra dia mihoatra na mira amin'ny Ar 400 000 000 na

- ny vola maty sy/na vola miditra dia mihoatra na mira amin'ny Ar 200 000 000, ho an'ireo nisafidy ny fameran-ketra amin'ny hetra amin'ny vola miditra ; na

- ireo nisafidy ny fameran-ketra tena izy. Ny fameran-ketra tena izy dia midika fandoavana hetra amin'ny vola miditra no sady iharan'ny haba amin'ny tataom-bidy.”

SOKAJY II VOLA MIDITRA TSY IHARAN'NY HETRA

Andininy 01.01.03.

a) Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faharoa ao amin'ny 5° amin'ity andininy ity :

“Na izany aza dia tsy azo ampiharina amin'ny fidiram-bola azo avy amin'ny toeram-pivarotana na toerana fanaovana asa aman-drahara azy ireo manokana ilay fanesoran-ketra, raha tsy hoe voahaja ny fepetra voalazan'ny andininy faha-6 amin'ity lahatsoratra ity. »

b) Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny paragirafy farany ao amin'ny 6° amin'ity andininy ity:

“ Ireo antokon-draharaha voalaza etsy ambony ary koa ireo Antokon-draharaham-panjakana manana toetra ara-panjakana sy ny toa azy, dia tsy maintsy mametraka fara-fahatarany ny faran’ny volana faha 2 manaraka ny fikatonan’ny taom-piasana, any amin’ny biraon’ny hetra mahefa ara-paritra, ireo filazana toe-bola sy ireo tatitra momba ny sahan’asa amin’ireo zava-bita.”

d) Ovàna toy izao ny rijan-tenin’ny 11° sy ny 13° amin’ity andininy ity:

“11° Nofoanana”

“13° Nofoanana”

e) Ovàna toy izao ny rijan-tenin’ny 14° amin’ity andininy ity:

*“14° Ireo vola azo avy amin’ny **tsenam-barotra** voalazan’ireo fepetry ny andininy 01.01.44 sy ny manaraka.”*

SOKAJY III FAMARITANA NY TANY IHARAN'NY HABA

Andininy 01.01.04.-

Ovàna toy izao ny rijan-tenin’ny b- ao amin’ny 3° amin’ity andininy ity:

« b- Nofoanana ; »

SOKAJY IV OLONA IHARAN'NY HETRA

Andininy 01.01.05.-

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ny paragirafy voalohan’ny I- amin’ity andininy ity :

*“Ireo mpitantana mpiombon’antoka izay manana ny petra-bola lehibe indrindra amin’ny S.A.R.L dia iharan’ny hetra avy amin’ny vola miditra na toy inona ny totalin’ny vola miditra aminy. **Ny toetra maha mpitantana mpiombon’antoka dia tsy azo ekena raha tsy amin’ny olon-tsotra izay mampiasa ny anarany manokana.***

Ireo mpisolo-tena maharitr’ireo rafitra mizaka zo aman’andraikitra mpiombon’antoka, izay manana mivantana na ankolaka ny ampahany lehibe indrindra amin’ny renivola, dia tsy azo heverina ho toy ny mpitantana mpiombon’antoka izay manana ny petra-bola lehibe indrindra.”

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ny IV- amin’ity andininy ity:

« IV- Nofoanana »

c) Ampiana VII izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

“VII- Ireo rafitra, fikambanana na sampan-draharaha mitovy aminy izay voalaza amin'ny paragirafy 5° sy 6° amin'ny andininy 01.01.03 amin'ity Fehezan-dalàna ity dia iharan'ny hetra amin'ny vola miditra na ohatrinona na ohatrinona vola matin'izy ireo.”

TOKO IV FOTOTRA AMERANA NY HETRA

Andininy 01.01.10.-

a) Ao amin'ny 1. amin'ity andininy ity :

- Foanana ny vondron-teny ***“sy 01.02.02 – II”*** sy ***“na ny Hetra tambatra”***.

- Soloina ho ***“tsena”*** ny vondron-teny ***“tsenam-baro-panjakana”*** ao amin'ny tsipika faha 9.

- Foanana ny tsipika farany ;

- Ampiana tsipika farany izay mirija toy izao :

“- Ireo hofan-trano izay misy fifanaraham-panofana fa tsy nanaovana fanoratana sy/na tsy misy fakitiora.

- Ny fividianana entana sy raharaha natao tamin'ireo mpamatsy tsy manana laharam-pamantarana ara-ketra araka ny voalazan'ny andininy I-01 sy I-02 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Paika arahana ara-ketra”

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 2 ao amin'ny 13° amin'ity andininy ity:

“ Ireo latsakemboka nataon'ireo orinasa , noferana ho 1 isan-jaton'ny antotan-karama, narotsaka ho an'ny Tahirim-pirenena ho an'ny famatsiam-bola ny fampianarana arak'asa eto Madagasikara na ny Tahirim-pirenena ho an'ny fampandrosoana ny indostria. Tsy ekena ny fanesorana raha tsy manana taratasy fifanarahana arak'asa ara-dalàna ny mpiasa misitraka ny fampiofanana.”

d) Ovàna ho ***“tsena”*** ny vondron-teny ***“tsenam-baro-panjakana”*** ao amin'ny 11° amin'ity andininy ity.

e) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika faha 2 ao amin'ny 15° amin'ity andininy ity:

“ ireo fandaniana ho an'ny fiarovana ny toeram-piasana, ary koa ireo asa tanamaro (HIMO), ary tsy maintsy ampiarahina amin'ireo antotan-taratasy fanamarinana mifanaraka aminy, izay tsy tokony ahitana endrika fanararaotana tamin'ireo asa natao.”

f) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 16° amin'ity andininy ity:

“ 16° Nofoanana ”

Andininy 01.01.11.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny II- amin'ity andininy ity:

“ II- Nofoanana ”

**TOKO VI
FOMBA FAMERANA NY HETRA**

Andininy 01.01.13.-

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny I- amin'ity andininy ity:

“ Ny fameran-ketra ara-dalàna dia ny femeran-ketra araka ny valiny tena izy.

Ho an'ireo olona manana vola maty sy/na vola miditra mihoatra na mitovy amin'ny Ar 400 000 000 na ireo nisafidy ny fameran-ketra tena izy, ny fomba femerana ny hetra dia araka ny valiny tena izy.

Ho an'ireo orinasa vao niforona, araka ireo asa ataony sy ireo fampiasam-bola natao ka nahafeno ireo fepetra nofaritan'ny didy amam-pitsipika, izay nanao fangatahana dia afaka misafidy ny fameran-ketra tena izy.

Ireo orinasa manana vola maty sy/na vola miditra mihoatra na mitovy amin'ny Ar 200 000 000 ka nohamarinin'ny manam-pahaizana manokana ara-kaonty ny filazana toe-bola nataony, ary nanao fangatahana dia afaka misafidy ny fameran-ketran'ny hetra amin'ny vola miditra.

Ny safidy ho amin'ny fameran-ketra tena izy na ny fameran-ketran'ny hetra amin'ny vola miditra, dia omena aorian'ny fangatahana alefa any amin'ny biraon'ny hetra miandraikitra ny fananganana orinasa na any amin'ny sampan-draharaha mitantana ireo antotan-taratasin-ketrany. Raha tsy feno ny fepetra na inona na inona antony, ny fijanonana na ny fidinana amin'ny fameran-ketra amin'ny taom-piasana manaraka dia miankina amin'ny fandinihan'ny Fandraharahana ara-ketra araka ny antony nambara.

Ny fameran-ketra tena izy vao nankatoavina dia manan-kery ny andro voalohany manaraka ny fampahafantarana ny fanapahana ny fanekena. Ho an'ny fameran-ketran'ny hetra amin'ny vola miditra nankatoavina, ny safidy dia manan-kery amin'ny taom-piasana manaraka.”

b) Ampiana VII izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

“VII- Ireo vola miditra avy amin'ireo raharaha mampidi-bola ataon'ireo rafitra, fikambanana na sampan-draharaha mitovy aminy dia iharan'ny hetra amin'ny vola miditra, na ohatrinona na ohatrinona ny sora-bolan'ny tsirairay avy.”

TOKO VII FIKAJIANA NY HETRA

Andininy 01.01.14.-

a) Foanana ny paragirafy faha 3 ao amin'ny I- amin'ity andininy ity.

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny B amin'ity andininy ity:

“ B- Nofoanana ”

d) Soloina ho **“tsenam-barotra”** ny vondron-teny **“tsenam-baro-panjakana”** amin'ny paragirafy farany amin'ny A ny II- amin'ity andininy ity

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy C amin'ny II- amin'ity andininy ity:

“Ny fitanana dia ataon'izay mizaka ny zo aman'andraikitra monina ka izy no miantoka ny fandrotsahana eny amin'ny Mpitam-bolan'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra mitanatana ny antontan-taratasy, farafahatarany ny faha-15 ny volana manaraka ny nahavitan'ny fandoavam-bola.”

f) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny IV- amin'ity andininy ity :

« IV- Nofoanana ».

g) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika faha 2 ao amin'ny VI amin'ity andininy ity:

“Ny fanefana ny hetra dia atao isaky ny telo volana sivily, farafahatarany ny faha 15 ny volana faharoa manaraka ny faran'ny fe-potoana voakasik'izany, eny amin'ny Mpitam-bolan'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra. Tsy misy asa fanondranana azo atao raha tsy aorian'ny fandoavana ny hetra mifandray amin'ireo fanondranana natao teo aloha izay tokony nefaina.”

TOKO VIII FANDOAVANA NY HETRA AMPAHAM-BOLA AROTSAKA MIALOHA

Andininy 01.01.15.-

a) Soloina ho **“tsenam-barotra”** ny vondron-teny **“tsenam-baro-panjakana”** amin'ny paragirafy faha-3 amin'ity andininy ity.

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha-4 amin'ity andininy ity:

“ Ireo mpandoa hetra manana laharam-pamantarana manao asa fanafarana sy/na fanondranana dia mandoa ampaham-bola arotsaka mialoha amin’ny taha 2 isan-jato, ampiharina amin’ny sadan’ny fadin-tseranana amin’ireo entana nafarana sy/na naondrana, ary atao amin’ireo taom-piasana 10 voalohany izany. Tsy iharan’ny fandoavana izany ireto mpandoa hetra ireto:

- Ireo izay misitraka ny fameran-ketra manokana na nomena tombon-dahiny eto Madagasikara izay manao ny asa fanafarana na fanondranana entana;
- Ireo mpanafatra akora fototra sy entana izay tazomina amin’ny kaonty fananana mifakan’izy ireo ary tsy maintsy mampiseho taratasy fanamarinana voamarin’ny Fandraharahana ara-ketra ;
- Ireo mpanafatra entana tsy manao afatsy tsenam-barotra iharan’ny hetra amin’ny tsenam-baro-panjakana voalaza ao amin’ireo adininy 01.01.44 sy ny manaraka;
- Ireo izay tsy manao afatsy fanondranana vokatry amin’ny fambolena sy ala araka ny voalazan’ny andininy 01.01.05-V amin’ity fehezan-dalàna ity.”

d) Ovana toy izao ny rijan-tenin’ny paragirafy faha-6 amin’ity andininy ity:

« Ny fandoavam-bola mialoha **efa natao ho an’ny taom-piasana iray dia esorina amin’ny hetra tokony haloa ho an’io taom-piasana io ihany.** »

TOKO X ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

Andininy 01.01.20.-

a) Ampidirana paragirafy faha 4 izay mirija toy izao aorian’ny paragirafy faha 3 amin’ny faran’ity andininy ity:

“Amin’ny tranga rehetra, ny fitanana kaonty dia tsy maintsy vonona amin’ny fotoana rehetra ilàna izany eny amin’ny foiben’ny orinasa.”

b) Ovana toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ny paragirafy faha 4 amin’ity andininy ity:

« Ireo boky tsy maintsy tazonina araka ity andininy ity, ary koa ireo taratasy fanamarinana rehetra amin’ireo raharaha nataon’ireo voakasik’izany, **anisan’izany ireo fakitiora sy antontan-taratasy nomena sy notehirizina tamin’ny fampiasana ny e-Facturation**, dia tsy maintsy tehirizina mandritry ny 10 taona manomboka ny 1 Janoary manaraka ny taona namaranana ny boky na mandritry ny taona nanaovana ireo taratasy fanamarinana.

Io fe-potoana fitehirizana io dia nahena ho telo (3) taona ho an’ireo mpandoa Hetra tambatra arak’ireo fepetra voalazan’ny andininy 01.02.07 amin’ity Fehezan-dalàna ity. »

Andininy 01.01.21.-

Soloina ho *“Hetra amin’ny vola miditra amin’ny tsenam-barotra”* ny vondron-teny *“Hetra amin’ny tsenam-baro-panjakana”* amin’ity andininy ity.

ZANA-DOHATENY II

SARA SY HETRA MIVANTANA ALAINA AMIN’NY SOLIKA (IDH)

TOKO II

HETRA MIVANTANA AMIN’NY SOLIKA

Andininy 01.01.39.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ity andininy ity:

“ Ny fikajiana ny hetra mivantana alaina amin’ny solika dia faritan’ny andininy 01.01.14 amin’ity Fehezan-dalàna ity.

Ny hetra mivantana alaina amin’ny solika amin’ny taona diavina dia hakana hetra alaina mialoha arak’ireo fitsipika voafaritry ny andininy 01.01.15 amin’ity Fehezan-dalàna ity.”

Ny fanomezan-tsanda ireo solika amin’ny fikajiana ny hetra mivantana alaina amin’ny solika dia alaina avy amin’ny vidy amin’ny tsena iraisam-pirenena hanala ny saram-pitanterana eny amin’ny toerana hanaterana sy ny toerana hanafana azy.

Ny tombony hakana hetra dia boriboriana amin’ny an’arivony ariary ambany.”

ZANA-DOHATENY III

HETRA AMIN’NY TSENA-MBARO-PANJAKANA

Ovàna ho *“HETRA AMIN’NY VOLA MIDITRA AMIN’NY TSENA-MBAROTRA (IRM)”* ny zana-dohateny III

Andininy 01.01.44.-

Soloina ho *“Hetra amin’ny vola miditra amin’ny tsenam-barotra”* ny vondron-teny *“Hetra amin’ny tsenam-baro-panjakana”* amin’ity andininy ity.

Andininy 01.01.45.-

a) Soloina ho *“tsenam-barotra”* ny vondron-teny *“tsenam-baro-panjakana”* amin’ity andininy ity.

b) Soloina ho *“Hetra amin’ny vola miditra amin’ny tsenam-barotra”* ny vondron-teny *“Hetra amin’ny tsenam-baro-panjakana”* amin’ity andininy ity.

Andininy 01.01.46.-

Soloina ho “*Hetra amin’ny vola miditra amin’ny tsenam-barotra*” ny vondron-teny “*Hetra amin’ny tsenam-baro-panjakana*” amin’ity andininy ity.

Andininy 01.01.48.-

Soloina ho “*Hetra amin’ny vola miditra amin’ny tsenam-barotra*” ny vondron-teny “*Hetra amin’ny tsenam-baro-panjakana*” amin’ity andininy ity.

Andininy 01.01.49.-

Soloina ho “*Hetra amin’ny vola miditra amin’ny tsenam-barotra*” ny vondron-teny “*Hetra amin’ny tsenam-baro-panjakana*” amin’ity andininy ity.

**LOHATENY II
HETRA TAMBATRA
TOKO II
SEHATRA AMPIHARANA
SOKAJY I
OLONA IHARAN’NY HETRA**

Andininy 01.02.02.-

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ny I amin’ity andininy ity :

« I- Ny olontsotra na fikambanana mizaka zo aman’andraikitra, ary ny orinasa tsirairay miasa ho an’ny tenany, dia ampiharana ny Hetra Tambatra raha toa ka ny vola miditra isan-taona, ny vola azo tsy ialan-tatao, na ny tombony azo dia latsaky ny Ar 400 000 000, **afa-tsy hoe misy fepetra manokana voafaritra ao amin’ity Fehezan-dalàna ity na raha toa ka misafidy ny handoa hetra amin’ny vola miditra na fameran-ketra amin’ny vokatra tena izy, indrindra indrindra:**

- [...] »

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ny II amin’ity andininy ity :

“ II- Nofoanana ”

**TOKO III
FOTOTRA AMERANA
SOKAJY I
FOTOTRA HAKANA NY HETRA**

Andininy 01.02.04.-

a) Soloina ho **“Hetra amin’ny vola miditra amin’ny tsenam-barotra”** ny vondron-teny **“Hetra amin’ny tsenam-baro-panjakana”** ao amin’ny paragirafy voalohany amin’ity andininy ity.

b) Foanana ny paragirafy faha 3 amin’ity andininy ity.

d) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ny paragirafy farany amin’ity andininy ity :

*« Na izany aza, ireo mpikambana amin’ny foibem-pitantanana ankatoavina iharan’ny hetra tambatra dia misitraka ny fampidinana 50 isan-jato amin’ny fototra hakana ny hetra izay tsy tokony hihoatra ny Ar 10 000 000 araka ireo fepetra sasan-tsasany voafaritry ny fitsipi-dalàna. **Tsy tafiditra amin’ireo misikitra io tombontsoa voalaza amin’io andinin-dalana io ireo mpikambana vaovao voafaritry ao amin’ny andininy 01.02.05 amin’ity Fehezan-dalàna ity. »***

SOKAJY II FIKAJIANA NY HETRA

Andininy 01.02.05.-

Ampidirana paragirafy faha 2 izay mirija toy izao aorian’ny paragirafy voalohany amin’ity andininy ity :

“ Na izany aza, io taha io dia ferana ho 3 isan-jato ho an’ireo mpikambana vaovao sy ireo mpandoa hetra vaovao nahazo laharam-pamantarana ara-ketra anabaka tamin’ny alàlan’ny mpanjifany manokana, mandritra ny taom-pandraharahana voalohany.”

Andininy 01.02.05 bis.-

a) Foanana ny tsipika faha 2 amin’ity andininy ity.

b) Soloina ho **“tsenam-barotra”** ny vondron-teny **“tsenam-baro-panjakana”** amin’ity andininy ity.

TOKO IV FAMORIAN- KETRA

Andininy 01.02.06.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ny paragirafy faha-4 amin’ity andininy ity:

“ Ireo mpandoa hetra manana laharam-pamantarana manao asa fanafarana sy/na fanondranana dia mandoa ampaham-bola arotsaka mialoha amin’ny taha 2 isan-jato, ampiharina amin’ny sadan’ny fadin-tseranana amin’ireo entana nafarana sy/na naondrana, ary atao amin’ireo taom-piasana fito voalohany izany. Tsy iharan’ny fandoavana izany ireto mpandoa hetra ireto:

- Ireo izay misitraka ny fameran-ketra manokana na nomena tombon-dahiny eto Madagasikara izay manao ny asa fanafarana na fanondranana entana;
- Ireo mpanafatra akora fototra sy entana izay kajiana amin’ireo fananana mifakany ary tsy maintsy misy taratasy fanamarinana voamarin’ny Fandraharahana ara-ketra.

- *Ireo mpanafatra entana tsy manao afatsy tsenam-barotra iharan'ny Hetra amin'ny tsenam-baro-panjakana ;*”

TOKO V ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

Andininy 01.02.07.-

- a) Soloina ho *“manaraka ny fenitra”* ny vondron-teny *“tsy manaraka ny fenitra afatsy”* ao amin'ny paragirafy faha 5 amin'ity andininy ity.
- b) Soloina ho *“tsenam-barotra”* ny vondron-teny *“tsenam-baro-panjakana”* amin'ity andininy ity.

Andininy 01.02.07 bis.-

- a) Foanana ny paragirafy faha 2 sy faha 3 amin'ity andininy ity.
- b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha-4 amin'ity andininy ity:
“Ny hetra atambatra ho an'ireo mpamokatra fototra dia alaina sy tazonin'ireo mpanjifa manana laharam-pamantarana ara-ketra, izay mandray an-tanana ny fandoavana izany araka ny fepetra voalaza etsy ambony.”

LOHATENY III HETRA ALAINA AMIN'NY KARAMA SY NY TOA AZY (IRSA)

TOKO II SEHATRA FAMPIHARANA SOKAJY I VOLA MIDITRA IHARAN'NY HETRA

Andininy 01.03.02.-

- Ampidirana tsipika izay mirija toy izao alohan'ny tsipika farany amin'ity andininy ity :
- “ - Ny fandrotsaham-bola ataon'ny mpampiasa ho an'ireo mpiasany ao amin'ireo sampan-draharaha manokana amin'ny fikajiana ireo fisotron-dronono famenony. Ny fomba fampiharana ireo fepetra ireo dia voafaritry ny didy amam-pitsipika. ”*

TOKO III HANA MITERAKA

- Ovàna ho « *HANA MITERAKA SY FITAKIANA* » ny lohatenin'ity toko ity.

Andininy 01.03.06.-

a) Ampidirana tsipika faha 2 izay mirija toy izao aorian'ny tsipika voalohany amin'ity andininy ity :

“– amin'ny fandrotsaham-bola ataon'ny mpampiasa amin'ireo sampan-draharaha manokana ho an'ireo fisotron-dronono famenony;”

b) Ampidirana paragirafy vaovao izay mirija toy izao any amin'ny faran'ity andininy ity :

“Ny fitakiana ny hetra dia mitranga amin'ny fotoana ahatanterahan'ny hana-miteraka ny hetra.”

**TOKO VI
FAMARITANA NY HETRA**

Andininy 01.03.16.-

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny A – Lalàna ankapobe amin'ity andininy ity :

« A. Lalàna ankapobe

- hatramin'ny Ar 350 000 : 0p.100 ;

- ampahan'ny vola miditra Ar 350 001 hatramin'ny Ar 400 000 : 5 isan-jato ;

- ampahan'ny vola miditra Ar 400 001 hatramin'ny Ar 500 000 :10 isan-jato ;

- ampahan'ny vola miditra Ar 500 001 hatramin'ny Ar 600 000 :15 isan-jato ;

- ampahan'ny vola miditra Ar 600 001 hatramin'ny Ar 4 000 000 : 20 isan-jato ;

- ampahan'ny vola miditra mihoatra ny Ar 4 000 000 : 25 isan-jato. »

**LOHATENY IV
HETRA ALAINA AMIN'NY FITOMBOAN-KARENA AVY AMIN'NY FANANANA MITERA-
BOLA**

**TOKO II
A- VOLA MIDITRA IHARAN'NY HETRA**

Andininy 01.04.02.-

Ampiana 6° izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

“ 6 ° Amin'ireo anjara vola raisin'ireo olontsotra na ireo mizaka zo aman'andraikitra monina na tsia.”

B- FIKAJIANA NY HETRA

Andininy 01.04.04.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teniny amin'ity andininy ity :

“ Amin’ny fikajiana ny hetra, ireo vola miditra iharan’ny hetra dia boriboriana amin’ny an’arivony Ariary ambany. Ny tahan’ny Hetra alaina amin’ny fitomboan-karena avy amin’ny fananana mitera-bola dia ferana ho 20 isan-jato, ankoatra ny voalazan’ireo fepetra amin’ny Fifanarahana ara-ketra mba tsy hisian’ny fameran-ketra roa sosona.

Ampiharana fampidinana 50 isan-jato ho an’ireo anjara vola raisin’ireo mpiombon’antoka monina na tsia.

Na izany aza, ampiharina ny taha nahena 10 isan-jato ho an’ireo zanabola avy amin’ny anjara ao anatin’ny renivola sy ireo tamberimbidy nozaraina isan-taona amin’ireo mpikambana ao amin’ny orinasa kaoperativa araka ny fanapahan’ny fivoriambe.

Ny fandoavana ny Hetra alaina amin’ny fitomboan-karena avy amin’ny fananana mitera-bola dia **mahasolo sy** manafaka, misy fanamarinana, amin’ny hetra amin’ny vola miditra an’ireo mizaka ny zo aman’andraikitra sy olon-tsotra izay nahatonga ny fandoavana io hetra io.”

TOKO III FANAFOANANA SY FAMERAN-KETRA MANOKANA

Andininy 01.04.10.-

Foanana ny tsipika faha 2 amin’ity andininy ity.

FIZARANA II SARA-PANORATANA SY FAMINDRAN-TOMPO

Ovàna ho « **SARA-PANORATANA SY HABA AMIN’NY FIARA ENTI-MILINA** » ny lohatenin’ity Fizarana II ity.

Ampidirana zana-pizarana izay mirija toy izao, aorian’ny lohaten’ny Fizaràna II :

« ZANA-PIZARANA I SARA-PANORATANA SY FAMINDRAN-TOMPO »

TOKO II SANDA SY FIKAJIANA NY HETRA SOKAJY II SARA RAIKITRA

Andininy 02.02.04.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ny 2- amin’ity andininy ity ;

« 2- ny didim-pitsarana navoakan’ny fitsarana ambaratonga voalohany, sy ny sampana eo anivon’ny fitsarana ambaratonga voalohany, ary ny fitsarana eo anivon’ny Firaaisampokontany na ny paositra hafa ankoatra ny amin’ny raharaha momba ny fiitandroam-pilaminana tsotra ary ahitana fepetra raikitra ;

Io sara raikitra io dia azo ampiharina ihany koa raha toa ka ireo didim-pitsarana navoakan'ny fitsarana momba ny fananana mifàka dia mbola eo ampanaovana fampiakaran-draharaha. Ny sara mifanentana kosa dia tsy takiana raha tsy amin'ny fotoana hampisehoana ny taratasy fanamarinana ny tsy fampakarana ny raharaha. Tsy misy famindrana fananana azo atao raha tsy aorian'ny fandoavana io sara mifanentana io."

**SOKAJY IV
FAMINDRAM-PANANANA MISY SETRINY
SORA-PANEKENA SY FAMINDRAM-PANANANA VOAN'NY HABA
Fifanarahana fampanofana**

Andininy 02.02.12.-

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 3 amin'ny II- amin'ity andininy ity :

« Mikasika ireo fifanaraham-panofana maharitra, ny haba dia faritana amin'ny sanda ara-panjakana ary aloa indray mandeha monja."

b) Ampiana paragirafy vaovao izay mirija toy izao any amin'ny faran'ity andininy ity :

« Na inona na inona fepetra voalaza teo aloha, ny haba dia faritana amin'ny sandan' fanofana, ny haba dia faritana amin'ny ankevin-kofa ampiharina amin'ny fikajiana ny hetran-tany raha toa ka ny fifanaraham-panofana dia mamaritra hofa aotra na sarintsariny na amin'ny tranga fanomezan-toerana ataon'ny mpampanofa tsy mpiara-miombon'antoka. »

**TOKO VIII
FANAFAHANA ARA-KETRA SY FAMERAN-KETRA MANOKANA
SOKAJY I
FANDRAHARAHANA ANKAPOBE**

Rafitra mizaka zo aman'andraikitra amin'ny zo ara-panjakana

Andininy 02.08.02.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

"Soratana maimaim-poana ireo sora-panekena sy famindran-tompo ho an'ny Fanjakana, ireo Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana sy ireo antokon-draharaham-panjakana tsy manana endrika ara-barotra ary koa ireo sora-panekena rehetra ampanarahina ny fomba fanoratana ka tokony nandoavan'ny fanjakana vola."

Amin'ny faran'ny Toko VIII n'ity Zana-pizarana voalohany ity, foronina ny Zana-pizaràna II izay mirija toy izao :

**“ZANA-PIZARANA II
HABA AMIN'NY FIARA ENTI-MILINA**

**TOKO I
FOTO-KEVITRA**

Andininy 02.09.01.- Foronina ny haba isan-taona ho an'ireo fiara enti-milina izay manana laharam-pamantarana na ireo mampiasa solika, herinaratra na izy roa miaraka ary koa ireo sambo mandeha amin'ny milina miraikitra na azo esorina.

Ity haba nomena anarana “haba amin'ny fiara enti-milina” ity dia ampidirina amin'ny Tetibola ankapobe.

**TOKO II
SEHATRA AMPIHARANA
SOKAJY I
FIARA VOAN'NY HABA**

Andininy 02.09.02.- Ny haba amin'ny fiara enti-milina dia ampiharina amin'ireo fiara manana laharam-pamantarana, na inona ilàna na ampiasana azy (fitateran'olona, entana, enti-miasa ...etsetra.)

Izany dia mahakasika ireo fiara enti-milina mandeha an-tanety (fiara manokana, enti-miasa motos, scooters, etsetra), ireo fiaran-dalamby, ireo sambo mandeha amin'ny milina miraikitra na azo esorina, ary koa ireo fiaramanidina.

**SOKAJY II
FIARA TSY VOAN'NY HABA**

Andininy 02.09.03.- Tsy voan'ity haba ity :

- 1. Ireo fiara tsy voan'ny haba araka ny fifanarahana iraisam-pirenena;*
- 2. Ireo fiara sokajiana ho “ mpitondra marary “ sy “ mpamonjy voina”;*
- 3. Ireo fiaram-panjakana.*

**TOKO II
HANA MITERAKA SY FITAKIANA**

Andininy 02.09.04.- Ny hana miteraka ny haba dia manomboka eo amin'ny fandehanana'ny fiara enti-milina eto Madakasikara sy amin'ny fampiasana azy.

Andininy 02.09.05.- Ny haba dia takiana dia azo takiana amin'ny fisian'ny hana miteraka.

TOKO III SANDAN'NY HABA

Andininy 02.09.06.- Ny sandan'ny haba ho an'ireo fiara mandeha an-tanety dia faritana araka :

- . araka ny tanjaka ara-ketra (CV) ;
- . araka ny hery mitondra (gazoaly, lasantsy, herinaratra na izy roa miaraka) ;
- . ny taona voalohany nandehany.

Ny taonan'ny fiara dia faritana manomboka amin'ny daty nandehany voalohany ary atao andro voalohan'ny vanim-potoana fitakian-ketra.

(Sora-bola Ariary)

<u>Puissance Cylindrée</u>	<u>Source d'énergie</u>	<u>Véhicules dont l'âge n'excède pas cinq ans</u>	<u>Véhicules âgés de plus de 5 ans à dix ans inclus</u>	<u>Véhicules âgés de plus de dix ans à vingt ans inclus</u>	<u>Véhicules âgés de plus de vingt ans</u>
De 1 à 4 CV 0 à 250 Cm3	Essence	15 000	40 000	90 000	115 000
	Diesel	20 000	45 000	95 000	120 000
	Electrique	5 000	30 000	80 000	105 000
	Hybride	10 000	35 000	85 000	110 000
De 5 à 9 CV 251 à 500 Cm3	Essence	30 000	55 000	105 000	130 000
	Diesel	40 000	65 000	115 000	140 000
	Electrique	10 000	35 000	85 000	110 000
	Hybride	20 000	45 000	95 000	120 000
De 10 à 12 CV 501 à 1000Cm3	Essence	60 000	85 000	135 000	160 000
	Diesel	80 000	105 000	155 000	180 000
	Electrique	20 000	45 000	95 000	120 000
	Hybride	40 000	65 000	115 000	140 000
De 13 à 15 CV Supérieure à 1000 Cm3	Essence	90 000	115 000	165 000	190 000
	Diesel	120 000	145 000	195 000	220 000
	Electrique	30 000	55 000	105 000	130 000
	Hybride	60 000	85 000	135 000	160 000
Supérieure à 15 CV	Essence	180 000	205 000	255 000	280 000
	Diesel	240 000	265 000	315 000	340 000
	Electrique	60 000	85 000	135 000	160 000
	Hybride	120 000	145 000	195 000	220 000

Ny sandan'ny haba dia faritana ho 200 000 Ariary isan-taona sy araka ny fitaovana ho an'ireo sambo mitondra mpitsangatsangana manana ny iray amin'ireto toetoetra manaraka ireto :

- sambo mirefy 7 metatra sy mihoatra ;
- sambo manana halavana latsaky ny 7 metatra misy motera manana tanjaka mitovy na mihoatra ny 22 Ch ara-panjakana ;
- fiara misy motera mandeha ambony rano : moto nautique, jet-ski, scooter des mers, etsetra..., izay manana tanjaka mitovy na mihoatra ny 90 Kw.

Ho an'ireo fitaovana hafa mandeha ambony rano, ny haba dia ferana ho 1 000 000 Ariary isan-taona sy isaky ny fitaovana.

Ho an'ireo fiaramanidina, ny haba dia ferana ho 2 000 000 Ariary isan-taona sy isaky ny fitaovana.

**TOKO IV
ANDRAIKITR'IREO OLON - KAFA**

Andininy 02.09.07.- Ny fanaovana fanambarana tsy marina rehetra, fahatarana na tsy fandoavana ny haba amin'ny haba amin'ny fiara enti-milina dia iharan'ny lamandy voalazan'ny andininy 20.01.54 amin'ity Fehezan-dalàna ity.

Ankoatra ny fandoavana ny haba, sy amin'ny famerenana fahadisoana, ny fandraharahana dia afaka miroso amin'ny fanagiazana ny fiara ka ny fombafomba fampiharana dia faritan'ny didy amam-pitsipika.”

**FIZARANA III
HETRA TSY MIVANTANA
LOHATENY I
HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA (DA)
TOVANA
FAFANA MOMBA NY HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA**

Ovàna toy izao manaraka izao ny andalana mifanaraka amin'ny zana-tsokajy ara-tarifa n° 2203.00 :
Bières de malt ao anatin'ny tovana « FAFANA MOMBA NY HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA »

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS	TAUX ET TARIF	
		LOCAL	IMPORTE
22 03 00	Bières de malt		
2203.00 10	--D'un titre alcoolique de 4° ou moins	12,5% Sans être inférieur à Ar 700/L	50%
2203.00 90	--Autres	12,5% Sans être inférieur à Ar 700/L	50%

**FIZARANA VI
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY
LOHATENY VOALOHANY
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY
TOKO II
SEHATRA AMPIHARANA
SOKAJY III
VOKATRA SY RAHARAHANA TSY IHARAN'NY HABA**

Andininy 06.01.06.-

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny b- sy c- ny 4° amin'ity andininy ity:

“ b- Ireo zana-bola noraïsina avy amin'ny fampisamboram-bola ho an'ny olon-tsotra.

c- Ireo zana-bola noraïsina avy amin'ny fametrahana sy findramam-bola ho an'ireo mpikambana na mpanjifan'ireo mpandraharaha ara-bola madinika ; ”

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 9° sy 20° amin'ity andininy ity:

“ 9° Nofoanana”

“ 20° Nofoanana”

d) Soloina ho ***“Hetra amin'ny vola miditra amin'ny tsenam-barotra”*** ny vondron-teny ***“Hetra amin'ny tsenam-baro-panjakana”*** ao amin'ny 28 ° amin'ity andininy ity.

**TOKO IX
FEPETRA AMIN'NY FANESORAN-KETRA**

Andininy 06.01.18.-

Soloina ho ***“Hetra amin'ny vola miditra amin'ny tsenam-barotra”*** ny vondron-teny ***“Hetra amin'ny tsenam-baro-panjakana”*** ao amin'ny tsipika farany amin'ity andininy ity.

Andininy 06.01.23.-

Ampidirina paragirafy izay mirija toy izao amin'ny farany amin'ity andininy ity :

“ Ho an'ireo orinasa manao raharaha mitambatra, iharan'ny haba sy tsy iharan'ny haba, ny trosa-kaba mbola tsy voaloha amin'ny faran'ny taom-piasana dia ekena ampidirina ho fandaniana.

Torak'izany ihany koa ireo mpandao hetra nesorina ny maha-mpandao haba azy, ny trosa-kaba amin'ny tataom-bidy tsy nahafeno ny fepetra amin'ny famerenan-kaba voafaritry ny andininy 06.01.24 sy mbola tsy voaloha dia tsy maintsy ampidirina ho fandaniana amin'ny faran'ny taom-piasana.”

Ankoatra ireo tranga voafaritry ny andininy 06.01.24, ny trosan-kaba na amin'ny tranga inona na amin'ny tranga inona dia tsy azo hanaovan'ny Tahirim-bolam-panjakana famerenam-bola .”

**TOKO X
FAMERENANA TROSAN- KABA**

Andininy 06.01.24.-

Soloina ho ***“20.01.54.2-C”*** ny vondron-teny ***“20.01.54.2 B”*** amin'ny paragirafy faha 7 amin'ity andininy ity.

TOKO XI ANDRAIKITR'IREO MPANDOA HETRA

Andininy 06.01.26.-

Soloina ho *“Hetra amin’ny vola miditra amin’ny tsenam-barotra”* ny vondron-teny *“Hetra amin’ny tsenam-baro-panjakana”* ao amin’ny paragirafy farany amin’ity andininy ity.”

TOKO XIV FEPETRA SAMIHAFa

Andininy 06.01.33.-

Soloina ho *“Hetra amin’ny vola miditra amin’ny tsenam-barotra”* ny vondron-teny *“Hetra amin’ny tsenam-baro-panjakana”* amin’ity andininy ity.”

Andininy 06.01.35.-

Ampidirina paragirafy izay mirija toy izao amin’ny farany amin’ity andininy ity :

“Ny fahafahan’ny Fanjakana mandray an-tanana na ny mpisitraka dia afaka mahatratra ireo sara naloa teto an-toerana amin’ny fanafarana ireo entana novatsian’ny tahiry avy any ivelany.”

TOVANA LISITR'IREO VOKATRA TSY IHARAN'NY TVA

Andininy 06.01.06 - 8°

Ovâna toy izao manaraka izao ny andalana mifanaraka amin’ny sokajy ara-tarifa 29.37 :

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
29.37	Hormones, prostaglandines, thromboxanes et leucotriènes, naturels ou reproduits par synthèse; leurs dérivés et analogues structurels, y compris les polypeptides à chaîne modifiée, utilisés principalement comme hormones - Hormones polypéptidiques, hormones protéiques et hormones glycoprotéiques, leurs dérivés et analogues structurels :
2937.12 00	-- Insuline et ses sels
2937.19 00	-- Autres
	- Hormones stéroïdes, leurs dérivés et analogues structurels :
2937.21 00	-- Cortisone, hydrocortisone, prednisone (déhydrocortisone) et prednisolone (déhydrohydrocortisone)
2937.22 00	-- Dérivés halogénés des hormones corticostéroïdes
2937.23 00	-- OEstrogènes et progestérones
2937.29 00	-- Autres

2937.50 00	- Prostaglandines, thromboxanes et leucotriènes, leurs dérivés et analogues structuraux
2937.90 00	- Autres

Andininy 06.01.06 - 9°

Foanana ny tovàna mifanaraka amin'ity andininy ity

Andininy 06.01.06 - 11°

Ovàna toy izao manaraka izao ny tovàna mifanaraka amin'ity andininy ity :

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
49.01	Livres, brochures et imprimés similaires, même sur feuillets isolés.
4901.10 00	- En feuillets isolés, même pliés.
	- Autres :
4901.9100	- - Dictionnaires et encyclopédies, même en fascicules
4901.99	- -Autres :
4901.99 10	- - -Reliés en cuir naturel ou en succédanés de cuir
4901.99 90	- - -Autres
49.02	Journaux et publications périodiques imprimés, même illustrés ou contenant de la publicité.
4902.10 00	- Paraissant au moins quatre fois par semaine
4902.90 00	- Autres

Andininy 06.01.06 - 13°

1) Ao amin'ny tovàna mifanaraka amin'ity andininy ity, foanana ireto andalana manaraka ireto :

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
2308.00 00	Matières végétales et déchets végétaux, résidus et sous-produits végétaux, même agglomérés sous forme de pellets, des types utilisés pour l'alimentation des animaux, non dénommés ni compris ailleurs
23.09	Préparations des types utilisés pour l'alimentation des animaux
2309.90 00	- Autres
38.08	Insecticides, antirongeurs, fongicides, herbicides, inhibiteurs de germination et régulateurs de croissance pour plantes, désinfectants et produits similaires, présentés dans des formes ou emballages de vente au détail ou à l'état de préparations ou sous forme d'articles tels que rubans, mèches et bougies soufrés et papier tue mouches
3808.52 00	- - DDT (ISO) (clofénotane (DCI)), conditionné dans des emballages d'un contenu en poids net n'excédant pas 300 g
3808.59 00	- - Autres
3808.61 00	- - Conditionnées dans des emballages d'un contenu en poids net n'excédant pas 300 g
3808.62 00	- - Conditionnées dans des emballages d'un contenu en poids net excédant 300 g mais n'excédant pas 7,5 kg
3808.69 00	- - Autres
3808.91	- - Insecticides
3808.92	- - Fongicides
3808.93	- - Herbicides, inhibiteurs de germination et régulateurs de croissance pour plantes.

2) Ao amin'ny tovàna mifanaraka amin'ity andininy ity, atsofoka izao andalana manaraka izao :

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
3808.91 20	- - - Des types utilisés pour l'agriculture

Andininy 06.01.06 - 14°

Ao amin'ny tovàna mifanaraka amin'ity andininy ity, foanana ireto andalana manaraka ireto :

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
84.19	Appareils et dispositifs ou équipements de laboratoire, même chauffés électriquement (à l'exclusion des fours et autres appareils du n°85.14), pour le traitement de matières par des opérations impliquant un changement de température telles que le chauffage, la cuisson, la torréfaction, la distillation, la rectification, la stérilisation, la pasteurisation, l'étuvage, le séchage, l'évaporation, la vaporisation, la condensation ou le refroidissement autres que les appareils domestiques; chauffe-eau non électriques, à chauffage instantané ou à accumulation. - Chauffe-eau, non électrique, à chauffage instantané ou à accumulation.
8419.12 00	-- Chauffe-eau solaires
8437.80 90	--- Autres
8438.50 00	- Machines et appareils pour le travail des viandes
8438.60 00	- Machines et appareils pour la préparation des fruits ou des légumes
84.81	Articles de robinetterie et organes similaires pour tuyauteries, chaudières, réservoirs, cuves ou contenants similaires, y compris les détendeurs et les vannes thermostatiques.
8481.20 00	- Valves pour transmissions oléohydrauliques ou pneumatiques
8481.30 00	- Clapets et soupapes de retenue
8481.40 00	- Soupape de trop- plein ou de sûreté
8481.90 00	- Parties
85.16	Chauffe-eau et thermoplongeurs électriques ; appareils électriques pour le chauffage des locaux, du sol ou pour usages similaires ; appareils électrothermiques pour la coiffure (sèche-cheveux, appareils à friser, chauffe-fers à friser, par exemple) ou pour sécher les mains ; fers à repasser électriques; autres appareils électrothermiques pour usages domestiques ; résistances chauffantes autres que celles du n°85.45.
8516.10	- Chauffe-eau et thermoplongeurs électriques
8516.10 10	--- Solaires

Andininy 06.01.06 - 17°

Ao amin'ny tovàna mifanaraka amin'ity andininy ity, foanana ireto andalana manaraka ireto :

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
3808.91	- - Insecticides
3808.91 10	- - - Présentés sous forme de spirales (mosquitos)
6304.20 00	- Moustiquaires pour lits mentionnées dans la Note 1 de sous-positions du présent Chapitre

Andininy 06.01.06 - 20°

Foanana ny tovàna mifanaraka amin'ity andininy ity

Andininy 06.01.06 - 21°

Ao amin'ny tovàna mifanaraka amin'ity andininy ity:

a) foanana ireto andalana manaraka ireto:

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
10.01	Froment (blé) et méteil
	- Froment (blé) dur
1001.19 00	- - Autres
1006.30 10	- - - Riz de luxe des qualités RL 1 et RL 2

b) Ampidirina ireto andalana manaraka ireto:

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
21.06	Préparations alimentaires non dénommées ni comprises ailleurs.
2106.90	- Autres :
2106.90 50	--- Compléments diététiques pour enfants

Andininy 06.01.06 : 23°

Ao amin'ny tovàna mifanaraka amin'ity andininy ity, foanana ity andalana manaraka ity :

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
3808.94	- - Désinfectants

BOKY II HETRAM-BONDROM-PARITRA LOHATENY I HETRA ALAINA AMIN'NY TANY (IFT) TOKO II SEHATRA AMPIHARANA

Andininy 10.01.05-

Ovàna ho *“biraon'ny Ivon-ketra”* ny vondron-teny *“biraon'ny Kaominina”* ao amin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity.

TOKO V ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

Andininy 10.01.09-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

“Tsy maintsy manao fanisana ireo trano mitsangana ao amin'ny faritra iadidiany ny Kaominina.

*Amin'ny toe-javatra rehetra, raha ilaina, ireo mpiasan'ny **Fandraharahana ara-ketra na ireo olona hafa nomeny fahefana dia afaka** manao fanisana na fanamarinana eny an-toerana ny fananana iharan'ny hetra **isaky ny dimy taona.***

LOHATENY II HETRA AMIN'NY TRANO MIORINA (IFPB)

TOKO V FAMERAN-KETRA

Andininy 10.02.08.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

“Tsy maintsy atsangana eo anivon'ny Kaominina tsirairay ny vaomiera monisipaly na kaominaly mba hisahana ny fanombanana izay fototra hamerana ny hetra amin'ny trano miorina. Izy no mandrafitra ny tolo-kevitra momba ny sandan'ny fanofana izay hakana fankatoavana amin'ny latsa-bato ataon'ny mpanolotsaina monisipaly na kaominaly.

Ny Vaomiera dia ahitana ireto manaraka ireto:

Filoha :

Ny Ben'ny tanàna na ny lefiny

Mpikambana :

Ny Lehiben'ny Distrika na ny lefiny

Ny solon-tenan'ny mponina ka olona roa isaky ny mponina 50.000 tendren'ny Ben'ny tanàna ny antsasany ary ny lehiben'ny Distrika ny antsasany.

Teknisiana roa avy amin'ny sampan-draharaham-panjakana mpikarakara ny lalana na ny asa vaventy.

*Ny solon-tenan'ny Fandraharahana ara-ketra, dia mitondra ny fahaiza-manaony ara-teknika amin'ny resaka hetra ary misahana ny andraikitry ny mpitan-tsoratra **ny Voamiera amin'ny famaritana ny vina amin'ny fanombanana ireo fototra mandrafitra ireo ankevi-kofa.***

Ny fanapahan-kevitra ny vaomiera dia manan-kery raha noraisina teo anatrehan'ny 50 isan-janton'ny mpikambana ao amin'ny vaomiera farafahakeliny. Tsy maintsy ampandrenesina amin'ny fotoana mampety izany ny tompon-trano raha heverin'ny vaomiera fa ilaina ny fitsirihina eny an-toerana.

Azon'ny vaomiera atao koa ny mangataka ny hevitra ny teknisianina ao amin'ny sampan-draharaham-panjakana mpikarakara ny lalana, ny asa vaventy, sy/na ny sampan-draharaham-panjakana hafa mahefa mba hamaritana ny sandan'ny ankevi-kofa.

Mivory ny vaomiera rehefa antsoin'ny Filohany any amin'ny toerana voatondron'ity farany.

*Ity fivoriana ity dia tokony atao ao anatin'ny 30 andro aorian'ny nandraisana ny vina amin'ny fanombanana **nomanin'ny mpitan-tsoratra ny vaomiera.***

Raha tsy eken'ny vaomiera ilay vina, ny mpitan-tsoratra dia manana fe-potoana 30 andro aorian'ny fivoriana mba hitondrany ny vina vaovao manaraka ny fanamarihana avy aminy vaomiera na mitondra singa vaovao mba hitazonana ny vina tany amboalohany.

Ny vaomiera dia manana fe-potoana 15 andro manomboka amin'ny nandraisana ny vina vaovao mba hanekena ny tombana raikitra alohan'ny fifidianana ataon'ireo Mpanolo-tsaina monisipaly na kaominaly.”

TOKO VI FIKAJIANA NY HETRA

Andininy 10.02.10.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ity andininy ity :

“Ny hetra dia kajiana araka ny fampiharana ny taha raikitra 5 isan-jaton'ny ankevin-kofa araka ny voafarit'ireo fepetra ao amin'ny andininy 10.02.06.

Na izany aza, ny hetra aloa dia tsy tokony ho latsaky ny Ar 5 000 isan-trano. Ho fandinganana ireo fepetry ny andininy 10.02.06 amin'ity Fehezan-dalàna ity, dia ferana isan'amparitra ny hetra amin'ny trano miorina, ireo naorina nahazoana alalana avy amin'ny Kaominina, ahitana masontsivana manokana voafaritry ny mpitantsoratra sy na ireo teknisiana mpikambana ao amin'ny aorian'ny fanambarana ny hevitr'ireo vaomiera Monisipaly na Kaominaly.

Ny vola isan'amparitra dia faritan'ny fanapahan-kevitry ny Filan-kevitra Monisipaly na Kaominaly.”

TOKO VII ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

Andininy 10.02.13.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

“Amin'ny toe-javatra rehetra, raha ilaina, ireo mpiasan'ny Fandraharahana ara-ketra na rafitra hafa nomeny alàlana dia afaka miroso amin'ny fanisana na fanamarinana eny an-toerana, ireo fananana iharan'ny hetra isaky ny dimy (5) taona »

BOKY III FEPETRA IRAISAN'NY HETRA, SARA SY HABA VOARAKITRA AO AMIN'NY BOKY I SY II AMIN'ITY FEHEZAN-DALANA ITY

LOHATENY I FAMORIANA HETRA

TOKO III SAZY SY LAMANDY

SOKAJY I FEPETRA ANKAPOBE

Andininy 20.01.51.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

“Ireo sazy sy lamandy voafaritry tony ity no manafay amin'ireo fandikan-dalàna voafaritry fehezan-dalàna ity.

Ireo sazy sy lamandy voafaritry fehezan-dalàna ity dia mihatra avy hatrany araka ireo fomba arahina manankery amin'ny fotoana anaovan'ny fandraharahana ara-ketra ny fizahana ifotony, amin'ny fotoana rehetra nahitana ny tsy fanarahana-dalàna.

Ireo fandikan-dalàna rehetra voalazan'ireo fepetra amin'ity tony ity dia ampiharana ireo sazim-pahatarana voafaritry ny andininy 20.01.53.

Na izany aza, dia azo atao ny manome ny fanalefahan-tsazy sy lamandy ampahany na manontolo amin'ny alalan'ny fangatahana alefa eny amin'ny biraon'ny hetra miandraikitra ny fitantanana ny antontan-taratsin' ny mpandao hetra. Ny fanapahana izany dia ataon' ny Tale Jeneralin'ny hetra izay afaka mamindra manontolo na amin'ny ampahany izany fahefany izany.”

SOKAJY II**TSY FAMETRAHANA FILAZANA, FANDIKAN-DALANA AMIN'NY FITANANA SY FAMPISEHOANA NY LISITRA SY REJISITRA**

Foronina ny andininy vaovao izay mirija toy izao amin'ny faran'ity Sokajy II ity:

“Andininy 20.01.52.3.- Amin'ny tranga fahataran'ny fametrahana ny filazana momba ny hetra amin'ny vola miditra na ny haba amin'ny tataom-bidy ka nahataonga ny trosan-ketra, ireo lamandy dia kajiana amin'ny totalin'ny trosan-ketra nanaovana fanambarana.”

SOKAJY III**SAZIM-PAHATARANA AMIN'NY FANDOAVANA, NY FANDROTSAHANA SY NY FANORATANA****Andininy 20.01.53.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity:

“Ny totalin'ny sazim-pahatarana aloa isaky ny sokajin-ketra sy isam-banim-potoana dia tsy tokony ho latsaky ny Ar 10 000. Ny volana itsahina dia tsy maintsy efaina manontolo.”

SOKAJY IV**LAMANDY AMIN'NY FILAZANA TSY AMPY, TSY FAHAMARINANA, FANADINONA NA FAMPIHENANA****Andininy 20.01.54.-**

a) Soloaina ho ***“hetra amin'ny vola miditra amin'ny tsenam-barotra”*** ny vondron-teny ***“hetra amin'ny tsenam-baro-panjakana”*** ao amin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity.

b) Ampiana paragirafy farany izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

“ Ny lamandy aloa dia tsy tokony ho latsaky ny Ar 100 000.”

Andininy 20.01.54.1-

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 3 amin'ity andininy ity :

“ Ireo olon-tsotra na rafitra mizaka zo aman'andraikitra, fanjakàna na tsy miankina, manao ny asa na tsia amin'ny maha mpisolo-tena nahazo alalàna na mpisitraka, mandoa na tsia Hetra alaina amin'ny vola miditra ka tsy nitàna, sy nandrotsaka ny Hetra amin'ny vola miditra mitsitapitapy, araka ireo fepetry ny andininy 01.01.14.II.A paragirafy faha 2 amin'ity Fehezan-dalàna ity, dia mandoa, ankoatra io fandrotsahana hetra io, lamandy 10 isan-jato amin'ireo hetra notakiana taminy ary tsy tokony ho latsaky ny Ar 20 000.”

b) Foanana ny vondron-teny ***“ny hetra tambatra mitsitapitapy”*** ao amin'ny paragirafy faha 6 amin'ity andininy ity.

d) Soloina ho ***“hetra amin'ny vola miditra amin'ny tsenam-barotra”*** ny vondron-teny ***“hetra amin'ny tsenam-baro-panjakana”*** amin'ity andininy ity.

e) Soloina ho ***“ny mpiasa rehetra miandraikitra ny fandoavana ny tsenam-barotra”*** ny vondron-teny ***“ny mpiasa rehetra miandraikitra ny fandoavana ny tsenam-baro-panjakana”*** amin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity.”

Andininy 20.01.54.2-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ho an'ireo olona iharan'ny haba amin'ny tataom-bidy sy amin'ny andraikitra momba ny fakitiora, na inona na inona endriny :

A- Dia iharan'ny lamandy 10 isan-jato amin'ny haba :

Ny fandikan-dalàna rehetra momba ny fakitiora izay tsy nanaovana fanafenana na fampihenana ny fototra ara-ketra, ary amin'izany ny raharaha dia nanaovana fitanan-kaonty ara-dalàna, ahitana ireto :

- ***Ny varotra tsy misy fakitiora ara-dalàna,***
- ***Ny fakitiora tsy manaraka ireo fepetra amin'ireo endriny sy ny vontoa-tiny araka ny andininy IV-21 amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra, ao anatin'izany***

ny tsy fanarahana amin'ireo pitsopitsony ara-tekinika amin'ny rafitra e-Facturation napetraka sy nankatoavin'ny Fandraharahana ara-ketra.

- *Ny tsy fanarahana na ny tsy fitoviana eo amin'ny ara-taratasy raha notakiana sy ny ara-elektronika an'ilay fakitiora nateraka na voarakitra amin'ny rafitra e-Facturation.*

Takiana ambonin'izany raha misy ny fandoavana ny haba mifanaraka aminy.

B- Dia iharan'ny lamandy 40 isan-jato amin'ny haba ny fivarotana rehetra misy TVA, misy fakitiora sy notanana an-kaonty ary nanaovana fanambarana kanefa ny TVA dia tsy voasoratra miharihary sy misaraka tsara eo amin'ny faktioram-barotra.

C- Dia iharan'ny lamandy 80 isan-jato :

- *n'ny haba nanaovana hosoka, adino na mampiahiahy ka ny fanesorana na ny famerenan-ketra dia natao na azo tamin'ny fomba tsy ara-dalàna, ny fanesorana tsy ara-dalàna rehetra na ny zavatra atao mba ahazoana famerenan-ketra tsy araka ny tokony ho izy.*
- *n'ireo trosan-kaba nanaovana fanambarana nefa tsy voamarina, ny tsy fahamarinana rehetra amin'ny totalin'ireo trosan-ketra nafindra ary ambonin'izany, fanafoanana avy hatrany ireo trosan-ketra rehetra tsy voamarina na tsy mitombina nanaovana fanambarana.*
- *n'ny haba nanaovana fanesorana tsy ara-dalàna, ho an'ny fanalàna haba amin'ny tataom-bidy izay tsy hita miavaka ao amin'ny fakitiora nividianana ary ambonin'izany, fandrotsahana ny haba nesorina tsy ara-dalàna.*
- *n'ny haba nanaovana fanesorana tsy ara-dalàna, ny fampiasana na fanehoana amin'ny fanaraha-maso, nataon'ny mpividy, ny fakitiora nanaovana fandikàna ny andraikitra amin'ny fampiasana ny rafitra e-Facturation napetraka na neken'ny Fandraharahana mba hanamarinana ny zo amin'ny fanesorana TVA na fanalàna vesatra ; takiana ambonin'izany ny fandrotsahana ny haba nesorina tsy ara-dalàna.*
- *n'ny haba nanaovana hosoka, adino na mampiahiahy, ny fanomezana fakitiora iharan'ny haba amin'ny vokatry na raharaha tsy voan'ny haba, fandoavana ny haba voasoratra amin'ny faktiora fanampiny ankoatra izany.*
- *n'ny haba nanaovana hosoka, adino na mampiahiahy, ho an'ireo mpandoa hetra nanadino nametraka ny haba tamin'ny iray na vokatry maromaro tokony iharan'ny haba, aloa ambonin'izany ny haba mifanaraka aminy.*
- *n'ny haba amin'ny taha 20 isan-jato kajiana ara-keviny amin'ny fototr'ireo fanitsiana nataon'ny sampan-draharaha, ireo fanambarana diso rehetra amin'ireo raharaha iharan'ny haba amin'ny taha aotra sy ireo raharaha tsy voan'ny haba.*
- *n'ny haba amin'ny taha 20 isan-jato kajiana ara-keviny amin'ny fototr'ireo fanitsiana nataon'ny sampan-draharaha, ny fanararaotana amin'ny fanalàna rehetra na ny hetsika*

rehetra natao ahazoana tsy araka ny tokony ho izy ny famerenan-kaba mikasika ireo raharaha iharan'ny haba amin'ny taha aotra sy ireo raharaha tsy iharan'ny haba ;

D- Ankoatra ireo sazy ara- pitsaràna, dia iharan'ny lamandy 150 isan-jaton'ny haba amin'ny tatao-bidy adino ny tsy fanarahan-dalàna rehetra mikendry fanafenana na fampihenana ny fototra amerana, ankoatra ny fandoavana ny haba tokony aloa mifanaraka aminy, indrindra amin'ireto tranga manaraka ireto :

- *Amin'ny fanomezana fakitiora rehetra tsy mifanaraka amin'ireo raharaha tena izy, fakitiora diso na fakitiora noforonina.*
- *Ny fanomezana fakitiora anabaka na fomba hafa nahazoana alàlana, misy fampidinan-tsanda na habetsahana ao amin'ny fakitiora.*
- *Ny varotra rehetra izay tsy nanaovana fitana-kaonty ara-dalàna(varotra tsy nanaovana fanambaràna) ary amin'izany : (i) Tsy nisy fakitiora nomena anabaka na amin'ny fomba hafa nahazoana alàlana, anisan'izany ny fandavana hanome fakitiora anabaka aorian'ny fandoavam-bola nataon'ny mpanjifa; (ii) Ny fakitiora nomena (anabaka na fomba hafa nahazoana alàlana) fa tsy noraiketina an-tsoratra na ; (iii) Ny fakitiora nomena anabaka nefa nofoanana tamin'ny alalan'ny hosoka tao amin'ny rafitra e-Facturation, tsy nisy fanamarinana ara-dalàna. »*

Andininy 20.01.54.2 bis.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Nofoanana ».

SOKAJY VI FANDIKAN-DALANA Hafa

Andininy 20.01.56.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin-ny paragirafy faha-4 amin'ity andininy ity:

«Ankoatra ireo sazy voalazan'ny Andininy 20.01.54.2, ny tsy fahamarinana rehetra hita ao amin'ny tovàn'ny TVA voalazan'ny andininy 06.01.26, paragirafy 5, aorian'ny fikirakirana ireo antontan'isa nataon'ny Fandraharahana ara-ketra dia iharan'ny lamandy 0,5 isan-jaton'ny sora-bola miaraka amin'ny haba rehetra tamin'ireo raharaha adino amin'ny tovana na 0,5 isan-jaton'ny sora-bola tena izy miaraka amin'ireo haba rehetra tamin'ireo raharaha nisy fahadisoana tamin'ny sora-bola na 0,5 isan-jaton'ny fifanakalozana miaraka amin'ny haba rehetra amin'ireo fahadisoana tamin'ireo angom-baovao hafa tamin'io fifanakalozana io. Ireo fepetra ireo dia ampiharina manokana raha toa ny tsy fahamarinana dia tsy niniana natao amin'ny hosoka ara-ketra, ho fanafenana ireo vola miditra na natao mba ahazoana tombotsoa ara-ketra tsy ara-drariny. Ny fomba fampiharana ireo fepetra ireo dia voafaritry ny didy amam-pitsipika. »

Andininy 20.01.56.18.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ireo olon-tsotra na mizaka zo aman'andraikitra tsy iharan'ny Haba amin'ny Tataom-Bidy (TVA) izay nanao fandikan-dalàna mikasika ny fakitiora na fanafenana vola miditra dia mandoa lamandy ara-panjakana manaraka ireto :

A. Ireo fandikan-dalàna tsy mifanaraka amin'ireo fepetry vontoa-tiny sy ny endriky ny fakitiora izay tsy manana endrika fanafenana na fampihenana ny vola miditra dia iharan'ny lamandy 10 isan-jaton'ny sara nanaovana hosoka,

B. Ankoatra ireo sazy ara-pitsarana noho ny hosoka sy fampiasana hosoka, ireo fandikan-dalàna voalaza manokana manaraka ireto, izay natao hanafenanana manontolo na ampahany amin'ireo vola miditra na ampihenana ny fototra amerana dia iharan'ny lamandy 80 isan-jaton'ny sara nanaovana hosoka :

1. Fandikan-dalàna nataon'ny mpivarotra:

(i) Ny fandefasana na fanomezana fakitiora tsy mifanaraka amin'ireo raharaha tena izy, fakitiora diso, fakitiora foronina , na antontan-taratasy hafa rehetra miendrika fakitiora tsy ara-dalàna na misy hosoka, anatin'izany ny fampiasana anarana indrana na fanaovana hosoka mba hanafenanana vola miditra na mitarika fahafahan'ny olon-kafa mampihena ny fototra amerana.

(ii) Ny fanomezana fakitiora anabaka na fomba hafa nahazoana alàlana, misy fampidinan-tsanda na habetsahana ao amin'ny fakitiora.

(iii) Ny varotra rehetra izay tsy nanaovana fitana-kaonty ara-dalàna varotra sy tsy nanaovana fanambarana, anisan'izany:

- **Ny tsy fisiana na fandavana fanomezana fakitiora.**
- **Ny fanomezana fakitiora tsy noraiketina an-tsoratra.**
- **Fanafoanana feno hosoka ny fakitiora amin'ny rafitra e-Facturation, tsy nisy fanamarinana ara-dalàna.**

2. Fandikan-dalàna nataon'ny mpividy:

(i) Ny fampiasana na fanolorana amin'ny Fandraharahana fakitiora sandoka, fakitiora noforonina, na ny antontan-taratasy miendrika fakitiora tsy ara-dalàna na misy hosoka, anatin'izany ny fampiasana anarana indrana na fanaovana hosoka mba hanamarinana ireo vesatra sy fandania ary mampihena araka izany ny fototra amerana.

(ii) Ny tsy fanolorana ny fakitiora takian'ny andininy IV-21 amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra dia tsy ahafahana manamarina ny fandania na vesatra any amin'ny Fandraharahana, noho ny antony tsy fahafahana mitaky ny fakitiora amin'ny mpivarotra.

(iii) Ny fampiasana na fanolorana amin'ny Fandraharahana, ho fanamarinana ny fanalana ny vesatra, ny fakitiora rehetra mandika ny andraikitra amin'ny fampiasana ny rafitra e-Facturation napetraka sy neken'ny Fandraharahana ara-ketra.

C. Ankoatra ireo sazy ara-pitsarana, ny varotra rehetra misy fakitiora ahitana Haba amin'ny tataom-bidy ataon'ny olona tsy iharan'ny haba dia ampiharana lamandy fanampiny 150 isan-jato amin'ilay haba nangoniny, na nandoa sy nandrotsaka izany tamin'ny Fandraharahana ilay haba nangoniny aza izy.».

Foronina ny andininy vaovao 20.01.56.33 izay mirija toy izao :

« Andininy 20.01.56.33 – Fandikan-dalàna sy sazy manokana mikasika ny rafitra e-Facturation

Ankoatra ny fampiharana ireo sazy mifanaraka voafaritr'ireo andininy 20.01.54.2 sy 20.01.56.18 amin'ity Fehezan-dalàna ity, ny olon-tsotra na mizaka zo aman'andrikitra rehetra, na inona na inona rafitra araky ny lalàna na fomba amerana ny hetra, ka tsy maintsy mampiasa ny rafitra e-Facturation napetraka sy neken'ny Fandraharahana ara-ketra, ary nanao ny iray amin'ireto fandikan-dalàna manaraka ireto, dia ampiharana sazy ara-panjakana raikitra faritana araka ny sokajy ara-ketra misy azy :

Mahatonga Ireo fandikan-dalàna amin'ity andininy ity :

- 1. Ny fandavana amin'ny fampiasana ny rafitra e-Facturation na ny tsy fanajana ny fanerena amin'ny fampifanarahana nataon'ny Fandraharahana ara-ketra ;**
- 2. Ny fanamboamboarana niniana natao, fanimbana, fanafoanana ireo antontan'isa, na ny fomba natao mba tsy ampihodina araka ny tokony ho izy ny rafitra e-Facturation mba hanaovana hosoka na ialàna amin'ireo andraikitra ara-ketra ;**
- 3. Ny fampiasana ny rafitra e-Facturation tsy nankatoavina na rafitra nankatoavina kanefa nesorin'ny Fandraharahana ara-ketra.”**

Sokajin'ny mpandoa hetra	Lamandy rakitra (Ariary)
Mpandoa hetra Vaventy	20 000 000
Mpandoa hetra salantsalany	10 000 000
Mpandoa hetra madinika	1 000 000

Foronina ny andininy vaovao 20.01.56.34 izay mirija toy izao :

« Andininy 20.01.56.34 - Sazy amin'ny tsy fanajana ny andraikitra amin'ny fitehirizana ireo fakitiora

Ny tsy fanajana ny andraikitra amin'ny fitehirizana ireo fakitiora (elekitronika na hafa), ary koa ny antontan-taratasy rehetra mifanaka aminy, voalaza indrindra amin'ireo andininy 01.01.20 sy

01.02.07 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra, dia ampiharana lamandy voafaritra isaky ny taona tsy ampy na tsy feno, araka ny sokajin'ny mpandoa hetra :

Sokajin'ny mpandoa hetra	Lamandy Raikitra (Ariary) isaky ny Taona tsy ampy na tsy feno
Mpandoa hetra Vaventy	2 000 000
Mpandoa hetra salantsalany	1 000 000
Mpandoa hetra mandinika	100 000

Ny lamandy dia aloan'ny olon-tsotra na mizaka zo aman'andraikitra, amin'ny fanamarinana atao aminy na amin'ny fangatahana antontam-baovao takian'ny Fandraharahana ara-ketra, izay tsy afaka nanolotra manontolo ireo fakitiora amin'ny fivarotana na fividianana rehetra ary koa ireo fanamarinana ireo vesatra amin'ny fe-potoana ara-dalàna hitazonana izany, na folo (10) taona, na telo (3) taona ho an'ireo mpandoa Hetra Tambatra. ».

Ny ambiny tsy misy fanovana.

ANDININY FAHA 2.2**FEHEZAN-DALÀNA AMIN'NY PAIKA ARAHINA ARA-KETRA**

Ny fepetry ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao :

LOHATENY I**NY AMIN'NY LAHARAM-PAMANTARANA, FANAMBARANA SY FANDROTSAHANA HETRA****ZANA-DOHATENY I****LAHARAM-PAMANTARAN'NY MPANDOA HETRA****TOKO III****FOMBA ARAHINA HATAO MANDRITRY NY TAOM- PIASANA****SOKAJY I****ZAVA-MISY AMIN'NY FITRANDRAHANA****Andininy I-07.-**

Ampiana paragirafy vaovao izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

“Ny fivoahan'ireo vahiny manana fahazoan-dalana mpandraharaha amin'ny tanim-pirenena malagasy dia tsy maintsy ialohavan'ny fampisehoany ny taratasy maha ara-dalàna azy ara-ketra manamarina ny fanajany ireo andraikitra amin'ny fanambarana sy ny fandoavana hetra, sara sy haba takiana eto Madagasikara;”

ZANA-DOHATENY II**FANAMBARANA SY FANDROTSAHANA NY HETRA****TOKO I****ANDRAIKITRY IREO MPANDOA HETRA IHARAN'NY HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA****SOKAJY I****FILAZANA VOKATRA AZO SY VOLA MIDITRA**

Ovàna toy izao manaraka izao « **FANAMBARANA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY FANDOAVAN-KETRA** » ny lohatenin'ny **SOKAJY I** amin'ity toko ity

Andininy I-11.-

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity :

“ Ny olona iharan'ny hetra dia tsy maintsy manao filazana isan-taona ireo vokatra azo sy vola miditra, araka izay voafaritry ao amin'ny andininy 01.01.09 hatramin'ny 01.01.11 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra, azo tamin'ny taona lasa, sy mandoa ny hetra amin'ny vola miditra mifanaraka amin'izany, araka ireto fe-potoana manaraka ireto ;”

b) Ampiana paragirafy vaovao izay mirija toy amin'ny faran'ity andininy ity :

« Ny fandoavana ireo vola arotsaka mialoha voalazan'ny andininy 01.01.15 amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny hetra dia atao isaky ny roa volana ary fara-fahatarany ny hfaha 15 ny volana farany amin'ny vanim-potoana voalaza. Ankoatra ny fandoavana ireo lamandy sy sazy izay voalazan'io Fehezan-dalàna io ihany, ny fitakiana ireo vola fandrotsaka mialoha dia tanana hatramin'ny fetrandron'ilay hetra tokony aloa amin'ny tsy fanarahana ireo andraikitry ny mpandoa hetra. »

TOKO III

ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HETRA AMIN'NY TSENAM-BAROM-PANJAKANA

Ovàna ho **“ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA AMIN'NY TSENAM-BAROTRA”** ny lohatenin'ny Toko III.

SOKAJY I

FANAMBARANA SY FANDOAVANA NY HETRA AMIN'NY TSENAM-BAROM-PANJAKANA TANANA IFOTONY

Ovàna ho **“FANAMBARANA SY FANDOAVANA NY HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA AMIN'NY TSENAM-BAROTRA TANANA IFOTONY”** ny lohatenin'ny Sokajy I

Andininy I-15.-

Soloina ho **“Hetra amin'ny vola miditra amin'ny tsenam-barotra”** ny vondron-teny **“Hetra amin'ny tsenam-baro-panjakana”** amin'ity andininy ity.

SOKAJY II

FANAMBARANA SY FANDOAVANA NY HETRA AMIN'NY TSENAM-BAROM-PANJAKANA TSY TANANA IFOTONY

Ovàna ho **“FANAMBARANA SY FANDOAVANA NY HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA AMIN'NY TSENAM-BAROTRA TSY TANANA IFOTONY”** ny lohatenin'ny Sokajy II

Andininy I-16.-

Soloina ho **“Hetra amin'ny vola miditra amin'ny tsenam-barotra”** ny vondron-teny **“Hetra amin'ny tsenam-baro-panjakana”** amin'ity andininy ity.

Andininy I-16 bis.-

Soloina ho **“Hetra amin'ny vola miditra amin'ny tsenam-barotra”** ny vondron-teny **“Hetra amin'ny tsenam-baro-panjakana”** amin'ity andininy ity.

TOKO IV
ANDRAIKITRY IREO MPANDOA HETRA IHARAN'NY HETRA TAMBATRA
SOKAJY I
FANAMBARANA SY FANDOAVANA NY HETRA

Andininy I-17.-

Ampiana paragirafy vaovao izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

« Ireo vola fandrotsaka mialoha voalazan'ny andininy 01.02.06 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra dia aloa amin'ny fe-potoana roa :

- **fara-fahatarany ny 31 martsa ny taona itsahina ho an'ny fandrotsahana ampaham-bola voalohany ;**
- **fara-fahatarany ny 33 jona ny taona itsahina ho an'ny faharoa.**

Ankoatra ireo fandoavana ireo lamandy sy sazy voalazan'io Fehezan-dalàna io ihany, ny fitakiana ireo vola fandrotsaka mialoha dia tanana hatramin'ny faran'ny fetrandro ilay hetra tokony naloa amin'ny tsy fanaovan'ny mpandoa hetra ireo andraikiny.

Ireo fomba fampiharana ireo fepetra ireo dia faritan'ny didy amam-pitsipika.”

TOKO VIII
ANDRAIKITRA AMIN'NY SARA-PANORATANA (DE)
SOKAJY V
FANDOAVANA NY HETRA

I- Fandoavana ireo sara mialoha ny fanoratana

Andininy I-97.-

Ampiana paragirafy vaovao izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

“Ireo sara voalaza etsy ambony dia tsy maintsy aloa amin'ny alalan'ny Hetraphone na amin'ny alalan'ny banky.”

Ampidirana toko vaovao izay mirija toy izao, amin'ny faran'ny toko IX:

« TOKO IX bis
ANDRAIKITRA AMIN'NY HABA AMIN'NY FIARA ENTI-MILINA

SOKAJY I
ANDRAIKITRY NY TOMPON'IREO FIARA

Andininy I- 102 bis.- Ny tompon'ny fiara dia manao ny filazana sy mandoa ny haba mifanaraka ao amin'ny sehatra nomerika natao amin'izany :

- **fara-fahatarany ny 31 janoary ny taona ho an'ireo fiara miasa nanomboka ny 1 janoary ;**
- **manomboka avy hatrany ho an'ireo fiara mandeha taorian'io daty io.**

Afaka manonta ny taratasy nandoavana sy ny QR code mifanaraka aminy izy, na mangataka izany eny anivon'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra mpitantanana ny antotan-taratasy. Io QR Code io dia tsy maintsy apetraka eny amin'ny fitaratra alohan'ny fiara ary tehirizina amin'ny finday.

Ny haba sy ny QR code dia mifandray amin'ny laharam-pamantaran'ny fiara ankoatra ny momba ny tompony. Manan-kery amin'ny taona iray izany.

SOKAJY II ANDRAIKITR'IREO OLON - KAFA

Andininy I-102 ter.- Mba hampanan-kery ny fandoavana io haba io, dia tsy azo atao :

1- ho an'ireo orinasam-piantohana ny manavao ny fiantohana ireo fiara mandeha an-tanety sy ireo sambo raha toa ka tsy voaloha ny haba ;

2- ho an'ireo Lehiben'ny toerana mpanome laharam-pamantarana ny miroso amin'ny famindran-tompo ireo fiara mandeha an-tanety sy ireo sambo raha toa ka tsy voaloha ny haba ;

3- ho an'ireo olona miandraikitra ny fitsirihana ara-tekinika ireo fiara mandeha an-tanety sy ireo sambo, ny manatanteraka ireo fitsirihana raha toa ka tsy manana taratasy manamarina ny fandoavana ny haba ny tompon'ny fiara ;

4- ho an'ireo olona miandraikitra ny fanomezan-dalana hiasa ho an'ireo fitanterana an-dranomasina ny manome io fahazoan-dalana io raha tsy nandoavana haba ireo sambo. Toy izany koa ho an'ireo fitanterana an-habakabaka.

Ireo mpiasa amin'ireo sampan-draharaha ireo dia afaka manamarina ny maha ara-dalàna ny QR code na manamarina ny maha ara-dalàna ny ny fiara manaraka ny fenitra USSD.”

TOKO XIII ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HETRA AMIN'NY TRANO MIORINA

Andininy I-107.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy 1 amin'ity andininy ity :

« Ireo tompony na ireo tena mipetraka amin'ny trano iharan'ny hetra dia tsy maintsy manao fanambarana an-tsoratra na anabaka eny amin'ny biraon'ny Kaominina misy ilay trano, fara-fahatarany ny 15 oktobra isan-taona izay ahitana avy : »

**LOHATENY IV
FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA, IREO ZO Hafa AN'NY FANDRAHARAHANA
SY IREO ANDRAIKITRA Hafa AN'NY MPANDOA HETRA**

**TOKO I
FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA
SOKAJY II
ANDRAIKITRA MANAO FAMPAHALALANA**

1- Fepetra ankapobe

Andininy IV-09.-

Ampiana tsipika faha 4 izay mirija toy izao amin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

“ ireo vokatry tsy nanovana fakitiora ary koa ireo fandanianana tsy mbola nahazoana fakitiora.”

Andininy IV-10.-

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 3 amin'ny b. amin'ity andininy ity :

“ Ho an'ny taona iray, ny daty fanombohan'ny fikirakirana ireo angom-baovao ataon'ny Fandraharahana ara-ketra dia tsy maintsy hanovan'ny **Tale miandraikitra ny fahefana mitaky fampahalalana, fanambarana amin'ny fomban- tserasera ofisialy rehetra.**”

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ny c. amin'ity andininy ity :

“ Amin'ny tsy fahatotosan'ireo andraikitra amin'ny fanambarana, ny Fandraharahana dia miroso amin'ny fanentanana indray amin'ny taratasy ka ny fampahafantarana dia afaka atao amin'ny fifandraisana elektronika na taratasy tsy very mandeha izay misy marika naharaisana azy na naterina an-tanana **na amin'ny alalan'ny fampahalalam-baovao naporitaka sy nambara amin'izay rehetra ilàna azy.**”

2 - Fepetra manokana

Andininy IV-11.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ny 1 amin'ity andininy ity :

“ 1- Mba tsy hiaran'ireo sazy voafaritry Fehezan-dalàna ity, ny antokon-draharaha sy orinasa mpampindram-bola sy/na ara-bola, ary koa ireo olona izay mandray matetika petra-bola amin'ireo sandam-panana-manaraka , taratasim-bola na lelavola, dia tsy maintsy mametraka alohan'ny 30 jona isan-taona ao amin'ny sampan-draharaha miandraikitra ny fahefana mitaky fampahalalana ny lisitr'ireo kaonty nosokafana any amin'ny banky, **ny totalin'ireo fifanakalozana ny miditra sy ny mivoaka** ary koa ireo kaonty toa azy (kaonty tahiry, taratasim-bola, **ary ireo kaonty amin'ny finday, sns).**

Raha ilaina, ny Fandraharahana ara-ketra dia afaka miditra tanteraka amin'ireo kaonty tanana sy raharaha rehetra ataon'ireo sampan-draharaha sy orinasa ireo. Ireo fomba fampiharana io fepetra io dia faritan'ny didy amam-pitsipika.”

SOKAJY III
FIKIRAKIRANA IREO ANGOM-BAOVAO AZO TAMIN'NY FAHEFANA MITAKY
FAMPAHALALANA

Andininy IV-13.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity :

“Raha toa ka voamarina ny fandàvana nataon'ny mpandoa hetra nanaovana filazàna, ny mpanao filazàna izay diso dia tsy maintsy hanaovana fanitsiana ao anatin'ny fetra fahalanian'ny paikandro voalazan'ny andininy IX-21 andalana faha-2 ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra.”

TOKO III
ANDRAIKITRA HAFAN'NY MPANDOA HETRA

SOKAJY III
FITANAN-KAONTY MAMAKAFAKA SY FANOMEZANA FAKITIORA ARA-DALANA

Andininy IV-21.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ny mpandoa hetra rehetra, olon-tsotra na mizaka zo aman'andraikitra, izay manao raharaham-barotra na saik'asa, dia tsy maintsy manome fakitiora anabaka ataon'ny rafitra e-Facturation napetraka sy nankatoavin'ny Fandraharahana ara-ketra isaky ny fifanakalozana, ankoatra ny karazan'asa atao (varotra an bongadiny na antsinjarany, saik'asa) ary ny toerana hanatanterahana ny raharaha.

Ireo fakitiora elekitronika natao tamin'ny rafitra ihany no manan-kery, izay ahitana mazava ireto voalaza manaraka ireto :

- *famantarana feno ny momba ny mpivarotra sy ny mpividy : anarana na anaran'ny orinasa, adiresy, laharam-pamantarana ara-ketra ;*
- *ny laharana mitohy sy ny daty nanaovana ny fakitiora ;*
- *ny filazalazana an-tsipirihany ireo entana sy raharaha natao, anatin'izany ny fatra sy ny venty fandrefesana ;*
- *ny vidin'ny iray sy ny vidiny rehetra tsy misy haba ;*
- *ny taha sy ny sora-bolan'ireo haba ampiarina (TVA na sara sy haba hafa, raha misy) ;*
- *ny sora-bola manontolo miaraka amin'ny haba ;*
- *ireo fombafomba fandoavana sy, raha misy, ny daty fara-fandoavana na ny sata amin'ny fandoavam-bola ;*
- *ny filazana manokana rehetra takian'ny lalàna na ny fitsipika manan-kery.*

Raha toa ka fakitiora an-taratasy no takiana na nomena, dia tsy maintsy mitovy tanteraka amin'ny fakitiora anabaka nomena sy nakatoavin'io rafitra io.

Amin'ny amehana, dia omena alalana mandram-pisian'ny fanapariahana tanteraka amin'ireo sokajin'ny mpandoa hetra, ireo fakitiora an-taratasy izay mbola tsy nampiasana ny rafitra e-Facturation. Izy ireo dia tsy maintsy :

- **soratana amin'ny dika anankiroa, mitovy, tsy mifanosona, tsy mitakosona tsy nampiana ;**
- **misy daty ary voasonian'ny mpivarotra na ny mpanao saik'asa ;**
- **misy laharana araka ny namoahana azy sy mifampitohy isan-taona ;**
- **ahitana mazava ny anarana na anaran'ny orinasa, ny adiresy, ny laharam-pamantarana statistika sy ny laharam-pamantarana ara-ketra anabaky ny mpivarotra na ny mpanao saik'asa, ary toy izany koa ny an'ireo mpanjifa ;**
- **soratana ny fatra, ireo vidin'ny iray sy vidiny rehetra atao amin'ny tarehimarika sy antsoatra ireo entana lafo na saik'asa natao ;**
- **soratana ny daty fandoavana sy ny fomba hanefana azy.**

Ny mpandoa hetra rehetra, olon-tsotra na mizaka zo aman'andraikitra, izay manao ny raharaha matihanina amin'ny maha mpividy azy na mpindran-draharaha, dia tsy maintsy mangataka sy mitahiry ny fakitiora nomena mifanaraka amin'ny fepetr'ity andininy ity, ho an'ireo raharaha rehetra natao.

Ireo fakitiora dia tsy maintsy tehirizina amin'ny fe-potoana mifanaraka amin'ireo andininy 01.01.20 na 01.02.07 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra.

Tsy maintsy aseho amin'ny fangatahana voalohany ataon'ny mpiasan'ny Foibem-pitondrana ankapobe ny hetra izay manana ny laharana mpanara-maso fara-fahakeliny na miandraikitra ny asan'ny Lehiben'ny Ivon-ketra.

Ireo fomba fampiharana ity fepetra ity, ary koa ireo famporisihana amin'ny fampiasana ny fakitiora elektronika, dia faritan'ny didy amam-pitsipika. »

Foronina ny Sokajy IV izay mirija toy izao, amin'ny faran'ity Toko III ity:

“SOKAJY IV

FANAJANA IREO FE-POTOANA FANAOVANA FANAMBARANA SY FANDOAVAM-BOLA

Andininy IV-21 bis.- Ny fanambarana ara-ketra rehetra sy ny fandoavana izany, sara sy haba sy ny mifandraika amin'izany dia tsy maintsy tanterahina farafahatarany amin'ny daty farany voalazan'ny fehezan-dalàna. Ny tsy fanajana izany dia mitarika ny fampiharana ireo sazy mifanaraka aminy.”

**LOHATENY V
IREO PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANAMARINANA ATAON'NY FANDRAHARAHANA
ARA-KETRA**

**TOKO I
FANAMARINANA AN-TARATASY**

**SOKAJY III
FOMBA ARAHINA AMIN'NY FANITSIANA IFANATREHENA MANDRITRY NY
FANAMARINANA AN-TARATASY**

**PARAGIRAFY III
FIFANDRESEN-DAHATRA IFANATRAHANA ARAKA NY FANAMARIHAN'NY
MPANDOA HETRA**

Andininy V-06.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny paragirafy roa voalohany amin'ity andininy ity :

« Ny fifandresen-dahatra sy ifanatrehana atao amin'ny mpandoa hetra nanaovana fanamarinana na ny tompon'andraikitra voalohany na ireo solon-tenan'ny orinasa, dia atao eny amin'ny birao tonga eny amin'ny biraon'ireo mpanamarina ary amin'ny faran'izany no hanaovana fitanana an-tsoratra izay soniavin'ny roa tonta. Amin'ny fisoloan-tena dia takiana amin'ireo nomen'ny mpandoa hetra fahefana, izay manatrika ny fifandresen-dahatra ifanatrehana ny fanomezam-pahefana tsy maintsy noraiketina an-tsoratra.

Ny fitanana an-tsoratra dia soratana araka ny modely izay voafaritry ny Fandraharahana araketa mialoha, ary tsy maintsy mitanisa ireo fifanakalozana teo amin'ny mpandoa hetra sy ny Fandraharahana, milaza ireo fandikan-dalàna hita sy ireo antony, ahitana ny listr'ireo taratasy rehetra nomen'ny mpandoa hetra milaza ny hevitra ny Fandraharahana, ireo fanamarihan'ny mpandoa hetra sy ireo fandresen-dahatra nataony, ireo fanitsiana nekena sy ireo teboka nampifanolana. Ny fandavana sy tsy fanekena ireo taratasy avy amin'ny mpandoa hetra nanaovana fanamarinana dia tsy maintsy asiana antony, nohamarinina sy lazaina ao amin'ilay taratasy fitanana an-tsoratra.»

**PARAGIRAFY IV
FANATANTERAHANA NY FAMPAHAFANTARANA RAIKITRA**

Andininy V-07.-

Ampidirana paragirafy vaovao izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

« Ny fanitsiana raikitra dia tsy maintsy ampahafantarina ao anatin'ny fe-potoana sivifolo (90) andro manomboka amin'ny daty nandraisan'ny mpandoa hetra nanaovana fitsirihana ny fampahafantarana voalohany. Raha tsy izany, dia tsy maintsy ampahafantarina ity farany ny antony mikasika izany. Ny fe-potoana vaovao mitovy amin'ilay teo aloha dia manomboka amin'ny nandraisana ilay taratasy nalefa mikasika izany, mba hamaranana tanteraka ireo fomba arahina

ifanatrehana. Raha tsy misy ny fampahafantarana ao anatin'ireo fe-potoana ireo, ny fanitsiana ara-ketra dia neverina ho toy ny nialana, raha tsy avy amin'ny mpandoa hetra ny anton'izany.»

TOKO II FITSIRIHANA ENY AN-TOERANA

SOKAJY II FOMBA ARAHINA AMIN'NY FITSIRIHANA ENY AN-TOERANA

PARAGIRAFY I ANTOKA MIFANDRAY AMIN'IREO RAHARAHANA AMIN'NY FITSIRIHANA ENY AN-TOERANA

Zana-paragirafy II – Fanatrahan'ny mpanolo-tsaina

Ovàna ho « *Fihaonana sy Fanatrahan'ny mpanolo-tsaina* » ny lohatenin'ny zana-paragirafy II

Andininy V-10.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy 1 amin'ity andininy ity :

« Ny fihaonana rehetra amin'ny mpandoa hetra na ny tompon'andraikitra voalohany na ny solon-tenan'ny 73rinasal tsy maintsy nomena fahefana mandritra ny fitsirihana eny an-toerana dia tsy maintsy hanaovana fitanana an-tsoratra. Ny mpandoa hetra hanaovana fitsirihana dia manan-jo hatrehina Mpanolon-tsaina nofidiany mandritra sy amin'ny tohin'ireo fanamarinana ny fitanan-kaonty na ny fijerena ny toe-jazatra manokana eo anatrehan'ireo hetra, sara sy haba, ary tsy maintsy ampahafantarina izany ao anatin'ny filazana fitsirihana eny an-toerana, mba hampanankery ny fomba arahina. »

PARAGIRAFY II RAHARAHANA AMIN'NY FITSIRIHANA NY AN-TOERANA

Zana-paragirafy II- Fanomezana ireo antotan-taratasy mandritry ny raharaha amin'ny fitsirihana eny an-toerana

Andininy V-14.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

“ Raha toa ny fitanan-kaonty ka natao araka ny rafitra ara-solosaina, dia tsy maintsy vonona amin'ny fotoana rehetra eny amin'ny foiben'ny orinasa izany ary tsy maintsy omena ireo mpanamarina any am-piandohan'ny asa fanamarinana, ireo antontan-taratasy-pitanan-kaonty ara-informatika sy ny marika fidirana mifanaraka amin'izany. Ny tsy fanajana io andraikitra io dia ampiharana ireo fepetra arahina voalazan'ny andininy V-37-3 amin'ity Fehezan-dalàna ity.”

TOKO III FEPETRA IRAISANA AMIN'IREO PAIKA AMIN'NY FANAMARINANA SY NY FANITSIANA IFANATREHANA

Andininy V-29.-

Ampiana paragirafy izay mirija toy izao amin'ny fiandohan'ity andininy ity :

“ Ankoatra ireo fepetry ny andininy V-21, ireo faharetan'ny fe-potoana amin'ny fanamarinana voalazan'ny andininy V-11 sy V-19 amin'ity Fehezan-dalàna ity dia azo hitarina telopolo (30) andro manomboka ny daty nandraisana ireo angom-baovao izay nanaovana fangatahana tany amin'ny fari-piadidiana any ivelany, raha toa ka voaray tao anatin'ny fe-potoana voalazan'ny andininy IX-15.- ireo angom-baovao ireo ary tsy nisy taratasy fampahafantarana fanitsiana nomena mialoha ny mpandoa hetra.”

**LOHATENY VI
FOMBA ARAHINA AMIN'NY FIFANOLANANA SY FAMINDRAM-PO
TOKO II
FOMBA ARAHINA AMIN'NY FANGATAHANA FAMINDRAM-PO
SOKAJY II
FAHAZOANA FAMINDRA-PO
PARAGIRAFY I
ENDRIKY NY FANGATAHANA FAHAZOANA FAMINDRA-PO**

Andininy VI-07.-

Ampiana paragirafy farany izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

“ Ireo fepetra azo andraisana ny fangatahana voalazan'ireo andininy VI-06 sy VI-07 dia miaraka atao. Ny tsy fanajana ny iray amin'ireo dia mitarika ny tsy fahazoana mandray ny fangatahana.”

**TOKO III
FOMBA ARAHINA AMIN'NY FIFANOLANANA MOMBA NY FAMERANA HETRA
SOKAJY I
SEHATRA AMPIARANA**

Andininy VI-13.-

Soloina *ho “ny sokajy II amin'ny Toko III amin'ity lohateny ity”* ny vondron-teny *“ny sokajy II amin'ny Toko II amin'ity lohateny ity”* amin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity.

**SOKAJY II
FOMBA ARAHINA MIALOHA ATAO ENY AMIN'NY FANDRAHARAHANA
PARAGIRAFY II
ENDRIKY NY FEPETRA AMIN'NY FANGATAHANA AMIN'NY FIFANOLANANA
MOMBA NY FOTOTRA AMERANA**

Andininy VI-16.-

a) Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity :

“ Raha toa ka tsy nolavina ny ampahany amin'ireo fameran-ketra notanana raikitra, ny mpandoa hetra dia tsy maintsy mandoa ny ampahany nekena alohan'ny hametrahana ny fitarainana amin'ny

fifanolanana momba ny fototra amerana na eny anivon'ny Fandraharahana ara-ketra na eny amin'ny Vaomiera ara-ketra, na alohan'ny fangatahana fampiatoana fandoavam-bola. Ny tapakila nandraisana avy amin'ny mpitana kaontim-panjakana, an-taratasy na elekitronika ihany no manamarina ny fandoavana ny hetra.”

b) Ovàna ny rijan-tenin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity :

“Amin'izany, tsy azon'ny manampahefana mpanapaka voalazan'ny andininy VI-20 ny manambara fa azo raisina ireo fitarainana tsy manaraka ireo fepetra amin'ity andininy ity, ny fanaovany izany dia mitarika amin'ny anarany manokana, ny fandoavana miaraka ilay hetra takiana.”

Andininy VI-17.-

Ampiana paragirafy farany izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

“ Ireo fepetra azo andraisana amin'ny filaminam-bahoaka voalazan'ireo andininy VI-16 sy VI-17 dia miaraka atao. Ny tsy fanajana ny iray amin'ireo dia mitarika ny tsy fahazoana mandray ny fangatahana, na izany aza, ny mpangataka dia afaka manome izay taratasy tsy ampy ao anatin'ny dimy ambinifolo (15) andro manomboka amin'ny naharaisana ilay fangatahana voalohany.”

PARAGIRAFY III

TOERANA FAMETRAHANA SY ANAOVANA FAMOTORANA NY FITARAINANA

Andininy VI-18.-

Ovana toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ho an'ireo hetram-bondrom-paritra voalaza ao amin'ny fitsipika ara-ketra, ireo fangatahana amin'ny fanalana na amin'ny fampihenana dia alefa amin'ny Foibem-pitondrana miandraikitra ny Fifanolanana aorian'ny fahazoana fankatoavana avy amin'ny Ivon-ketra any amin'ny Kaominina misy azy. Izany dia tsy maintsy ampiarahina amin'ny taratasy famotorana mifanaraka amin'izany izay atan'ity farany.

Ho an'ireo hetram-panjakana voalazan'ny fitsipika ara-ketra, ireo fitarainana mialoha mikasika ny fototra amerana dia entina eny amin'ny Foibem-pitondrana miandraikitra ny Fifanolanana izay mametraka ny marika naharaisana.

Ny dika mitovin'ny fitarainana dia alefa ho famotorana eny amin'ny Sampana mpirotsaka antsehatra miandraikitra ny antontan-taratasin'ny mpandoa hetra na ny Ivon-ketra misy ilay Kaominina misy azy hoa an'ireo hetram-bondrom-paritra. Ny taratasy famotorana dia tsy maintsy alefa eny amin'ny Foibem-pitondrana miandraikitra ny Fifanolanana. »

Andininy VI-19.-

Ovana toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ireo fitarainana dia hanaovana famotorana eny amin'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra miandraikitra ny antontan-taratasin'ny mpandoa hetra na ny Ivon-ketra amin'ny Kaominina misy azy ho an'ireo hetra, sara sy haba samihafa hita ao anatin'ny Boky II amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra.

Ny taratasy famotorana dia tsy maintsy alefa eny amin'ny Foibem-pitondrana miandraikitra ny Fifanolanana ao anatin'ny fe-potoana dimy ambinifolo (15) andro manomboka amin'ny nandraisana ny dika mitovin'ireo antontan-taratasy nanaovana fitarainana. »

SOKAJY III FOMBA ARAHINA MANOLOANA NY FITSARANA AMIN'NY ADY AMIN'NY FANJAKANA

PARAGIRAFY I FAMPIDIRANA NY FANGATAHANA

Andininy VI-26.-

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 3 amin'ity andininy ity :

“ Ny Fandraharahana dia afaka mangataka eo anatrehan'ny Fitsarana na Tribunal any amin'ny ady amin'ny fanjakana mba ahazoana ireo fanazavana momba ireo fanapahana navoaka tamin'ireo didim-pitsarana.”

PARAGIRAFY II ENDRIKA SY FOMBA ARAHINA AMIN'NY FANGATAHANA

Andininy VI-28.-

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

“ Ny fangatahana dia alefa any amin'ny Mpiraki-draharahan'ny fitsarana mahefa izay manome ny fanamarinam-pandraisana.

Izany dia tsy maintsy, atao isam-batan'olona, misy daty, misy sonia, misy ny anarana sy ny mombamomba ny mpangataka ary milaza ny anton'ny fandavan'ny Fandraharahana,

Tsy maintsy ampiarahina amin'ny fangatahana, ireo dika mitovin'ny:

1°- ny fanapahana, ny manampahefana ara-panjakana mahefa mikasika ny fitarainana mialoha ,raha misy;

2°- ny fitarainana mialoha entina eny amin'ny Fandraharahana na ny Vaomiera ara-ketra;

3°- ny tapakila nandraisana avy amin'ny mpitana kaontim-panjakana manamarina ny nandoavana ilay ampahany nekena, an-taratasy na elekitronika;

4°- Taratasy fameran-ketra nolavina na ireo fanapahana noraisin'ny fandraharahana taorian'ny famerana ny hetra;

5°- ny sora-pamerana mifanaraka aminy;

6°- ny fanomezam-pahefana dia ampiarahina amin'ny fitarainana mialoha. Tsy azo raisina ny fanomezam-pahefana rehetra nampidirina tamin'ny voalohany teny amin'ny Fitsarana.

Ny fifanolanana ara-ketra dia fotorina sy tsarina araka ireo taratasy, avy amin'ireo singa nentin'ny mpangataka irery ihany tamin'ny valin-teniny tao amin'ny fampahafantarana voalohany, nandritry fifandresen-dahatra sy nifanatrehana ary tamin'ny fitarainana mialoha. Tsy azon'ny mpitsara raisina ireo zava-misy, fomba, fanamarinana sy taratasy, tsy nampahafantarina mialoha ny Fandraharahana tamin'io dingana io.

Amin'izany, tsy azon'ny mpitsara raisina ireo fangatahana mifanohitra amin'ireo fepetra amin'ity andininy ity, ary koa ny manome ny heviny na inona na inona antony, amin'ny fangatahana, zava-misy rehetra, fomba, porofo na taratasy tsy nomena mialoha ny Fandraharahana, ny fanaovany izany dia mitarika amin'ny anarany manokana, ny fandoavana miaraka ilay hetra takiana.”

Andininy VI-31.-

Ampiana paragirafy izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

“Raha misy tsy fahatomombanana amin'ny endrik'ilay fangatahana, dia tsy afaka ny hanohy ny fanadihadiana ny Fandraharahana.

Raha toa ka ambaran'ny Fitsarana miady amin'ny fanjakana na ny Filankevi-panjakana ny fahafahana mandray ilay fangatahana dia anjaran'ny Fandraharahana ara-ketra no mitondra ireo vokatry ny fanadihadiany, mialoha ny fanapahan-kevitra.”

Andininy VI-33.-

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity:

“Ny tsy fisiana na fahataran'ny fampahafantarana ny fotoam-pitsarana amin'ny mpangataka na amin'ny Fandraharahana ara-ketra dia manome zo amin'ny fangatahana famerenana araka ny voalaza ao amin'ny Lalàna fehizoro laharana 2004-036 tamin'ny 1 oktobra 2004.”

b) Ampiana paragirafy izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

“Ny fe-potoana iray (1) volana ahafahana mampiditra ny fitarainana dia manomboka amin'ny daty nandraisana ny fampahafantarana ny fandefasana ny didim-pitsarana”

Andininy VI-34.-

Ampiana paragirafy izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

“Tsy azon'ny mpitsara na koa ny fandraharahana miandraikitra ny fifanolanana ny mandray ireo mpifanandrana ivelan'ny fotoam-pitsarana izay niantsoana sy nihainoana azy ireo.

Ireo mpitsara dia tsy afaka mamaritra ny hetra aloa na miroso amin'ireo raharaha amin'ny fototra amerana sy ny fikajiana azy, ny fanaovany izany dia mitarika amin'ny fampiharana ireo sazy voafaritry ny andininy VI-28 amin'ity Fehezan-dalana ity.

Izy ireo dia manambara fotsiny ny maha ara-dalàna ny fandavana ireo fameran-ketra, ny fanatanterahana ireo fanapahana dia anjaran'ny Fandraharahana ara-ketra manokana.

Ny Fitsarana dia tsy maneho ny heviny amin'ireo fanapahana fandavana mazava ataon'ny fandraharahana na amin'ireo fitarainana natao ho fanoherana ny fanapahana fandavana ankolaka araka ny andininy VI-26 amin'ity Fehezan-dalàna ity.

Ny tsy fanajàna ireo fepetra ireo dia ahafahana mangataka famerenana ilay fanapahan'ny Fitsarana, ho fampiharana ny Lalàna fehizoro laharana 2004-036 tamin'ny 1 oktobra 2004.”

SOKAJY V FANDRAVONANA IREO FIFANOLANANA ARA-KETRA EO ANIVON'NY VAOMIERA ARA-KETRA

II- FIRAFITRY NY VAOMIERA

Andininy VI-50.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

“Araka ny tolo-kevitra ny Tale Jeneralin'ny hetra, ireo mpikambana ao anatin'ny Vaomiera ara-ketra dia tendren'ny Minisitry misahana ny lalàna ara-ketra, amin'ny alalan'ny didim-pitondrana, hiasa mandritry ny fe-potoam-piasana telo taona azo avaozina indray mandeha, ireo mpikambana ao amin'ny Vaomiera ara-ketra toy izao manaraka izao : ”

III- FAMPAHAFANTARANA ENY AMIN'NY VAOMIERA ARA-KETRA

Andininy VI-54.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

“ 1. Mba ho azo raisina ny taratasy fampahafantarana ny Vaomiera ara-ketra dia tsy maintsy :

- mahakasika mpandao hetra iray ;
- mahakasika fampahafantarana fameran-ketra raikitra iray ihany ;
- Ampanarahana ny taratasy manamarina ny fandoavana ny fanitsiana ara-ketra ekena, raha misy izany. **Ny taratasy nandraisana avy amin'ny mpitana kaontim-panjakana, an-taratasy na elekitronika ihany no manamarina ny nandoavana ny hetra.**
- Ampanarahana ny fitanana an-tsoratra ny adi-hevitra ifanatrehana araka ny voalazan'ireo andininy V-03 hatramin'ny V-07 ho an'ny fanaraha-maso ny an-taratasy ary voalaza amin'ny andininy V-17 ho an'ny fitsirihana eny an-toerana. ;

- *mirakitra ny karazan-ketra, ny taom-piasana sy ny sora-bola ifanolanana ;*
- *mirakitra ny famelabelarana amin'ny antsipirihany ny antonanton'ny fandavana, ireo toha-kevitra sy fehi-kevitra.*
- *ampiarahina amin'ny taratasy fanamarinana manamafy ny toha-kevitra ;*
- *misy sonia, ny anarana sy ny andraikitry ny mpanoratra ;*
- *misy daty.*

Ny Vaomiera ara-ketra dia tsy maintsy milaza ny fahafahana mandray na tsia ilay fampahafantarana araka ireo fepetra voalaza etsy ambony, sy ireo voafaritry ny andininy VI-16 amin'ity Fehezan-dalàna ity.

2. Mba ho azo raisina, ireo olona rehetra mampahafantatra ny Vaomiera amin'ny anaran'olon-kafa dia tsy maintsy mitondra miaraka amin'ny taratasy fampahafantarana, ny fanomezan-dalana ara-dalàna, natao an-taratasy sy nosoratana am-boky tany amin'ny biraon'ny hetra mintantana ny antontan-taratsin'ny ny mpandoa hetra mialoha ny fampandrenesana ny Vaomiera. Na izany aza, ireo tsy fahatomombanana mety misy amin'ny endriny, ankoatra ny fahalanian'ny paik'andro, dia azo ahitsy ao anatin'ny fe-potoana voafaritry ny Vaomiera ara-ketra mialoha ny fotoam-pitsarana voalohany faritan'ny Vaomiera.

Ireo fanitsiana rehetra natao araka ireo fepetra voalaza etsy ambony dia tsy maintsy soratana amin'ny hevitra navoakan'ity farany.

Ireo fepetra fandraisana ireo dia miaraka ary tsy maintsy feno mba afahana mandray ilay fampahafantarana.”

LOHATENY VII NY AMIN'NY FAMORIAN-KETRA

TOKO I

FAMORIANA ATAON'NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA

Ovàna ho **“FAMORIANA AMIN'NY ALALAN'NY TARATASY FAMERAN-KETRA”** ny lohatenin'ity Toko I ity

SOKAJY I FITAKIANA NY HETRA

Andininy VII-01.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

“ Ny hetra mivantana sy ireo haba mitovy aminy voarakitra ao amin'ny Lohateny I sy II ao amin'ny Boky II amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra dia azo takiana manomboka ny 1 martsa amin'ny taom-pameran-ketra manaraka ireo fepetra manokana mifehy ireo hetram-bondrom-paritra tsirairay.

Ny sora-bola aloan'ny mpandoa hetra dia ampahafantarina ny Ivon-ketra miaraka amin'ny taratasy fameran-ketra misy “QR Code” (Marika amin'ny valiny haingana).

Ho an'ny hetran-trano, ny tamberim-bidy mikasika ny fanangonana, ny fikirakirana ireo fako an-tokantrano sy ny fanariana rano maloto (ROM) araka ny voafaritry ireo andininy 232 hatramin'ny 236 amin'ny lalàna laharana 2014- 020 dia tsy maintsy hita ao amin'ny taratasy fameran-ketra, ary mifanaraka amin'ny fanapahan'ireo filan-kevitra monisipaly na kaominaly.

Mba hampanan-kery azy, ny taratasy fameran-ketra dia tsy maintsy ahitana ireto singa manaraka ireto:

- *Anarana na anaram-pikambanan'ny mpandoa hetra ;*
- *Laharam-pamantara ara-ketra na laharan'ny kara-panondrom-pirenena ;*
- *Anaran'ny Kaominina;*
- *Taom-pameram-ketra ;*
- *Famantarana ny zavatra iharan'ny hetra ;*
- *Ireo tena mipetraka (Tompony na mpanofa) ho an'ny trano miorina;*
- *Fampiasana (trano ipetrahana na hafa) ho an'ny trano miorina ;*
- *Sokajin-tany ;*
- *Fototra amerana ny hetra ;*
- *Tahan'ny hetra na sanda-ketra;*
- *Sora-bola aloa ;*
- **Ny QR Code.**

Ireo mpandoa hetra rehetra dia tsy maintsy mandoa ny hetrany ao anatin'ny fe-potoana telo (3) volana manomboka amin'ny daty nandraisana ny filazana fameran-ketra. »

SOKAJY II FANDOAVANA NY HETRA

Andininy VII-06.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

*“ Ireo hetra mivantana sy haba toa azy dia azo aloa araka ireo fomba fandoavana amin'ny vola manan-kery fampiasa eto Madagasikara na araka ny fomba fandoavam-bola eken'ny Minisitry misahana ny lalàna ara-ketra any amin'ny Mpandray volan'ny Ivon-ketra mahefa ara-paritra, anatin'izany **ny tamberim-bidy mikasika ny fanangonana, ny fikirakirana ireo fako an-tokantrano sy ny fanariana rano maloto (ROM).**”*

TOKO II FAMORIANA ATAON'NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY HETRA

Ovàna ho **“FAMORIANA AMIN'NY FANAMBARANA AN-TSITRAPO”** ny lohatenin'ity Toko II ity

SOKAJY I FOTO-KEVITRA

Andininy VII-32.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

“ Ankoatra ireo fepetra manokana volazan’ity Fehezan-dalàna ity, ireo hetra, sara sy haba na sora-bola aloa ato anatin’ny tanim-pirenena ka ny fandraisana izany dia ataon’ny mpiasan’ny Fandraharahana ara-ketra **sy hanaovana fanambarana an-tsitraro** izay lazaina sy aloa, araka ny fitsipika manan-kery, ataon’ny mpandao hetra eny amin’ny ivon-ketra **misy ilay kaominina.**”

SOKAJY II SORA-PAMERANA

Andininy VII-33

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ny andalana voalohany amin’ity andininy ity:

“ Ireo fampitrosana voalazan’ireo andininy VII-01 sy VII-32 an’ity Fehezan-dalàna ity ary koa ireo fampitrosana ara-ketra vahiny, nanaovana fangatahana amin’ny famoriana ataon’ny manampahefana mahefa vahiny, dia hanaovana sora-pamerana isam-batan’olona na iraisana, ary lasa azo takiana vokatr’izany. Ny sora-pamerana dia maintsy avoaka aorian’ny Fampahafantarana raikitra, fampahafantarana fameran-ketra tsy misy fierana na ireo taratasy mampiseho ny fikajiana hetra voalazan’ny andininy 20.01.56.16 amin’ny Fehezan-dalàna momba ny hetra amin’ny fe-potoana voalazan’ity Fehezan-dalàna ity. **Avoaka miaraka amin’ny taratasy fameran-ketra amin’ny IFPB izany.** Omena aty aoriana amin’ny taratasy fitakian-ketra ho an’ireo tranga hafa, ary tsy manafoana ireo fe-potoana fahalaniana paik’andro voalazan’ity Fehezan-dalàna ity izany. Ny sora-pamerana dia ataon’ny mpiasa manana andraikitra mpandray volan’ny hetra na ny mpiasa Miandraikitra ny famoriana ireo hetram-bondrom-paritra eny amin’ny Vondrom-bahoaka itsijaram-pahefana, nohamarinina sy azon’ny Tale na ny Lehiben’ny sampana mpirotsaka an-tsehatra mpitantana ny antotan-taratasin’ny mpanadoa hetra izany, **izay afaka mamindra izany, sy an’ireo hetra sy haba ao amin’ny Boky II amin’ny Fehezan-dalàna momba ny hetra, amin’ny Lehiben’ny sampana mpirotsaka an-tsehatra mahefa ara-paritra.** Ny sora-pamerana dia atao amin’ny alalan’ny taratasy fameran-ketra, isaky ny karazan-ketra ary tsy maintsy ahitana ireto filazana manaraka ireto : “

TOKO III FANGATAHANA FAMPIATOANA NY FANDOAVAM-BOLA

Andininy VII-59

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ny paragirafy voalohany sy faharoa amin’ity andininy ity:

“ Ny fametrahana fitarainana amin’ny fifanolanana amin’ny fototra amerana na ny fitarainana manoloana ireo tribonaly dia tsy mampiantona ny famoriana ny hetra.

Na izany aza, ny fampiatoana ny fandoavana ny ampahany mampifanolana amin’ny fameran-ketra dia ekena, raha toa misy fanagatahana ara-dalàna sady manaja miaraka ireto fepetra manaraka ireto :

1°- Fametrahana fitarainana mialoha any amin’ny Fandraharahana na ny Vaomiera ara-ketra ;

2°- Fanomezana ny tapakila nandraisana avy amin'ny mpitana kaontim-panjakana manamarina ny fandoavana manontolo ilay ampahany nekena, an-taratasy na elekitronika, tsy fahafahana mandoa tsikelikely ;

3°- Soratana ao amin'ny fangatahana, ny sora-bola na ny fototry ny fanafoanan-ketra nangatahina ;

4°- Fanomezana taratasy fanamarinana fandrotsahana mialoha, ho antoka, omen'ny Tahiry amin'ny fametrahana sy fitehirizam-bola, ho an'ny sora-bola mira amin'ny folo isan-jato (10%) amin'ny fanitsiana nolavina.

Ny fandrotsahana io antoka io dia atao amin'ny fanomezan-dalana avy amin'ny Tale misahana ny fifanolanana, aorian'ny fangatahana ataon'ny mpandoa hetra.

Ny fangatahana fanomezan-dalana dia tsy maintsy ampiarahina amin'ny tapakila nandoavana ilay ampahany nekena, mba ho azo raisina.”

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity :

“Ny fanavaozana ireo fanapahana fampiatoana ny fandoavan-ketra nekena talohan'ny 1 janoary 2025 dia ampiharana ireo fepetra amin'ity andininy ity. Ireo fanapahana ireo dia manan-kery hatramin'ny fahalanian'ny antoka any amin'ny banky miaraka amin'izany. Ny fangatahana fanavaozana rehetra dia hanaovan'ny Foibem-pitondrana misahana ny fifanolanana fitsirihana vaovao.”

**LOHATENY IX
FEPETRA SAMIHAFI
TOKO I
FAHALANIANA PAIK'ANDRO SY FE-POTOANA
SOKAJY I
FAHALANIANA PAIK'ANDRO
PARAGIRAFY II
FAMELANA HANDINGANA FEPETRA**

Andininy IX-15.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

“Na dia tapitra aza ny fe-potoana famerenanjo voalazan'ireo andininy teo aloha, ny fanadinoana na tsy fahampiana fameran-ketra dia afaka arenin'ny Fandraharahana ara-ketra ;

- hatramin'ny fiafaran'ny taona manaraka ilay taona namoahana ny fanapahan-kevitra namarana ny raharaha, ho an'ireo fanadinoana na ireo tsy fahampiana ara-ketra voalaza tamin'ny alalan'ny fangatahana amin'ny fifanolanana na tamin'ny alalan'ny raharaha nentina teny anivon'ny fitsarana ;

- hatramin'ny fiasaran'ny taona manaraka ilay taona nanomezan'ny fahefana mahefa vahiny valiny na fara-fahatarany hatramin'ny 31 desambra amin'ny taona faharoa manaraka ilay taona nifaranan'ny fe-potoana voalohany famerenan-jo, ho an'ireo fanadinoana na tsy fahampiana ara-ketra hita tao amin'ny fifanakalozana iraisam-pirenena ny angom-baovao voalazan'ny andininy IX-26 bis. Na izany aza, ny fe-potoana ahafahana manarina dia tsy azo itarina raha tsy nampahafantarina ny mpandao hetra ny fisian'ny fangatahana angom-baovao ao anatin'ny fe-potoana enimpolo (60) andro, manaraka ny fandefasana izany any amin'ny manampahefana mahefa vahiny. Ny fomba fampiharana ireo fepetra ireo dia faritan'ny didy amam-pitsipika.”

Ampiana andininy vaovao izay mirija toy izao aorian'ny andininy IX-16 :

“ Andininy IX-16. bis- Na dia lany paik'andro aza ny fe-potoana ahafahana manarina indray izay voalazan'ireo andininy teo aloha, ny fanapahana voalazan'ny Fitsarana nanafoana ny fampahafantarana raikitra noho ny tsy fahatomombanan'ny fomba arahina dia miteraka fe-potoana vaovao mitovy karazana sy faharetana amin'ilay efa lany paik'andro manomboka amin'ny fampahafantarana, mba hanitsian'ny Fandraharahana ilay tsy fahatomombanana.”

PARAGIRAFY IV FAMPIATOANA NY FAHALANIANA PAIK'ANDRO

Andininy IX-21.-

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

“ Ny fahalaniana paik'andro dia ampiatoana avy amin'ny fampahafantarana ny tolo-kevitra fanitsiana, ny fanambarana na fampahafantarana fitanana an-tsoratra, ny fandrotsahana vola aloa mialoha, ny fametrahana fitarainana, ny fametrahana fangatahana fampihenana-tsazy, **ny fampahafantarana eny amin'ny Filan-kevi-panjakana**, ny taratasy rehetra maneho ny faneken'ny mpandao hetra sy ireo taratasy rehetra mampiato ny lalàna ankapobe mifehy ny vahoaka.

b) Ampiana paragirafy izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

“ Ny fahalaniana paik'andro dia miato avy hatrany raha toa ny taratasy fampahafantarana dia efa nalefa tamin'ny adiresy hita ao amin'ny NIFONLINE na dia tsy mbola voarain'ny mpandao hetra aza. Ny fampiatoana ny fahalanian'ny paik'andro dia mitohy hatrany ny fampiharana azy na nofoanan'ny Fitsarana na ny tribonaly ny fanapahana ny fitsipahan'ny Fandraharahana amin'ny tsy fisian'ny fampahafantarana amin'ny olona.

Ireo fanovana mikasika ny fanomezam-pahefana na ny mpisolo-tena ara-dalàn'ny orinasa dia tsy azo angatahina any am-boalohany eny amin'ny Fitsarana raha tsy efa nambara mialoha tamin'ny Fandraharahana izany. Ireo taratasy rehetra voasoratra ara-dalàna ao amin'ny NIFONLINE dia manan-kery.

Amin'io tranga io, ny Fandraharahana dia afaka manao fampahafantarana indray ny taratasy amin'ny adiresy vaovao, raha toa ny mpandoa hetra ka nanavao ireo fampahalalana ny momba azy. Ny fomba arahina dia miverina amin'ny ara-dalàna.

Ity fepetra ity dia mihatra avy hatrany amin'ireo didim-pitsarana sy didy mbola ao anatin'ny fepotoana fahalaniana paik'andro telo taona ataon'ny Fandraharahana.

Ny ambiny tsy misy fanovana.

ANDININY FAHA-3

FADINTSERANANA

A- MAHAKASIKA NY FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY FADINTSERANANA :

Ny andinindin'ny fehezan-dalana momba ny Fadintseranana dia ampiana sy ovaina toy izao manaraka izao :

LOHATENY VOALOHANY FEHIN-KEVITRA ANKAPOBE MOMBA NY FITONDRANA NY FADINTSERANANA

TOKO III

LALANA MOMBA NY LAZAM-BIDY

Sokajy I

Lazam-bidin'ny haban-tseranana

Ampidirana andalana vaovao faha -3 amin'ny andininy faha 08, ho toy izao :

And 08-3 : Ny hetra fanampiny farany dia averina isaky ny fotoana voafetra amin'ny Teti-bola-panjakana ary kajiana ho fidiram-bolan'ny fadintseranana.

TOKO IV

FAMARITANA NY LALANA SY NY DIDY AMAM-PITSIPIKA MOMBA NY FADINTSERANANA

Sokajy II

Fanomezana fepetra tetezamita

Ovaina ny andininy 13 ho toy izao :

And. 13 . – Ny fanovàna, fanafoanana na fampidirana fehezan-dalàna vaovao ao anatin'ity Fehezan-dalàna ity dia mihàtra manomboka amin'ny fampiharana azy, mifanaraka amin'ny fitsipika momba ny lalàna ankapobeny.

Na izany aza, ny toe-javatra ara-dalàna izay efa nisy talohan'io daty io ary mbola eo am-pandrosoana dia mbola fehezin'ny fepetra teo aloha, raha toa ka efa namokatra voka-tsoa ara-dalàna ho tombontsoa na ho andraikitra ny andaniny voakasika.

Azo ampiharina amin'ireo toe-javatra eo am-pandrosoana ny fepetra vaovao raha toa ka hita fa manome tombontsoa bebe kokoa ho an'ny mpampiasa izany ary mangataka izany ity farany, aorian'ny fametrahana ireo antontan-taratasy ara-dalàna heverina fa ilaina.

Tsy azo takiana ny fanafoanana ny haba sy hetra efa voaloha araka ny fepetra teo aloha, afa-tsy raha misy fepetra mifanohitra amin'izany voalaza mazava.

TOKO V**FEPETRA FAMPIHARANA NY LALANA MOMBA NY LAZAM-BIDY****Sokajy III*****Fiavian'ny entana*****Ovaina ny andininy 20 ho toy izao:****§ 1. – Ankapobeny**

And. 20. – 1° (Vaovao) Raha araka ity Fehezan-dalàna ity, ny fiaviana dia manondro ny fiavian'ny entana ara-barotra iraisam-pirenena ary tsy tokony hafangaro amin'ny fiaviana ara-jeografia na ny anaran'ny fiavian'ny entana, ny fiaviana ara-toekarena ny entana, ny fiavian'ny orinasa ara-pirenena ary ny hevitra rehetra momba ny fiaviana mikasika ny fanaraha-maso ara-barotra ny entana.

2°-Ny Fitantanan-draharahan'ny fadintseranana no manam-pahefana amin'ny famaritana sy fanamarinana ny fiaviana. Azo atao amin'ny fomba rehetra izany. Amin'izany, afaka miasa aloha, mandritra, ary aorian'ny fanadiovana ny entana ny Fadintseranana. Ny fomba fampiharana izany dia faritan'ny didy amam-pitsipika.

(Lalàna laharana faha 2024-025 tamin'ny 18/12/2024 momba ny LFI 2025).

3° (Vaovao) Amin'ny fanafarana entana, ny haban-tseranana dia ampiharina araka ny fiavian'ny entana.

§2. – Famaritana

4° (Vaovao) Ny fiavian'ny entana dia araka ny nipoirany ara-toekarena azy, izany hoe ny firenena izay nahazoana azy manontolo na izay nanovana azy ampy. Misy karazana fiaviana roa :

- Ny fiaviana tsy ara-tsafidy (origine non préférentielle), ampiasaina ho an'ny statistika, ara-barotra na fanaraha-maso, na hampiharana ny fitsipika ankapobeny momba ny varotra ;
- Ny fiaviana ara-tsafidy (origine préférentielle), ampiharina ao anatin'ny fifanarahana ara-barotra manokana na ao anatin'ny ara-tsafidy ankapobeny, mamela ny vokatra sasany hahazo tombontsoa amin'ny fampihenana na fanalana ny haban-tseranana raha manaraka ny fitsipiky ny fiaviana voafaritra ao amin'ireo fifanarahana ireo izy ireo.

5° (Vaovao) Raha araka ity Fehezan-dalàna ity, ny fitsipiky ny fiaviana dia manondro ny lalàna, didy aman-dalàna ary fanapahan-kevitra ara-pitantanana ampiharina ankapobeny, navoaka sy ampiharin'ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana mba hamaritana ny fiavian'ny entana. Misy karazana fitsipiky ny fiaviana roa :

- Ny fitsipiky ny fiaviana tsy ara-tsafidydia ny mason-tsivana ampiasaina hamaritana ny firenena fiavian'ny vokatra rehefa tsy misy fanomezana tombontsoa manokana momba ny sarany;

- Ny fitsipiky ny fiaviana ara-tsafidydia faritana ho toy ny fitambaran'ny mason-tsivana ahafahana mamaritra ny firenena fiavian'ny entana ao anatin'ny fifanarahana ara-barotra manokana na ara-tsafidy ankapobeny.

6° Ny fitsipika arahina hamaritana ny fiavian'ny entana afarana na aondrana ao anatin'ny rafi-pitondrana tsy ara-tsafidydia faritan'ny andininy 20 Bis hatramin'ny 20 Quinquies.

7° Ny fitsipika arahina hamaritana ny fiavian'ny entana nafarana na naondrana ao anatin'ny ara-tsafidy dia faritan'ny andininy 20 Sexies sy 21.

8° Ny fifanolanana momba ny famaritana ny fiavian'ny entana dia azo entina eo anoloan'ny Vaomiera ho an'ny Fampihavanana sy ny Fanadihadiana momba ny Fadintseranana (Commission de conciliation et d'expertise douanière) izay mandray fanapahan-kevitra araka ny fepetra voalazan'ny andininy 111 ka hatramin'ny 115. Ny fomba fampiharana ireo fepetra ireo dia hofaritana amin'ny alalan'ny fanapahana avy amin'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana.

(Lalàna laharana faha 2022-012 tamin'ny 21/07/2022 momba ny LFR 2022)

§ 3 - Fitsipiky ny fiaviana tsy ara-tsafidy ny entana

And. 20 Bis. *Ny fitsipiky ny fiaviana tsy ara-tsafidy dia mamaritra ny fitsipika mifehy:*

- a) ny fampiharana ny lazam-bidin'ny fadintseranana ;
- b) Ny fampiharana ny fepetra hafa ankoatra ny momba ny lazam-bidy apetrak'ireo andinin-dalàna fepetra manokana mifehy ny fifanakalozana entana ;
- c) Ny fananganana sy ny fanomezana ny taratasy fanamarinana ny fiaviana (certificats d'origine).

(Lalàna laharana faha 2022-012 tamin'ny 21/07/2022 momba ny LFR 2022)

:

§3.1– Hevitra momba ny entana azo manontolo ao anaty firenena iray

And. 20 Ter. - 1° . Ny entana azo manontolo ao anaty firenena iray dia entana avy amin'io firenena io

2° Ny "entana azo manontolo ao anaty firenena iray" dia midika hoe:

- a) Ny vokatra avy amin'ny mineraly voatrandraka ao amin'io firenena io ;
- b) Ny vokatra avy amin'ny zavamaniry jinjaina ao ;
- c) Ny biby velona teraka sy nopiana ao ;

- d) Ny vokatra avy amin'ny biby velona izay nompiana ao ;
- e) Ny vokatra avy amin'ny fihazana sy fanjonoana atao ao ;
- f) Ny vokatra avy amin'ny ranomasina, ny ony sy ny farihy azo avy ao amin'io firenena io ;
- g) Ny vokatra avy amin'ny fanjonoana an-dranomasina sy ny vokatra hafa azo avy any an-dranomasina ivelan'ny fari-dranomasin'ny firenena iray amin'ny alalan'ny sambo voasoratra anarana ao amin'ilay firenena voalaza ary mitondra ny sainan'io firenena io ;
- h) Ny entana azo na novokarina teny ambony sambo-orinasa avy amin'ny vokatra voalaza ao amin'ny teboka f) sy g) avy amin'io firenena io, raha toa ka voasoratra anarana ao amin'ilay firenena voalaza sy mitondra ny sainany ireo sambo-orinasa ireo ;
- i) Ny vokatra voatrandraka avy amin'ny tany na ny ambanin'ny ranomasina any ivelan'ny fari-dranomasina an-tanin'ny firenena, raha toa ka mampihatra zo manokana amin'io tany na ambanin'ny ranomasina io ilay firenena ho an'ny fitrandrahana ;
- j) Ny fako sy ny sisa tavela avy amin'ny asa fanamboarana sy ny entana tsy ilaina intsony, raha toa ka nangonina tao ary afaka ampiasaina fa tsy ho an'ny famerenana ireo akora fototra ;
- k) Ireo izay ao ihany no amokarana azy avy amin'ny entana voalaza ao amin'ny teboka (a) ka hatramin'ny (j) na ny vokatra avy amin'izy ireny, na amin'ny dingana inona na inona.

3° Ho an'ny fampiharana ny 2°, ny hevitra momba ny hoe firenena dia mifono ihany koa ny fari-dranomasin'ny firenena io sy ireo renirano anatiny.

4° Ho an'ny tanjon'ny 2°:

- a) Ny vokatra voajanahary dia avy amin'ny firenena izay nitrandrahana azy avy ao amin'ny tany na nijinjana azy ;
- b) Ny vokatra vita ao anaty firenena tokana, tsy nampiasana akora avy amin'ny firenena hafa, dia avy amin'ny firenena izay nanamboarana azy.

(Lalàna laharana faha 2022-012 tamin'ny 21/07/2022 momba ny LFR 2022).

§3.2 – Fiavian'ny entana novokarina tao anatin'ny firenena mihoatra ny iray

And. 20 Quater. - 1° Ny entana iray izay nisy firenena maro nandray anjara tamin'ny famokarana azy, dia avy amin'ny firenena izay nisy ny fanovana farany na fanodinana lehibe, voamarina ara-ekonomika notanterahina tao amina orinasa voaomana ho amin'izany ary nitarika ho amin'ny fanamboarana vokatra vaovao na maneho dingana famokarana manan-danja, raha toa ka:

- a) Ny sanda CAF (Coût Assurance-Fret) n'ny akora nafarana tao amin'io firenena io na tsy fantatra ny fiaviany dia tsy mihoatra ny enim-polo isan-jato (60%) ny totalim-bidin'ny akora ampiasaina amin'ny famokarana ireo entana ireo ; na

- b) Ny Tataom-didy avy amin'ny alalan'ny dingana famokarana dia farafahakeliny dimy amby telopolo isan-jaton'ny (35%) vidin'ny entana miainga avy amin'ny ozinina (coût départ-usine) ; na
- c) Ny fizotry ny famokarana dia mitarika fiovany mombamomba ny lazam-bidin'ny entan' ny akora rehetra ampiasaina.

2° Ho an'ny famaritana ny fiavian'ny entana, dia tsy raisina an-tsaina ny fiavian'ny vokatra angovo, ny fametrahana, ny milina ary ny fitaovana ampiasaina mandritra ny fanovana na fanodinana azy.

3° Tsy heverina ho fanovana na fanodinana lehibe ny asa izay tsy manome na manome kely fotsiny ny toetra na ny fananana ilaina amin'ny entana, ary indrindra indrindra ny asa izay ahitana fotsiny ny iray na maromaro amin'ireto singa manaraka ireto :

- a) Ny fanodikodinana ilaina mba hiantohana ny fitehirizana ny entana mandritra ny fitaterana na fitahirizana azy ;
- b) Ny fanodikodinana natao hanatsarana ny fisehoana na ny kalitaon'ny varotra ny vokatra na hanomanana azy ho an'ny fitaterana, toy ny fizarana na fanangonana fonosana, ny fandaminana sy fanasokajiana ny entana, ny fanovana fonosana, ny fanoratana marika ;
- c) Ny asa fanangonana tsotra ;
- d) Ny fampifangaroana entana avy amin'ny fiaviana samihafa raha toa ka tsy miova be ny toetran'ny vokatra azo avy amin'ny fampifangaroana.

(Lalàna laharana faha 2022-012 tamin'ny 21/07/2022 momba ny LFR 2022)

And. 20 Quinquies. Tsy miakina amin'ny mety ho tohiny ara-pitsarana, ny fitantanan-draharahan'ny fadintseranana dia afaka mandà ny fiaviana nambara ho an'ny entana iray raha toa ka manana porofo ampy ahafahana mamaritra fa ny fanovana na fanodinana dia natao hanodikodinana fotsiny ny fitsipiky ny fiaviana voalaza ao amin'ity Fizarana ity.

(Lalàna laharana faha 2022-012 tamin'ny 21/07/2022 momba ny LFR 2022)

§ 4 – Fitsipiky ny fiaviana ara-tsafidymanokana ny entana

And. 20 Sexies. – 1° Ny fitsipiky ny fiaviana ara-tsafidymanokana dia mamaritra ireo fepetra ahazoana ny fiavian'ny entana mba hahazoana tombontsoa amin'ny:

- a) Fepetra ara-sarany manokana voarakitra ao anatin'ny fifanarahana izay nataon'ny Repoblikan'i Madagasikara tamin'ny firenena sasany na vondrona firenena samihafa ;
- b) Fepetra ara-sarany manokana omena an-kolaka avy amin'ny Repoblikan'i Madagasikara na ho tombontsoan'ny Repoblikan'i Madagasikara.

2° Ny fitsipika arahina hamaritana ny fiavian'ny entana nafarana na naondrana ao anatin'ny rafitra ara-tsafidy dia faritan'ny fepetra manokana voalazan'ny fifanarahana iraisam-pirenena vokatry ny fifanarahana voalaza ao amin'ny fehintsoratra 1° amin'ity andininy ity. **(Lalàna laharana faha 2022-015 tamin'ny 22/12/2022 momba ny LFI 2023)**

Ovaina ny andininy 21 ho toy izao :

§ 5- Porofon'ny fiavian'ny entana (Vaovao)

And. 21 – 1° Ao anatin'ny fitsipika tsy ara-tsafidy, ny taratasy fanamarinana ny fiaviana omen'ny manam-pahefana ao amin'ny firenena manondrana no porofon'ny fiaviana

2° Ao anatin'ny fitsipika ara-tsafidy, ny endrika sy ny fepetra fanomezana ny taratasy fanamarinana ny fiaviana amin'ny fanondranana dia faritana araka ny fepetra manokana voalazan'ny:

- a)** Ny fifanarahana nataon'ny Repoblikan'i Madagasikara tamin'ny firenena sasany na vondrona firenena ;
